


NY ANDRIAMANITR'IZAO

TAONA RATSY IZAO

 [Hoy Rahalahy Orman Neville hoe, “Ity tatitra ity, taorian’ny fivoriana miaraka an’ny diakona sy ny komitin’ny mpitantan-draharaha an’ny tabernakla tamin’ny Zoma hariva, vakianay ireto fehin-kevitra ireto izay mahakasika ny lehilahy rehetra, ny vehivavy rehetra, izay mpanaraka manaiky an’ity asam-panompoana ity, ka te-hahafantatra ny hevitra ny komity, ny pasitera ary ny pasitera mpanampy. Vakiako ireto fehin-kevitra ireto izao maraina izao. Aoka ny olona rehetra hanome fihainoana matotra sy fifantohana amin’izany arak’izay vitanareo.” Mamaky an’ireto fehin-kevitra manaraka ireto i Rahalahy Neville:—Mpand.]

[“Ireto fehin-kevitra ireto dia natao ary nandalo teo amin’ny komitin’ny mpitantan-draharaha, sy ireo diakona tao amin’ny fanekena feno niaraka tamin’ny pasitera sy ny pasitera mpanampy.]

[“Ny horonam-peo rehetra an’ireo toritenin’ny Rev. William Branham dia tsy maintsy Fred Sothmann irery ihany no manao azy, mandra-pisian’ny fanamarihana avy amin’ny komity. Tsy mahafantatra asam-panompoana iray ho an’ny horonam-peo maimaim-poana izahay amin’izao fotoana izao. Ireo horonam-peo ireo dia natolotra, ary tsy azo vokarin’olon-kafa indray afa-tsy i Fred Sothmann raha tsy misy alàlana voasorany.]

[“Nomerao faharoa. Tsy misy olona manao fivoriana, mivarotra boky sy horonam-peo, manoratra trakta, mizara lamba ivavahana na karatra amin’ny karazany rehetra, na mangataka fanomezana, ka eken’ity fiangonana ity na ny pasiterany. Manao an’izany eo ambanin’ny antony tsy marina izy ireo, ary tsy nomena alàlana hanao an’izany.]

[“Fahatelo. Ity fiangonana ity dia tsy maniraka mpitoriteny hafa afa-tsy ny pasiterany, Rev. William Branham, hanao fivoriana any an-kafa.]

[“Ny anton’ireo fehin-kevitra ireo dia izao manaraka izao:]

[“Efa nampahafantarina antsika fa misy ireo mpitoriteny mitety ny firenena izay miditra ao amin’ireo fiombonana hafa, milaza fa izy ireo dia mikambana amin’ity, ary nirahin’ity fiangonana ity hanao an’ireo fivoriana ireo.]

[“Efa nampahafantarina antsika koa fa misy ireo olona manonta karatra sy trakta, mandefa akanjo ivavahana sy ny

sis, toy ny hoe nahazo alàlana hanao an'izany avy tamin'ity fiangonana ity sy ny pasiterany izy ireo, nefa tsy marina izany. Hankasitrahana raha hampahafantarinareo ny fiangonana ny olona rehetra izay hita fa manao an'izany.]

[“Ireo fehin-kevitra ireo dia novakiana sy neken'ny pasitera Rev. William Branham, ny pasitera mpanampy Rev. Orman Neville, ary ny komitin'ny mpitantan-draharaha sy ny diakona.”]

[Avy eo dia hoy Rahalahy Neville hoe, “Enga anie ny Tompo hitahy anareo.” Amin'ny fotoana hariva, 65-0801E, dia miteny Rahalahy Branham hoe ahoana no nandraisan'ny komitin'ny fiangonana an'ireo fanapahan-kevitra ireo. Elanelana tsy voaraki-peo.]

Ireo zavatra dia azo atao, minoa fotsiny;
Minoa fotsiny, minoa fotsiny,
Ny zava-drehetra dia azo atao, fotsiny . . .

Ndao isika hanondrika ny lohantsika.

Ray an-danitra malala, mankasitraka izahay izao maraina izao fa afaka mino izahay. Natao ho azo atao izany noho ny Ràn'Ny Zanakao nalatsaka, Jesosy, mba hahatonga anay ho mpandray anjara amin'ny Fahasoavany; ka lasa zanakalahy sy zanakavavin'Andriamanitra, amin'ny alàlan'ny Fankatoavany hatramin'ny fahafatesana teny amin'ny hazo fijaliana, voamarina amin'ny alàlan'ny finoana Azy sy ny Fitsanganany, ary ankehitriny dia narotsaka ao am-ponay ny Fanahy Masina.

² Mankasitraka izahay ny amin'ity fanararaotra hahatongavana eto ity izao maraina izao mba hizara ny fisainanay sy ny fanompoanay, ireo fanehoana amin'ny alàlan'ny hira, ny fijoroana vavolombelona, ny famakiana ny Salamo, ny famakiana Ny Teninao, ary miandry am-panajana ny Fanahy Masina hanome anay ny Hafatra voamana ho an'ity ora ity. Ekeo izany, Tompo. Enga anie izahay hanararaotra ny maha-eto androany. Ary rehefa handao ny tranobe izahay, dia eng a nie izahay hilaza tahaka an'ireo avy tany Emaosy hoe, “Tsy nangorakoraka tao anatintsika ve ny fonsika raha niresaka tamintsika Izy aninkeo maraina?” Ekeo ireo zavatra ireo, Andriamanitra Mandrakizay, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Amena.

Mahazoa toerana.

³ Manao ahoana, ry sakaiza, eto, ato amin'ny tabernakla sy ireo sakaizanay any ivelany manerana ny firenena, ny any amin'ny Morontsiraka Andrefana rehetra any, izao maraina izao indray, hatrany amin'ny Morontsiraka Atsinanana, ary any avaratra sy atsimo, eo amin'ny fifandraisana ara-telefona.

⁴ Andro tsara iray eto Indiana izao, rahona kely, manify, mangatsiatsiaka, tena tsara. Hipoka ny tabernakla, any an-tokontany sy manerana ny rindrina. Eo ambanin'ny

fiandrasana lehibe isika hamangian'ny Tompo antsika androany. Ary manantena isika fa nanome anareo andro tsara iray Andriamanitra na aiza na aiza misy anareo. Ary andro tsara iray izao, satria ny Tompo no nanome azy. Tsy mampaninona na inona na inona ilay toetr'andro, andro tsara iray izany. Faly isika ny eto, mbola faly fa manana ny fanararaotra haneho amin'izao tontolo izao ny finoantsika an'i Jesosy Kristy isika. Ary tiantsika ny haka ny fanararaotra rehetra izay azontsika mba hanomezantsika ny fanehoantsika ny Fitiavany sy izay Nataony ho antsika. Androany isika dia . . .

⁵ Izaho dia nomena, fotoana vitsy lasa izay, ny—ny filazana iray mba hatao, ary avy eo dia manana zavatra vitsy aho eto izay tiako ho lazaina. Ary ny iray amin'izy ireo, ny filazana izay nomena ahy dia mikasika ny fivorian'ny komity indray hariva. Ary nisy diakona anankiray avy amin'ny fiangonana izay nifindra monina any Arizona, izany dia i Rahalahy Collins, ny rahalahintsika hajaina. Ary satria lavitra izy, izy ireo, ny komity, dia nanendry an-dRahalahy Charlie Cox handray ny toerany satria lasa izy. Ary Rahalahy Charlie Cox no voatendrin'ny mpitantan-draharaha ara-pomba ofisialy . . . na ny komitin'ny diakona an'ity fiangonana ity, mba handray ny asan-dRahalahy Collins, amin'ny tsy maha-eo azy.

⁶ Ary ny zavatra iray izay tiako ho lazaina, indray, te-hisaotra anareo olona rehetra aho, satria ny sasany aminareo dia mety handeha hody alohan'ny asam-panasitranana rahariva, ny amin'ireo fanomezana kely tsara, ireo famantarana. Betsaka ny sakafo nentina ho anay hatramin'ny naha-teto anay. Ary avy amiko sy ny vadiko, ary ny fianakaviako, dia mankasitraka an'izany tokoa izahay. Matetika dia adinoko aza ny milaza zavatra mikasika an'izany. Tena tery loatra ilay izy, fantatrareo. Ao anatin'ny tadio tahaka an'izany foana ny saiko. Azonareo eritretina hoe inona ilay izy, ny amin'ireo olona, tsy hoe ny avy eto amin'ity fiangonana ity fotsiny ihany, fa manerana an'izao tontolo izao. Hitanareo? Ary toy ny mihazona ahy ao anatin'ny tadio iray foana izany.

⁷ Nisy olona iray nilaza mikasika ny fanoloran-jaza, ary ireo fanaovana batisa, sy ny sisa. Tena tsara izany. Maniry aho ny hanao an'izany, saingy tena mifanjevo mihitsy ilay izy, izaho—izaho dia zara raha manam-potoana. Tsy maintsy mihazona ny saiko eo amin'izao mihitsy aho, ity Hafatra ity. Fantatrareo fa ny Baiboly no nilaza tamin'ireo apostoly, na . . . Ireo apostoly, raha ny marina, ao amin'ny Baiboly, dia nanao hoe, “Mandehana, ianareo ihany no aoka hifidy, eo anivonareo, an'ireo olona izay tsara laza, sy mahitsy fo ary feno ny Fanahy Masina, mba hahafahan'izy ireo hitandrina ny asa.” Ary niteny tamin'i Billy aho . . .

Hoy izy hoe, “Hanolotra an’ireo zazakely amin’izay ve ianao, dada?”

Hoy aho hoe, “Oh, oadray!” Hitanareo? Raha . . . Manana betsaka amin’izy ireo isika miandry mba hatolotra, ary marina izany, tsy maintsy hiverina mihitsy aho ka haka andro iray manokana ho an’ny fanoloran-jaza. Noho izany dia ho tiako ny hanao an’izany, ankehitriny.

⁸ Saingy te-hisaotra ny tsirairay avy aminareo avy amin’ny fonay izahay; ny vadiko, izaho, ary ny fianakavianay. Mitondra sakafo am-bifotsy ho anay ny olona, tsaramaso lena fotsy, pasteky, voatango, oh, frezy. Izay rehetra azo noeritreretina fotsiny, dia nentin’izy ireo.

⁹ Rahalahy sarobidy iray sy ny anabaviny, indray andro, no nitondra vorontsilozana lehibe iray ho anay. Mbola mihinana azy foana aho. Ary noho izany fotsiny . . . Oh, ary tsy maintsy ho vitaiko ilay izy alohan’ny handehanako, heveriko. Noho izany raha tsy vitako, dia izy mihitsy no hitondra azy hiaraka aminay. Ary noho izany—noho izany izahay dia . . . Tena mankasitraka tokoa an’ireo zavatra ireo izahay. Fantatro ny maro amin’ireo olona; ny sasany amin’izy ireo dia tsy fantatro. Nipetraka teo amin’ny lavarangana izy ireo rehefa niditra izahay. Ary noho izany dia tena mankasitraka an’izany tokoa aho.

Ary maro no fantatro. Izaho dia . . . Nahita maro aho, ary misy maro izay tsy mety hitako. Izaho—izaho dia mahazo antoka hoe ny rehetra no mahazo fa izaho—izaho dia te-hahita ny tsirairay raha vitako, saingy anankiray fotsiny ihany aho. Hitanareo? Mba . . . Tsy afaka mahita ny tsirairay aho. Manao ny zavatra rehetra izay fantatro hanaovana an’ilay izy aho.

¹⁰ Noho izany, homba anareo anie Andriamanitra. Azoko antoka fa misy Anankiray izay homba anareo; izany dia Jesosy Kristy, ary afaka ny ho izany Izy. Izy no Olona tokana izay manerana. Ary faratampon’ny hery ihany koa Izy, noho izany Izy no afaka hanolotra izay ilaina rehetra. Ary, faratampon’ny fahaizana, dia mahafantatra ihany koa ny ilainareo, ny amin’izay ilainareo.

¹¹ Mandidy ny tsirairay aho izay tsy . . . Efa nanao haingana mihitsy arak’izay vitako aho, hatramin’ny naha-teto ahy androany maraina aza, ary hijery ny tsirairay izay vitako aho. Ary raha . . . Izay tsy vitako, dia ilay Andriamanitra faratampon’ny hery no—no hanolotra izay ilainareo rehetra araka ny Haren’ny ao amin’ny Voninahitra.

¹² [Miato Rahalahy Branham, avy eo dia miresaka amin-dRahalahy Neville—Mpand.] Tsy afaka mamaky tsara an’ity loatra aho. Hamaky azy ve ianao?

Karazana filazana iray manokana izany. Ary heveriko fa i Billy Paul no tsy maintsy nanoratra azy. Noho izany dia tahaka ahy izy; tsy afaka mamaky ny soratro manokana

akory aza aho. Ary noho izany manana ny fanafoizan-teniko manokana aho. Fa raha hijery ny sasany amin'ny lahatsoratro eto ianareo, voasoratra eto, dia hihevitra ve ianareo hoe mba ho azonareo izany? [Mampiseho ny lahatsorany voasoratra amin'ny fiangonana Rahalahy Branham, ary mihomehy miaraka amin'izy ireo izy—Mpand.] Manana toy ny kintana iray aho, izay miampita tetezana iray, sy ny sisa, izy rehetra fotsiny . . .

[Mamaky filazana iray Rahalahy Neville—Mpand.]

Rahalahy Adair, Adair avy any Arkansas, mijery ny Rev. Pearry Green ao ambadiky ny fiangonana izao ankehitriny izao. Eny àry.

¹³ Ankehitriny, noho izany ny zavatra hafa iray izay tiako—tiako ho lazaina eto dia—dia izao, amin'ity hariva ity ankehitriny dia ho an'ny asam-panasitranana. Hivavaka ho an'ny marary isika rahariva, ary noho izany aho—aho dia mahatoky fa ho eto ianareo.

¹⁴ Ary mandefa ny fiarahabana amin'ny olona rehetra manerana ny firenena izahay, amin'ny Anaran'ny Tompo Jesosy, mba hitahian'Andriamanitra anareo izao maraina izao. Ny sasany aminareo dia efa ho mitataovovonana. Any New York, dia efa saiky mitataovovonana izao. Ary any Arizona any, ilay Morontsiraka Andrefana, dia saiky amin'ny fito ora fotsiny izao. Noho izany dia misy . . . Ary isika eto dia eo anelanelany mihitsy. Noho izany dia Andriamanitra anie hitahy anareo raha mihaino ianareo. Ankehitriny ity dia mety . . .

Noraisiko tato am-poko izao, raha mbola teto . . .

¹⁵ Ary tsy navela hahazo an'ireo efitrano malalaka izahay, fa farany izy ireo dia nanome alàlana antsika ihany; afaka manao fivoriana iray isika, saingy tsy mahazo mivavaka ho an'ny marary. Izaho—izaho tsy . . . Izany no asam-panompoako. Tsy maintsy manao an'izay lazain'ny Fanahy Masina hataoko aho. Noho izany aho—aho dia nandà an'ilay izy, satria te-ho ao amin'ny fahalalahana hanao an'izay rehetra lazain'ny Fanahy Masina fa hataoko. Hitanareo? Noho izany dia nihevitra aho fa afaka miharitra andro iray amboniny fotsiny isika, na ahoana na ahoana, ato amin'ny tabernakla. Ary mangatsiatsiaka ny andro izao maraina izao. Nanao andro tsara iray ho antsika mihitsy ny Tompo eto, noho izany dia mankasitraka isika.

¹⁶ Ankehitriny, eo am-panaovana an'izany, dia tonga eto aho ho an'ny tanjona hampianarana an'ireo Loza farany, ireo Loza Fito farany, sy ireo Trompetra Fito farany, ary ireo Kotrokorana Fito farany, avy ao amin'ny Bokin'ny Apokalypsy, hampifamatotra azy ireo miaraka ao amin'ity ora izay iainantsika ankehitriny ity; mba hanaraka ny fanokafana an'ireo Tombokase Fito, ireo Taona Fiton'ny Fiangonana. Noho izany, dia tsy afaka mahazo efitra hanaovana an'izany isika. Noho izany aho—aho dia manantena fa, vantany

vao vitako, isika dia . . . afaka hahazo toerana ampy iray ho an'izany, na eto na any Louisville, New Albany, na hametraka tranolay iray, mba hahafahantsika mijanona ela arak'izay itarihan'ny Tompo antsika hanaovana an'izany.

¹⁷ Fa ao amin'ity ankehitriny, dia naka an'ity fanararaotra ity aho mba hanehoako amin'ny olona ny tokiko sy ny finoako an'Andriamanitra, ary avy eo dia mitondra aminareo eo amin'ilay ora izay iainantsika. Ary amin'ny alàlan'izany, tsy notendrena ho an'ny olona iray izany, fanekem-pinoana, na mety ho inona ilay izy; izany dia arak'izay ahitako ny Tenin'Andriamanitra fotsiny. Ary tamin'ny Alahady heriny isika dia nahazo fanondrahana tena tsara iray an'ny Fanahy teo amin'ny Teny. Tena lava ilay izy, ary halako ny nijanona ela tahaka an'izany; kanefa isika dia tsy mahafantatra hoe fotoana inona no hihaonantsika ho an'ny fotoantsika farany. Ary isika dia tsy maintsy, tahaka . . . te-ho tahaka. Izaho dia te-ho tahaka, raha ny marina, tahaka ny nolazain'i Paoly fahiny hoe, "Tsy ninia tsy nilaza taminareo ny Toro-hevitry'Andriamanitra manontolo aho." Jesosy no nilaza fa tsy nanafina na inona na inona tamin'ireo Mpianany Izy.

Ary tahaka ahy, tery loatra amin'ny fiezahana mijanona eo ambanin'ny hosotry ny Fanahy Masina, mba hahita hoe inona ilay—ilay ora, ilay Hafatry ny ora, dia matetika aho no tsy afaka mivoaka ka manao an'ireo andraikitro amin'ny maha-mpanompon'i Kristy, amin'ny maha-mpitoriteny. Fa manana lehilahy maro aho izay miezaka manampy ahy hanao an'izany, izay ankasitrahako, ny rahalahiko mpitoriteny rehetra.

¹⁸ Ankehitriny, tsy manao fanahy iniana miezaka mihazona ny olona aho. Raha ianareo, any amin'ny firenena izay handehanan'ny Hafatra, no afaka mitsangana ka mijery manodidina an'ity fiangonana ity izao maraina izao, eny amin'ny lalantsara, efitranon'ny ankizy, any ivelany, mandeha ireo radio, ao amin'ny fiara fitaterana, ireo trano-fiara, sy ny sisa, ary ireo fiara, dia ho hitanareo hoe inona ilay olana. Ary avy eo ny fivoriana tsirairay, maro, maro ireo mandeha fiara; sy miantso, sy ny sisa, tsy afaka miditra izy ireo na manakaiky. Ary mila efitra amboniny isika mba hahafahan'ny olona hipetraka sy hahazo aina.

Ary avy eo ny hitondrana ny—ny Hafatra izay heveriko fa tena zava-dehibe iankinan'ny aina, dia tsapako fa isika dia tokony, ny tsirairay avy, hahazo aina sy mipetraka, ka mba hahafahantsika mihaino; miaraka amin'ny pensilintsika sy taratasy, ary ireo naoty sy Baiboly, sy ny sisa, mba handray an'ireo—ireo naoty. Saingy amin'izao dia nieritreritra aho fa hiverina eo amin'ny fotoana izay ananantsika, izay iainantsika, ka hiezaka ny hitondra ny sasany amin'ireo zavatra izay hatrehanareo. Ary hila azy ireny ianareo.

¹⁹ Raha tonga eto aho androany, na andro hafa iray, na mpitoriteny hafa iray, hiezaka hitondra hafatra izay ho an'ny vahoaka iray, vahoaka iray eo an-dàlam-pahafatesana tahaka antsika, ary efa antomotra be mihitsy ilay fotoana, araka ny inoako an'izao andro izao; dia ho mpihatsaravelatsihy iray aho raha miezaka hitondra zavatra izay fantatro fa hahafinaritra anareo nefa hanohitra ny Tenin'Andriamanitra izany, na zavatra hisintonana vahoaka betsaka, na—na zavatra tahaka an'izany; izaho—izaho dia tsy ho... Izaho dia tsy ho amin'izay maha-izy ahy—ahy eto, mpitoriteny iray an'i Kristy. Tiako ny hitondra zavatra izay heveriko fa ilaina iankinan'ny aina ho anareo, tsy ny ho hita fotsiny; fa mihevitra fa izany dia zavatra iray hoe raha maty aho androany, rahampitso dia hifahatra ao amin'ny fonareo ny hanohy sy hanompo an'Andriamanitra.

²⁰ Ankehitriny dia tiako ny milaza fa misy zavatra izay efa vonona ny hitranga mihitsy. Fantatro izany. Maro aminareo eto no mahatsiaro rehefa nanatona ahy i Rahalahy Junior Jackson taloha kelin'ny nandehanana nankany Arizona, ny amin'ny nofy iray izay azony. Zavatra hafahafa! Firy no mahatsiaro an'izany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Ary nomen'ny Tompo antsika ny dikany, ka nitranga ara-bakiteny ilay izy. Ankehitriny, vao avy nahazo nofy iray hafa izy, zavatra iray.

²¹ Ary ilay zavatra hafahafa, tonga teto ny lehilahy iray indray andro, avy any Oregon. Zara izy raha nahafantatra ahy, ary dia... nanonofy an'ilay nofy iray ihany, izay nofisina i Junior Jackson, ary—ary tonga niteny tamiko. Izaho—izaho dia tsy mahafantatra ny dikany; miandry ny Tompo aho. Saingy fantatro fa ho zavatra iray avy amin'Andriamanitra izany. Tsarovy fotsiny izany. Izany no HOY NY TOMPO HOE. Izany dia zavatra tonga avy amin'Andriamanitra. Tsy fantatro hoe inona ilay izy. Mahavariana tokoa, tena mahavariana! Am-pahatsorana, arak'ireo—ireo nofy izay ireo lehilahy roa ireo... Ny iray tamin'izy ireo izaho dia... mety ho Batista iray izy, Presbyterana. Izy—izy dia mety mipetraka eto izao maraina izao. Tsy fantatro. Teto izy indray andro. Tsy fantatro ilay lehilahy.

²² Fa nilaza an'ilay nofy izy, niaraka tamin'ny ranomaso teo amin'ny masony. Ary nandrera azy izany. Nandeha tamin'ilay làlana rehetra izy avy tany Oregon ho eto, mba hilaza an'izany. Tonga tahaka an'izany koa i Rahalahy Jackson, izao maraina izao. Ny lehilahy anankiray tsy mahafantatra an'ilay iray hafa; ny anankiray, an'arivony mailly miala amin'ilay iray hafa, ary izy roa samy nanonofy marina mihitsy an'ilay zavatra iray ihany. Noho izany dia ny Fanahy Masina no manafina ny dikany amiko. Tsy fantatro izay ho tenenina amin'ilay lehilahy. Saingy fantatro fa efa miomana hanao zavatra Andriamanitra, ary ho lehibe eo amin'ny masontsika izany.

²³ Ankehitriny, ny Hafatra izao maraina izao, tiako ny hamaky avy ao amin'ny Bokin'ny Galatiana. Tsy mitory teny aho na fotsiny. . . Lesona sekoly Alahady iray izao. Ary ankehitriny, ianareo lehilahy sy vehivavy izay mitsangana manerana ny rindrina, ka misy olona te-hifindra ary hamela anareo hipetraka vetivety, na tahak'izany, ankehitriny, tsy hanelingelina ahy ianareo; aoka ho am-panajana fotsiny. Ary raha ireo reny, mitomany ireo zanany kely na tahak'izany, aoka ny olona iray hivoaka avy ao amin'ny efitranon'ny ankizy mba hahafahan'izy ireo manana efitra ho an'ilay zaza kely.

²⁴ Ary ankehitriny raiso ny pensilinareo, Baiboly, ary ho vonona handray naoty ny sasany amin'ireo Soratra izay hovakiantika. Tsy tiako ho voateritery ianareo. Tiako ianareo hahatsapa—tiako ianareo hahatsapa fahalalahana mba hipetraka sy hianatra. Ary mety tsy hanaiky ianareo, fa mety tsara izany. Fa miresaka an'izao fotsiny ihany manerana ny firenena aho izao maraina izao, mba hahafahan'ireo olona izay nino ny Hafatra izay nomen'ny Tompo Jesosy ahy ho an'izao ora izao, hahafantatra an'izay miseho, ary mametraka an'izany ao amin'ny Soratra.

²⁵ Tamin'ny Alahady lasa isika dia niresaka teo amin'*Ireo Voahosotra Amin'Ny Andro Farany*. Ary raha ianareo, ianareo rehetra, izay mpihaino horonam-peo, dia aoka hanana antoka ny hahazo an'io horonam-peo io. Tsy hoe izahay no te-hivarotra horonam-peo; tsy izany ilay hevitra. Ilay hevitra dia ny hanaparitaka ny Hafatra. Hitanareo? Hitanareo? Raha manana milina fandefasana horonam-peo ianareo, dia angony miaraka ny vondron'olona iray, ary alefaso izany, dia henoy tsara. "Ireo voahosotra."

²⁶ Mandre olona mitsangana ianareo ka manao hoe, "Oh, hoy ny Baiboly hoe, 'Amin'ny andro farany, dia hitsangana ireo mpaminany sandoka ka hanao an'ireo famantarana ireo.'" Izany marina tokoa no Soratra. Avy eo dia aiza no ampiharina izany? Tsy maintsy ampiharina marina izany.

Rahariva dia tiako ny hiresaka eo amin'ny, raha sitraky ny Tompo, ny amin'ny: *Andriamanitra Voambara Ao Amin'Ny Teniny Manokana*, ahoana fa ny maso dia tsy afaka hampiharina eo amin'izay tokony hampiharina ny sofina. Hitanareo? Tahaka ny manonta ny Baiboly manontolo fotsiny, ary, ao amin'ny Baiboly manontolo, dia manao sary an'i Jesosy Kristy. Noho izany dia tiako ny hiresaka eo amin'izany rahariva, raha sitraky ny Tompo. Ary ankehitriny, raha tsy izany, dia amin'ny daty iray any aoriana.

²⁷ Ankehitriny ao amin'ny Bokin'ny Galatiana. Ary ao amin'ny Bokin'ny Korintiana Faharoa 4:1 hatramin'ny 6, avy eo dia Galatiana 1:1 hatramin'ny 4, maniry ny hamaky Soratra sasantsasany aho. Ankehitriny ao amin'ny Galatiana

1:1 hatramin'ny 4, “Paoly, apostoly,” diniho ilay fijanonana avy hatrany. *Apostoly* dia midika hoe “anankiray nirahina,” na, “misionera iray.”

Paoly, apostoly, (tsy avy tamin'ny olona, na tamin'ny alàlan'ny olona, fa . . . Jesosy Kristy, sy Andriamanitra ilay Ray, izay nanangana azy tamin'ny maty;)

Ary ireo rahalahy rehetra izay ato amiko, ho an'ny fiangonan'i Galatia:

Ny fahasavana anie ho aminareo ary ny fiadanana avy amin'Andriamanitra Raintsika, sy avy amin'ny Tompo Jesosy Kristy,

Izay nanolotra ny tenany noho ny fahotantsika, mba hanafahany antsika amin'izao tontolo ratsy ankehitriny izao, araka ny sitrapon'Andriamanitra . . . Raintsika:

Ho azy anie ny voninahitra mandrakizay sy mandrakizay. Amena.

²⁸ Ankehitriny ao amin'ny Bokin'ny Korintiana Faharoa, ny toko faha-4, ary hamaky manomboka amin'ny 1 hatramin'ny 6 isika, ireo andininy.

Ary amin'izany satria manana an'izany asam-panompoana izany izahay, araka ny nahazoanay famindrampo, dia tsy ketraka izahay;

Fa efa nolavinay ny zavatra tokana mahamenatra, tsy mandeha amin'ny fihendrena, na manatsatso ny tenin'Andriamanitra; fa amin'ny fanehoana ny marina no ideranay ny tenanay amin'ny fieritreretany olona rehetra eo imason'Andriamanitra.

Fa raha miafina ny filazantsaranay, izany dia miafina amin'izay very:

Raha tsy izany no mitondra ao amin'ny fifidianana mialoha, dia tsy fantatro izay ataony.

Amin'ireny dia ny andriamanitr'izao tontolo izao no nanajamba ny sain'ireo tsy mino, fandrao ny fahazavan'ny filazantsaran'ny voninahitr'i Kristy, izay endrik'Andriamanitra, hiposaka amin'izy ireo.

Tahaka ny tao amin'ny sahan'i Edena hoe, “Noroahany izy ireo, fandrao hikasika an'ilay Hazo.”

Fa tsy mitory ny tenanay izahay, fa Kristy Jesosy ilay Tompo; . . . ny tenanay dia mpanomponareo noho ny amin'i Kristy.

Fa Andriamanitra, izay nandidy ny mazava hazazava ao amin'ny maizina, no nampahazava ny fonay, ary nanome ny fahazavan'ny fahalalana ny voninahitr'Andriamanitra eo amin'ny tavan'i Jesosy Kristy.

²⁹ Amena! Izany no vakin'ny Teny! Ankehitriny, ny lohahevitro izao maraina izao, dia: *Ny Andriamanitr'Izao Taona Ratsy Izao*. Araka ny novakiantsika tao amin'ny Soratra hoe, “ny andriamanitr'izao tontolo izao, izao taona ratsy izao.” Ankehitriny, ity Hafatra ity dia manondro an'ireo ratsy an'izao taona ratsy izao, ary mifanaraka tsara amin'ny faminiana ho an'izao taona ratsy izao izany.

Ary izany no finoako hoe ny rehetra...hoe ny Baiboly no manana ny valiny rehetra ho an'ny taona rehetra, efa voasoratra ao amin'ny Baiboly, ho an'ny mpinon'izany taona izany. Mino aho fa ny zavatra rehetra izay ilaintsika dia voasoratra *Eto* mihitsy, mila adikan'ny Fanahy Masina fotsiny. Tsy mino aho fa misy olona iray eto an-tany manana zò hametraka ny fandikany manokana eo amin'ny Teny. Tsy mila olona iray handika Ny Teniny Andriamanitra. Izy no Mpandika teniny Manokana. Izy no nilaza fa Izy no hanao an'izany, dia Ataony izany.

³⁰ Araka ny efa nolazaiko imbetsaka. Hoy Izy hoe, “Hanan-anaka ny virijiny,” Izy no niteny an'izany tamin'ny alàlan'ny molotry ny mpaminany iray, ary nanan-anaka izy. Tsy misy olona tokony handika an'izany. Tany amin'ny voalohany, hoy Izy hoe, “Aoka hisy mazava,” dia nisy izany. Tsy misy olona tokony handika an'izany. Hoy Izy hoe, “Amin'ny andro farany, dia handrotsaka Ny Fanahiny amin'ny nofo rehetra Izy,” ary Nataony izany. Tsy mila fandikana iray Izany. Hoy Izy hoe, “Amin'ny andro farany, ireo zavatra ireo” (izay hitantsika mitranga ankehitriny) “dia ho eto.” Tsy mila fandikana iray Izany. Efa voadika Izany. Hitanareo?

³¹ Ankehitriny, mariho tsara ankehitriny raha mianatra ny Teny isika. *Ny Andriamanitr'Izao Taona Ratsy Izao*, izay iainantsika ankehitriny. Mety ho toy ny hafahafa izany, zavatra iray tena hafahafa, ao amin'izao taonan'ny fahasoavana izao, nefa hoe, “Andriamanitra dia eo am-pakana vahoaka iray noho ny amin'Ny Anarany,” izany dia Ny Ampakariny, ao amin'izao taona ratsy izao izay tokony hantsoina hoe taonan'ny ratsy. Ilay tena taona mihitsy izay hoe “Andriamanitra dia eo am-piantsoana vahoaka iray nohon'ny amin'Ny Anarany,” nohon'ny fahasoavana, hivoaka, nefa dia antsoina hoe taona ratsy iray. Ankehitriny, hoporofointsika amin'ny alàlan'ny Baiboly fa izao ilay taona izay Noresahany. Tena zavatra hafahafa mihitsy ny mieritreritra an'izany, hoe ao amin'ny taona ratsy iray tahaka an'izao, amin'izany no hiantsoan'Andriamanitra Ny Ampakariny.

³² Marihonareo, hoy Izy hoe, “vahoaka iray,” tsy “fiangonana iray.” Nahoana? Kanefa, Izany dia antsoina hoe ny Fiangonana, saingy Izy dia hiantso “vahoaka iray.” Ankehitriny, ny fiangonana iray dia fivondronan'ny olona maro avy amin'ny fampitambarana samihafa rehetra. Fa

Andriamanitra dia miantso anankiray eto...Tsy nilaza Izy hoe, “Hiantso ny Metodista Aho, Batista, Pentekotista.” Nilaza Izy fa hiantso vahoaka iray Izy. Ho an’ny inona? Ny Anarany. Hitanareo, vahoaka iray; anankiray avy amin’ny Metodista, anankiray avy amin’ny Batista, anankiray avy amin’ny Loterana, anankiray avy amin’ny Katolika. Hitanareo?

Fa Izy dia miantso, tsy vondrom-piangonana iray, fa “vahoaka iray ho an’Ny Anarany,” izay mandray Ny Anarany, voafofo tamin’Ny Anarany, handeha any amin’ny fampakaram-bady iray mba hivady Aminy, ho lasa Ampahany, hitanareo, amin’ny alàlan’ny fifidianana mialoha iray. Tahaka ny lehilahy iray izay mifidy vady tsara iray ao amin’ny fiainana mihitsy, izay voatendry ho ampahan’ny vatany. Noho izany, izay ilay izy, ho toy izany koa ny Ampakariny Kristy, ary ankehitriny dia, hatramin’ny ela, voatendrin’Andriamanitra ho ampahan’io Vatana io. Hitanareo? Oh, tena manan-karena ny Soratra, feno tantely!

³³ Mariho, tsy izay nolazain’ny olona iray, izay nantsoin’ny olona iray; fa izay nofidian’Andriamanitra talohan’ny fanorenana an’izao tontolo izao, ary hantsoiny ireo olona ireo amin’ny andro farany; tsy rafi-pandaminana iray. “Vahoaka iray ho an’Ny Anarany.” Ary amin’izao taona ratsy izao no Anaovany an’izany, izao tena taonan’ny famitahana izao mihitsy.

³⁴ Tamin’ny herinandro lasa, ao amin’ny Matio 24, izany no taona mamitaka indrindra tamin’ny taona rehetra. Ny taonan’ny famitahana rehetra, nanomboka tamin’ny sahan’i Edena, hatramin’ny farany, dia tsy nisy mihitsy taona iray tena mamitaka tahaka an’izao taona izao. “Hitsangana ireo mpaminany sandoka ka haneho famantarana sy fahagagana, raha azo hatao dia hamitaka ny tena Voafidy.” Hitanareo? Ankehitriny, mangatsiaka iray fotsiny, ara-pomba, fiangonana mafy hatoka, sy ny sisa, avy amin’ny teolojia nataon’olona, tsy ho izy izany; tsy hiraharaha an’izany mihitsy ilay Voafidy. Fa izany dia saiky mitovy amin’ilay tena zavatra mihitsy. Mamela Teny anankiray fotsiny dia izay ihany no tsy maintsy ataonareo. Nampanantenaina ho an’ilay taona; tena fotoana lehibe iray! Ry Kristiana, na aiza na aiza, mitandrema tsara amin’ilay ora izay iainantsika! Mandraisa naoty, dia mamakia, ary mihainoa tsara.

³⁵ Ho an’ny inona no hiantsoan’Andriamanitra vahoaka iray hivoaka avy ao amin’izao taona ratsy izao, Ny Anarany? Ny anton’izany dia, dia ny hizaha toetra Azy, Ny Ampakariny. Izany dia mba...Rehefa tonga voaseho Izy, voazaha toetra, voaporofy, noporofy tamin’i Satana. Tahaka ny tany amin’ny voalohany, dia ho toy izany koa amin’ny farany.

³⁶ Tahaka ny voa iray manomboka ao anatin’ny tany, miakatra amin’ny alàlan’ireo mpitondra izy, ilay aina ao aminy, fa izany dia miafara amin’ilay voa iray ihany izay naha-izy azy fony izy nandeha tao anatin’ny tany.

Ary tahaka ny nilatsahan'ilay voan'ny famitahana tao anatin'ny tany, tao Edena, dia tahaka an'izany koa no iafarany amin'ny andro farany.

Tahaka ny Filazantsara mihitsy rehefa nilatsaka tao amin'ny anaram-piangonana iray tao Nise izy, Roma, dia mifarana ao amin'ny rafi-pandaminana tsara iray izy.

Tahaka ny nilatsahan'ny Voan'ilay Fiangonana tany mihitsy, niaraka tamin'ireo famantarana, fahagagana, ary ilay Kristy velona teo anivon'izy ireo, dia mifarana izany amin'ny andro farany eo ambanin'ny asam-panompoan'ny Malakia 4, ka mamerina indray an'ilay Finoana tany am-piandohana izay nomena indray mandeha.

³⁷ Hitantsika ankehitriny, izao taona ratsy izao dia mba hanaporofoina, amin'i Satana, fa tsy tahaka an'i Eva Izy, ary tsy tandindon'io vehivavy iray io Izy. Ary hozahan-toetra amin'Ny Teniny Izy, ilay Ampakarina, tahaka ny nozahana toetra ny ampakarin'i Adama tamin'ny Teny. Ary ny ampakarin'i Adama dia nino ny kely indrindra tamin'ny Teny, ny rehetra, saingy nikorontana teo amin'ny teny fikasana anankiray, hoe, "Izy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay," anio, hitanareo; fa diso teo amin'ny teny fikasana anankiray, teo ambanin'ny fakam-panahin'ilay fahavalo, nifanatrika. Ary ankehitriny, ilay vahoaka izay nantsoina ho an'Ny Anarany, mazava ho azy, dia Ny Ampakariny. Tsy maintsy miditra amin'ny fifandraisana indray amin'ny alàlan'ilay zavatra iray ihany Izy; tsy amin'ny alàlan'ny fahamarinana ara-anaram-piangonana fotsiny na tahak'izany, fa ny Teny rehetra!

³⁸ Satria, ao amin'ny fiandohan'ny Baiboly, dia nomena ny olona ny Tenin'Andriamanitra mba hivelomany. Teny anankiray, diso fandika avy tamin'ny—ny lehilahy iray nantsoina hoe Satana, tao amin'ny olona biby iray nantsoina hoe ny menarana. Satana, tao amin'io olona io, dia afaka niresaka tamin'i Eva, ary nandika diso ny Teny taminy, dia very izy. Hitanareo, tsy maintsy ny Teny rehetra Izany.

³⁹ Ao afovoan'ny Baiboly, tonga Jesosy ka nanao hoe, "Tsy ny mofa ihany no hiveloman'ny olona, fa ny Teny rehetra," rehefa nalain'i Satana fanahy Izy.

Ankehitriny, Andriamanitra no miteny amintsika amin'ny andro farany, hoe, "Hitsangana ilay andriamanitr'izao tontolo izao amin'ny andro farany."

"Ary na iza na iza hanampy teny anankiray amin'Izany, na hanaisotra Teny anankiray avy amin'Izany, dia hesorina ao amin'ny Bokin'ny Fiainana ny anjarany."

Hamindra fo amintsika anie Andriamanitra! Ary aoka isika tsy hamindra tahaka an'ireo matikambo, ny tratra mibontsina, ny loha miandrindra, mahafantatra

ny rehetra amin'izany, satria isika koa indray mandeha dia efa tao amin'ny tsy fankatoavana. Ndao isika miaraka amin'ny fahasoavana, sy famindrampo, ary fihetseham-po amin'Andriamanitra ao amin'ny fontsika, hanatona am-panetre-tena an'ilay Seza fiandrianan'ny fahasoavana.

⁴⁰ Hafahafa ankehitriny, taorian'ny sivinjato sy arivo taona mahery an'ny fitoriana ny Filazantsara, ary ankehitriny izy, izany hoe ilay rafitr'izao tontolo izao, dia mbola ratsy lavitra noho ny tamin'ny andro izay, izay naha-teto Azy. Ratsy lavitra ilay rafitr'izao tontolo izao. Mandroso mankany amin'ny famaranana lehibe iray izao tontolo izao. Fantatrareo izany. Eo am-panatanterahana Ny Teniny amin'ny lafiny rehetra ny Tompo.

⁴¹ Omaly, nitsangana...Antenaiko fa ilay namana kely dia tsy manao...Tsy hanao izy. Tonga niaraka tamin'ny vadiko aho, sy Rtoa. Wood, Rahalahy Roy Roberson, eto any ho any, Rahalahy Wood, nijanona teo amin'io Youngstown Shopping Center kely eto io izahay, mba haka ny—ny fonosan'entana iray izay an-dRanabavy Wood. Ary teo...raha mbola nitsangana teo izahay, dia nanatona ny tovolahy iray ary nampahafantatra ny tenany, sady vahiny iray amiko. Nanatona ny lehilahy tanora iray hafa ary nilaza fa izy ireo dia na avy any Alabama, Georg-...Mino aho fa Georgia, satria nanontaniako izy ireo raha fantany ny Rahalahintsika Welch Evans. Dia niresaka nandritry ny minitra vitsy izahay. Ary rehefa nandeha hiainga aho, dia nijery ahy io lehilahy tanora io. Rehefa nanalavitra ilay tovolahy hafa iray sy ny zanany lahy kely, dia nijery ahy io lehilahy tanora io. Hoy izy hoe, "Zavatra anankiray fotsiny no tiako ho lazaina."

Hoy aho hoe, "Ianao—ianao ve mpino iray? Ianao ve Kristiana iray?"

Hoy izy, "Tsia, tompoko." Hoy izy hoe, "Izaho dia..."

⁴² Mety tsy voatonoko tsara izay nolazainy eto, fa mety ho efa mpisalasala kely iray izy. Nanontaniako izy ny amin'ireo zavatra mikasika ny fisehoan'ilay Anjelin'ny Tompo. Dia nilaza izy fa efa nandre ny amin'izany, saingy tsy mbola tany am-piangonana mihitsy izy taloha, ity fiangonana ity. Hoy aho hoe, "Mino an'izany ve ianao?"

Hoy izy, "Eny, tompoko." Hoy izy hoe, "Izaho—izaho efa nandinika zavatra." Hoy izy, "Efa niteny tamiko mikasika an'ireo filazana mialoha sy ny sisa ny olona, ary nandre tao amin'ny horonam-peo iray aho izay nilazanao mialoha hoe ahoana no hampitresaka an'i California tahaka an'izany." Dia hoy izy, "Rehefa nahita an'izany tao amin'ny gazety aho, dia tamin'izay fotoana izay no ninoako an'izany." Hoy izy hoe, "Ho avy aho androany na rahampitso," izany hoe androany, "ho an'ny fotoako voalohany."

Hoy aho hoe, “Ny Tompo anie hitahy anao, anaka,” dia nanomboka nandray ny tànany aho.

Hoy izy hoe, “Fa te-hilaza zavatra iray aminao aho, tompoko.” Hoy izy hoe, “Izaho dia very tena very arak’izay maha-izy azy.” Hoy izy hoe, “Izaho dia tahaka ny vola madinika iray ao anatin’ny antontam-pasika iray, very!”

⁴³ Hoy aho hoe, “Fa tsy tokony hijanona tahaka an’izany ianao. Misy Olona iray mitsangana manatrika ankehitriny Izay afaka mahita anao amin’ily minitra izay mahavonona anao mba ho hita.”

Hoy izy hoe, “Vonona aho.”

Hoy aho hoe, “Hanondrika ny lohanao ve ianao?”

Hoy izy hoe, “Tsy menatra aho.”

Tsy izany ihany, fa nandohalika izy, tao amin’io toerana fametrahana fiara io, teo anatrehan’ny olona rehetra. Nandinika azy ireo olona teny an-dàlambe. Teo izahay no nivavaka niaraka taminy, mandra-pahatonga azy nanome ny fony ho an’Andriamanitra. Nandroso izy, mpanota iray; niverina, zanak’Andriamanitra iray. Nandeha teo amin’ny sisin’ny fiara izy, maty; ary niverina, velona.

⁴⁴ Hoy aho hoe, “Hisokatra ny dobo rahampitso.”

Misy loharano feno Rà,
Nosintonina avy amin’ny làlan-dràn’Imanoela
Rehefa mirotsaka ao ambanin’ily riaka ny
mpanota,
Dia hiala avokoa ireo pentin’ny helony
rehetra.

Hoy aho hoe, “Mitsangàna ary aoka hatao batisa amin’ny Anaran’i Jesosy Kristy, miantso ny Anaran’ny Tompo. Hameno anao ny Fanahy Masina Andriamanitra, sy hanome anao an’ireo zavatra lehibe ireo, ary hanamboatra anao mba hahafahanao mahita an’Izany.”

⁴⁵ Inona izany? Mandroso eo amin’ny famaranana iray izao tontolo izao. Nahoana? Ny fanahin’ny tsi-fanarahan-dalàna, ny fahalòvan’ny fitondran-tena, ny fivavahana siantifika, no mitarika azy ho amin’ny “akanin’ny vorona rehetra ankahalaina sy maloto,” araka ny nolazain’ny Baiboly. Ndao ho vakiantsika izany, Apokalypsy 18. Raha mbola manomboka eo amin’io toerana io mihitsy isika, dia raisintsika ny Apokalypsy 18:1 hatramin’ny 5. Heveriko fa voaraiko tsara izany.

Ary taorian’ireo zavatra ireo dia nahita anjely hafa iray aho nidina avy tany an-danitra, nanana fahefana lehibe; ary ny tany nohazavain’ny voninahiny.

Ary niantso mafy tamin’ny feo mahery izy, (ankehitryny ianareo olona izay nanana an’ireo

nofy). . . *nanao hoe, Babylona lehibe dia rava, dia rava, ka tonga fonenan'ny devoly, sy fieren'ny fanahy maloto rehetra, . . . akanin'ny vorona rehetra maloto sy ankahalaina.*

Fa ny firenena rehetra dia nisotro avy tamin'ny divain'ny fahatezerana noho ny (fiangonana) fijangajangany, ary ireo mpanjakan'ny tany dia nanao fijangajangana taminy, ary ireo mpandranto amin'ny tany dia tonga mpanan-karena tamin'ny hafatratr'ireo zava-mahafinaritra azy.

Ary nahare feo hafa iray aho avy tany an-danitra, nanao hoe, Mialà aminy, ry oloko, mba tsy hahatonga anareo ho mpandray anjara amin'ny otany, . . . mba tsy hahazo anareo ny lozany.

Fa ny fahotany dia nitehika tamin'ny lanitra, ary Andriamanitra mahatsiaro ny helony.

46 Fampitandremana iray toy ny inona! Izany no manipy an'ilay fiangonana marina tokoa hiverina ao amin'ny Apokalypsy 3:14, ho an'ilay taona Laodikiana, tsy fanarahan-dalàna; tena mpivavaka, saingy tsy fanarahan-dalàna. "Ianao, satria hoy ianao hoe, 'Manan-karena izahay, tsy mila na inona na inona,' tsy fantatrao ve fa ianao dia mitanjaka, mahantra, jamba, nefa tsy fantatrao akory izany." Tanteraka miaraka amin'ny Soratra an'izao taona izao mihitsy, tsy ho an'ny Soratra an'ny taonan'i Daniela, tsy ho an'ireo amin'ny anaran'ny . . . ny taonan'i Noa, fa ao amin'izao taona farany, ratsy izao.

47 Mariho eto, "Ianao dia mitanjaka." Aoka hilentika tena lalina izany. Fantatro fa mety hanana tsy fanekena betsaka aho eo amin'izao fisainana izao, saingy izany dia ho tonga eo amin'ny toerana iray hoe ny Kristiana iray dia zara raha afaka hivoaka ny tranony ka tsy ho tonga eo amin'ny fanatrehan'izao taona ratsy izao, noho ireo vehivavy tsy mitafy tsara.

48 Ireo vehivavy, hilaza an'ity aho, ary tiako ianareo hihaino. Ary, ireo lehilahy sy vehivavy, mety tsy hanaiky an'ity ianareo, saingy mahatsapa ho voatarika hilaza azy aho. Efa fantatrareo ve, fa ny vehivavy rehetra izay mampitanjaka ny tenany tahaka an'izany dia tsy ao amin'ny sainy tsara? Fantatrareo ve, fa izy, na mino an'izany izy na tsia, na tsy mieritreritra, dia mpivarotena iray? Na mety mitsangana miaraka amin'ny tànany eo anatrehan'Andriamanitra aza ilay vehivavy ka mianiana fa tsy nokasihana-dehilahy iray mihitsy ankoatry ny vadiny izy, dia mety ho fahamarinana marina izany, saingy mbola mpivarotena foana izy. Hoy Jesosy hoe, "Na iza na iza mijery vehivavy iray ka mila azy dia efa nijangajanga taminy sahady izy." Ary ilay vehivavy dia mety ho . . .

49 Hitanareo, izy dia "mitanjaka," hoy ny Baiboly, "nefa tsy fantany izany." Ilay fanahy izay nanosotra azy hanao

zavatra tahaka an'izany dia fanahy ratsy, mpivarotena iray. Ny maha-izy azy ety ivelany, ny tenany ara-batana, ny nofony, mety ho madio izy. Mety tsy nanao fijangajangana izy, ary afaka nianiana tamin'Andriamanitra ary mety ho fahamarinana, fa tsy nanao mihitsy izy, saingy ny fanahiny dia fanahin'ny mpivarotena iray. Efa tena nohajambain'ny andriamanitr'ity tontolon'ny lamaody ity izy; mampitafy ny tenany mampiseho fitanjahana ary mivoaka eo.

⁵⁰ Indray andro, izaho sy Rahalahy Wood dia nametraka ny sambonay tao anatin'ilay renirano. Tsy maintsy niala lavitry ny trano nandritry ny minitra vitsy aho, mba handeha any amin'ilay renirano. Ary na taiza na taiza nalehanareo, ireo vehivavy miaraka amin'ireo andiany kely an'ny. . . antsoina hoe 'kinis na tahak'izany, manodidina azy ireny. Fahafaham-baraka iray izany. Ny vehivavy iray dia tsy mety ho ao amin'ny sainy tsara nefa manao zavatra tahaka an'izany. Azon'ny fanahin'ny mpivarotena iray izy. Ankehitriny, alamino miaraka amin'Andriamanitra izany, ry ramatoa, satria indray andro any dia ho hitanareo fa izany no Fahamarinana.

⁵¹ Ahoana no hahafahanareo, ramatoa iray, mahafantatra hoe masina toy ny ahoana ny vatanareo, nefa mampiseho an'izany any ivelany any amin'ireo devoly feno filàna, mpanota izay mandeha eny an-dàlambe an'izao andro izao? Raha mbola zanak'Andriamanitra foana ireo zanak'Andriamanitra rehetra, raha zanak'Andriamanitra iray ny vadinareo, dia na izy hampanao akanjo anareo na hiala aminareo. Raha zanak'Andriamanitra iray ny zazalahy iray, dia tsy hanambady zavatra tahaka an'izany mihitsy izy. Hitanareo?

Hoy ianareo hoe, "Ianao dia man-. . ." Tsia.

Milaza aminareo ny Fahamarinana aho, ary indray andro any dia hifanena amin'Izany ianareo. "Mitanjaka, mpijangajanga; nefa tsy mahafantatra an'izany."

⁵² "Oh, mianiana aho fa tsy nanitsakitsaka ny voadiko tamin'ny vadiko mihitsy." Ny vadinareo no hitsara anareo ny amin'izany raha nanao ianareo. Fa Andriamanitra kosa dia hitsara anareo amin'ny alàlan'ny karazan'ilay fanahy izay anananareo ao anatinareo; tsy hitsara anareo amin'ny vatanareo, fa amin'ny fanahinareo, ilay olona ao anaty.

⁵³ Ilay olona ivelany dia tena ara-batana izay fehezin'ny taovam-panamboloana enina. . . na taovam-panamboloana dimy, raha ny marina. Ilay olona anaty dia olona fanahy izay fehezin'ny taovam-panamboloana dimy; ny fieritreretana, sy fitiavana, sy ny sisa. Ilay olona ivelany; mahita, manandrana, mahatsapa, manimbolo, mandre.

Fa ilay ao anatin'io fanahy io dia ny aina, ary fehezin'ny zavatra anankiray izany, ny safidinareo malalaka. Afaka manaiky an'izay lazain'ny devoly ianareo na manaiky

an'izay lazain'Andriamanitra. Ary izany no mametra hoe fanahy inona no ao. Raha ny Fanahin'Andriamanitra izany, dia hihinana an'ireo zavatr'Andriamanitra Izy, ary tsy hihinana ny zavatr'izao tontolo izao Izy. Hoy Jesosy hoe, "Raha tia an'izao tontolo izao ianareo na ireo zavatr'izao tontolo izao, dia satria tsy niditra tao amin'io ampahany ao anatin'io akory aza ny fitiavana an'Andriamanitra." Satana no namitaka anareo. "Ary tsy ny mofo ihany no iveloman'ny olona, fa ny Teny rehetra izay aloaky ny vavan'Andriamanitra."

Mariho ankehitriny, hitantsika fa izy dia "mitanjaka," maharikoriko sy miboridana.

⁵⁴ Ary izao tontolo izao dia toy ny hoe ao anatin'ny taona ratsy indrindra izay hany nisy. Tsy nisy mihitsy taona iray izay hany nanaovan'ireo vehivavy tahaka an'izany, tsy nisy mihitsy afa-tsy talohan'ilay fandravana an'izao tontolo izao talohan'ny safo-drano ihany. Ary nanondro an'izany Jesosy. Ho tonga eo amin'izany isika afaka kelikely.

⁵⁵ Tsy naha-voafehy ve Andriamanitra, sa namela mpandraharaha hafa iray hifehy fotsiny Izy? Manontany aho. Ny valiny marina ho an'io fanontaniana io dia, araka ny hevitra, misy fanahy anankiroa mifanohitra eto amin'izao tontolo izao amin'izao andro izao, miasa. Ankehitriny, tsy mety mihoatra ny anankiroa, loha anankiroa. Ary ny Anankiray amin'izy ireo dia ny Fanahy Masina miasa; ilay anankiray hafa dia ny fanahin'ny devoly, ary, amin'izao andro farany izao, dia ao amin'ny famitahana.

Ankehitriny hampifototra ny fisainako tsara eto aho ho an'ny sisa amin'ilay lohahevitra, ny sisa amin'ny. . . Hafatsika.

⁵⁶ Ireo fanahy anankiroa. Ny Anankiray amin'izy ireo, dia ny Fanahy Masin'Andriamanitra; ilay anankiray hafa, dia ny fanahin'ny devoly, miasa ao amin'ny famitahana. Manao ny safidiny ankehitriny ireo olon'ny tany.

Ny Fanahy Masina eto dia miantso Ampakarina iray ho an'i Kristy. Manao an'izany amin'ny alàlan'ny fanamarinana Ny Tenin'ny fampanantenany ho Azy Izy, ho an'izao taona izao, maneho fa Kristy Izany.

Raha ny rantsan-tànana no natao hihetsika ao amin'izao taona izao, dia hihetsika ny rantsan-tànana. Raha ny tongotra no natao hihetsika ao amin'izao taona izao, dia hihetsika ny tongotra. Raha ny maso no tsy maintsy ahita ao amin'izao taona izao, dia ahita ny maso. Hitanareo?

Ny Fanahin'Andriamanitra, araka ny Itomboany ao amin'ilay tsanganan'Andriamanitra feno, dia ny taona izay iainantsika ankehitriny. Eto ny Fanahy Masina manamarina

an'ilay Hafatry ny ora. Ary manao an'izany ny Fanahy Masina, mba hahatonga an'ireo olona izay mino an'Andriamanitra ho voaantso hivoaka avy ao amin'ity fahapotohana ity.

Ilay fanahin-devoly tsy masina dia eto miantso ny fiangonany amin'ny fahadisoana, araka ny mahazatra, amin'ny alàlan'ny fanimbàna ny Tenin'Andriamanitra, tahaka ny nataony tany amin'ny voalohany. Hitanareo ve fa miverina avy hatrany any amin'ilay andron'ny voa indray izany, avy tany Edena? Indro eto indray izany.

⁵⁷ Ankehitriny, tany aoriana tany, ianareo dia nikamba-...ireo taona hafa, ianareo dia nikambana tamin'ny anaram-piangonana, ianareo dia nikambana tamin'ity, itsy, na ny hafa. Inona no nitranga tamin'ilay akofa ara-anaram-piangonana? Maina izy. Mitohy miala sy manohy ilay Fanahy, ary mifarana ao amin'ny Voa iray Izy. Hitanareo?

⁵⁸ Ary ny fakam-panahy, izy roa, dia samy mifarana mitovy amin'izay naha-izy azy tany amin'ny voalohany. Mariho. Aza—aza, tsia, aza adino izany ankehitriny.

Tahaka an'i Jaona, Jaona Voalohany 4:5 sy 6, raha tianareo ny handray naoty an'izany, apetrany izany hoe, “ny fanahin'ny fahadisoana.”

Tsy nandeha tsootra fotsiny mihitsy i Eva, nanao fanahy iniana, nanao hoe, “Tsy mino an'Andriamanitra aho.” Tsia. Fahadisoana iray no ninoany.

⁵⁹ Tsy tonga mihitsy i Satana ka nanao hoe, “Oh, eny, tsy Tenin'Andriamanitra akory aza izany.” Nanaiky izy fa Tenin'Andriamanitra Izany, saingy napetrany teo amin'Izany ny fandikany manokana. Nefa, Andriamanitra no niteny mazava tsara tamin'izy ireo mba tsy hanao an'ilay izy.

Inona no ataon'izany? “Manao fahadisoan-kevitra mahery iray izany, mba hinoan'ny olona ny lainga, ka hohelohina amin'izany.” Ankehitriny raha tianareo ny hamaky an'izany, Tesaloniana Faharoa 2:11.

⁶⁰ Satria aho manana eo amin'ny, Soratra vitsivitsy ihany eto, ary tsy hahavita hamaky azy rehetra ireo isika. Anankiray matetivetika, no hanomezako azy ireo ho anareo. Satria toa hafahafa ilay izy, dia anontanio izany na tahaka an'izany, ary mety handray naoty an'izany isika ka hamaky ho an'ny—ny soa ho anareo.

⁶¹ “Manao fahadisoan-kevitra mahery iray,” araka ny nolazain'ny Baiboly fa ho izany izy, Tesaloniana Faharoa. “Ankehitriny, dia hiseho io lehilahin'ota io, ary hipetraka ao amin'ny tempolin'Andriamanitra, hampiseho ny tenany fa izy no Andriamanitra, ary hanao ny olona hiditra ao anatin'ny fahadisoan-kevitra mahery, mba hino ny lainga; ary, hino an'izany, dia hohelohina amin'izany.”

Izany ilay zavatra iray ihany izay nataony tamin'i Eva. Nanome azy...Mihitsy—tsy niteny taminy mihitsy hoe tsy marina ny Teny, fa nanome azy fahadisoan-kevitra mahery iray, mba ninoany ny lainga.

⁶² Ny fanahin'ny fahadisoan-kevitra dia avy amin'ny devoly. “Miasa ao amin'ireo zanaky ny tsi-fankatoavana ireo devoly ankehitriny.” Tsi-fankatoavana ny inona? Inona no tsy ankatoavin'ireo zanak'izao andro izao? Tahaka an'i Eva, tany amin'ny voalohany, ny Tenin'Andriamanitra marina. Marina izany. Ankehitriny raha tianareo ny hahazo an'izany...

Ndao isika hamadika ao amin'izany, Efesiana 2, iray minitra fotsiny, satria toa tsara raha isika...Hijanona iray minitra fotsiny aho, raha tsy dia maika loatra ianareo, ary hamaky sasantsasany avy amin'ity. Efesiana 2:1 hatramin'ny 2.

Ary ianareo dia efa novelominy, izay efa maty indray mandeha tao amin'ny fahadisoana sy fahotana:

Izay nandehananareo tamin'ny fotoana fahiny araka ny fomban'izao tontolo izao, araka ny mpanapaka ny fahefana eny amin'ny rivotra, dia ny fanahy izay miasa ankehitriny ao anatin'ireo zanaky ny tsi-fankatoavana:

⁶³ “Zanaky ny tsi-fankatoavana.” Ary raha ilay antikristy, no nanomboka tao amin'ny fahazazan'ny tsi-fankatoavana tany, dia ho inona izany rehefa mifarana ao amin'ilay olon'ny antikristy ilay izy? Ho mpamitaka toy ny ahoana izany! Mbola famitahana mahery lavitra toy ny ahoana no ho azon'ny—ny olon-dehibe omena an'izao tontolo izao, nohon'ny ankizy kely iray! Ary hoy izy hoe, “Ny fanahin'ny—ny fahadisoan-kevitra ankehitriny no miasa ao amin'ireo zanaky ny tsi-fankatoavana,” tsy mankatò ny Teny. Mariho. Ankehitriny te-hijanona eo amin'izany iray minitra fotsiny aho, “ireo zanaky ny tsi-fankatoavana,” ankizy iray.

⁶⁴ Efa fantatrareo ve, ianareo, ny fiandohanareo, azoko porofoina amin'ny alàlan'ny Tenin'Andriamanitra fa ianareo, ny olona rehetra ato, dia efa velona tao anatin'ny rain'ny raibenareo. Ary avy tao amin'ny rain'ny raibenareo, dia nampidinina tao amin'ny raibenareo ianareo, avy eo tao amin'ny rainareo, ary avy eo dia ianareo. Fantatrareo ve izany?

Ny Baiboly no nilaza, mino aho fa ny Hebreo 7 izany, hoe, Melkizedeka, rehefa niverina avy tany amin'ilay famonoana an'ireo mpanjaka i Abrahama, “Abrahama dia nandoa tamin'i Melkizedeka ny ampahafolon'ny zavatra rehetra.” Ary eto i Paoly dia milaza ankehitriny, hoe, “Levy, izay nandray ny ampahafolony, dia mbola...Nandoa ny ampahafolony izy, satria mbola tao an-kibon'i Abrahama rehefa nitsena an'i Melkizedeka izy.” Noho izany na inona na inona nataon'i Abrahama, dia hitantsika fa tao amin'i Abrahama i Levy

tamin'izany fotoana izany, izay rain'ny raibeny. Abrahama niteraka an'i Isaka; Isaka niteraka an'i Jakoba; Jakoba niteraka an'ireo patriarka, Levy.

Ankehitriny, noho izany, hitanareo, eto no tonga ao amin'ny fisehoana tanteraka, ny fifidianana mialoha.

⁶⁵ Ankehitriny, ao amin'ireto Hafatra ireto, dia tiako ny—ny—ny hanisy tsindrim-peo an'ireo zavatra izay efa nolazaiko taminareo tao amin'ny Hafatra, ny amin'io Hazavan'ny hariva izay nolazain'Andriamanitra fa ho tonga eto an-tany io.

⁶⁶ Ary mariho, noho izany, “Ilay bibidia izay tsy maintsy ho tonga eto an-tany, dia hamitaka an'ireo rehetra manana anarana izay tsy voapetraka tao amin'ny Bokin'ny Fiainan'ny Zanak'ondry, izay voavono talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao.”

⁶⁷ Tao amin'ny fisainan'Andriamanitra manokana; Andriamanitra, ilay Fanahy lehibe. Tany amin'ny voalohany, talohan'ny nisian'ny voalohany iray, dia efa Andriamanitra Izy, ary fantatrareo ve fa efa tao Aminy ianareo tamin'izany? Raha Kristiana iray ianareo ankehitriny, dia efa tao Aminy ianareo tamin'izany.

Ary noho izany, raha izany ilay izy, dia ilay Maha-Andriamanitra manontolo ara-batana no voamboatra tao amin'ilay Olona Jesosy Kristy. Ary avy eo rehefa maty teo amin'ny hazo fijaliana Jesosy, dia maty niaraka Taminy aho, satria tao Aminy aho tamin'izany; satria Izy no fahafenoan'ny Teny, voaseho, nahafantatra fa ho voaseho isika aty aoriana. Ary teny Kalvary niaraka Taminy isika. Nandeha tao am-pasana niaraka Taminy isika. Ary nitsangana niaraka Taminy sy ny Fitsanganany isika. Ary ankehitriny isika dia nakarina, tamin'ny alàlan'Ny Fanahiny, ho eo amin'ny Seza fiandrianan'ny fahasoavana, miara-mipetraka ao amin'ny toeran-Danitra ao amin'i Kristy Jesosy. Isan'andro!

⁶⁸ Fa tahaka ny nidinan'ilay tsimok'aina ara-boajanahary, lonaka avy tamin'ny ray mankany amin'ny ray, mankany amin'ny ray, mankany amin'ny ray, dia toy izany koa no nahalonaka ny Ain'i Kristy.

Izany no antony ampiasan'Andriamanitra ny Fanahin'i Elia indimy samihafa. Inona izany? Izany ilay fampitana midina.

⁶⁹ Tahaka ny niampitan'ny fiainanareo ara-boajanahary sy ny tarehinareo fotsiny avy tamin'ny fiterahana ara-boajanahary tamin'ny rainareo, dia toy izany koa ilay Fanahin'Andriamanitra, izay voafidy mialoha talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao.

Ary rehefa ny Tenin'Andriamanitra manontolo, ao amin'ny fahafenoana, no nifarana tao amin'ny

vatan'olombelona iray nantsoina hoe Jesosy Kristy, dia tao no nampandoavin'Andriamanitra ahy ny fahotako, tao Aminy tao. Avy eo dia Natsangany aho, nanangana ahy niaraka Taminy, tao amin'ny fitsanganana. Ary ankehitriny dia mipetraka miaraka Aminy isika, miaraka amin'ny hery sy ny fahefana eo amin'ny devoly rehetra. Oh, raha mba afaka hino an'izay nomen'Andriamanitra fotsiny mantsy ianareo! Fa raha tsy mipetraka eo ianareo, dia tsy manana an'izany. Ary raha mipetraka eo ianareo, ka tsy mino an'izany, ary matahotra ny hihetsika, dia tsy hampiasa an'izany mihitsy ianareo. Fa raha mipetraka eo ianareo, dia hampiasa azy, satria ianareo dia notendrena hanao an'izay ataonareo.

⁷⁰ “Farao,” eo amin'ny lafiny hafa, “dia natsangana ho an'io tanjona io,” hoy ny Baiboly, mba ho Farao. “Jodasy Iskariota dia natsangana mba ho zanaky ny fahaverezana.”

Ankehitriny mariho ireo Fahamarinana lehibe izay hatonintsika ireo.

⁷¹ Ankehitriny dia hitantsika fa nandà ny hanaiky ny Tenin'Andriamanitra hanapaka eo amin'izy ireo ny fiangonana, ary nanaiky an'i Barabasy teo amin'ny toerany. Ankehitriny, raha tianareo ny Soratra eo amin'izany, izany dia ny Matio 27:15 hatramin'ny 23. Inona no nataon'izany? Toerana inona no nataon'izany? Ankehitriny eritrereto izany. Rehefa ny fiangonan'izao tontolo izao, ao amin'ny fiainany voarafitr'ireo lehilahy marina, masina, araka ny niheverany fa izany izy ireo, ary izany izy ireo teo imason'ny olona, nanombo an'i Jesosy izy ireo, ary nanao hoe, “Tsy hila an'io Lehilahy io hanapaka anay izahay.” Nefa Jesosy no fahafenoan'ny Tenin'Andriamanitra. Jaona Voalohany 1, no manambara an'izany. Ary hoy izy ireo hoe, “Tsy hila an'io Tenin'Andriamanitra io hanapaka anay izahay.” Kanefa, Izy no Teny, saingy nohajambaina ny amin'ny naha-izy Azy ny mason'izy ireo. Satria Izy no valiny mivantana ho an'ny faminiana rehetra izay tsy maintsy hiseho ao Aminy.

Ankehitriny, mino an'izany isika rehetra, satria mitodika any aoriana isika mba hahita fa nitranga izany. Fa raha izao tontolo izao no, izay misy ankehitriny, izao taona ratsy misy izao, no nisy tany aoriana tany tamin'io fotoana io, dia ho nanao an'ilay zavatra iray ihany izay ataony amin'izao andro izao izy ireo, satria mbola ilay Teny iray ihany izany, ho an'izao taona izao, izay voaseho. Izy dia hanao an'izany. Tsy afaka manao na inona na inona hafa izy ireo. “Zanaky ny tsi-fankatoavana izy ireo.” “Nomena fahadisoan-kevitra mahery iray, mba hino ny lainga, ary hohelohina amin'izany.”

⁷² Mariho ilay fiangonan'izao tontolo izao rehefa tsy nanaiky an'i Jesosy, ilay Teny, voaseho an'io andro io, satria (nahoana?) nadikan'izy ireo tamin'ny fomba hafa iray Izany. Nefa tokony

ho fantatr'izy ireo fa Izy io Teny io, satria ny zavatra rehetra izay nolazain'Andriamanitra fa Hataony, dia Nataony izany. Ary hoy Izy tamin'izy ireo, "Zahao ny Soratra ho an'izao ora izao; ary raha tsy mahatanteraka an'io fepetra izay voalaza fa Hataoko io Aho, amin'izay fotoana izay dia aza mino Ahy."

Hoy izy ireo hoe, "Mino an'i Mosesy izahay."

⁷³ Hoy Izy hoe, "Raha nino an'i Mosesy ianareo, dia ho nino Ahy, satria niresaka ny Amiko i Mosesy." Dia mbola tsy hitan'izy ireo ihany izany. Ilay tena Andriamanitry ny Lanitra mihitsy no maty teo amin'ny hazo fijaliana, ary nilaza an'ireo teny iray ihany izay nolazain'ny mpaminany fa Holazainy, dia mbola tsy hitan'izy ireo ihany izany. Hitanareo?

Tsy avy amin'ny Karazany izy ireo. Tsy Teny izy ireo, tsy Teny; ary izy ireo, anefa, izy ireo dia—dia tena mpivavaka. Saingy tsy Teny izy ireo, satria Izany—Izany dia ho nahafantatra ny Toerany ho an'io ora io.

⁷⁴ Mariho hoe mahafinaritra toy ny ahoana no hifamatoran'ny Soratra miaraka ao amin'ny taona rehetra. Mariho ankehitriny.

Ary rehefa tsy nila ny Tenin'Andriamanitra hanapaka eo amin'izy ireo ilay fiangonan'izao tontolo izao, dia nanaiky mpamono olona iray izy ireo, Barabasy. Inona no nataon'izany? Nanandratra an'i Satana izany, ny andriamanitr'izao taona ratsy izao, ho eo amin'ny toerana izay nilainy foana.

Ankehitriny henoy. Fa, tsy voalaza ho andriamanitry ny taona hafa afa-tsy izao taona izao i Satana. Tsy voalaza ho andriamanitry ny taonan'i Noa izy. Tsy voalaza ho—ho andriamanitry ny taonan'i Mosesy izy, andriamanitry ny taonan'i Elia. Fa, izao taona ratsy izao, izy no... Oh, aza diso an'izany! Izy no andriamanitr'izao taona ratsy izao, ivavahan'ny olona an-tapitrisany sy an-davitrisany, nefa tsy fantatr'izy ireo izany. Fa ndao isika hamela ny Soratra hampiharihary azy izao maraina izao, ary ndao isika hahita, avy eo dia ho fantatrareo. Aoka ny Soratra...

⁷⁵ Tahaka ny ao amin'ireo fivorian'ny famantarana, rehefa tonga eo anivon'Ny Teniny ny Fanahy Masina ary miantso an'io lehilahy io Izy ka nanao hoe, "Tsy mahazo miara-miaina amin'io vehivavy hafa io ianao. Inona no nanaovanao an'izany, folo taona lasa izay, rehefa nandositra niaraka tamin'io vadin'olon-kafa io ianao?" Inona no Ataony? Mampiharihary azy, mampibaribary an'i Satana, izay mamatotra an'ilay lehilahy, na ilay vehivavy izay miara-miaina amin'ny vadin'ny vehivavy hafa, na ireo ota izay nataon'izy ireo, ireo zavatra izay nataon'izy ireo. Inona no ataon'izany? Mampibaribary azy.

⁷⁶ Maka an'ireo fitaovana ny dokotera ary miezaka ny hahita izay tsy mety. Tsy vitan'izy ireo izany. Tsy afaka milaza

isika. Fa avy eo dia tonga ny Fanahy Masina ka manambara hoe inona izy, ary mampibaribary azy. Hitanareo? Izany no Tenin'Andriamanitra. Izy dia Hazavana iray izay mamiratra ao amin'ny maizina.

Ary rehefa maka feo iray ianareo ao anatin'ny fitra, toa zava-miafina ilay izy; andian-javatra iray miasa, nefa tsy fantatrareo hoe inona ilay izy. Ampireheto ny jiro, haingana . . . Angelikary, kalalao, izy ireo dia—izy ireo dia zanaky ny aizina. Ary rehefa manjelatra ny jiro, mitsoaka lavitra izy ireo.

“Niala tamintsika izy ireo satria tsy avy tamintsika,” hoy ny Baiboly. Hitanareo? Tsy afaka miaina ao anatin'ny Hazavan'izao tontolo izao izy ireo . . . Satria, ilay Andriamanitry ny Lanitra dia nandefa Ny Hazavany amin'izao andro farany izao, mba Ahafahany manazava ny dian'ireo Zanany, mba tsy ahafahan'izy ireo handeha ao amin'ny maizina ka ho tafintohina, fa ahafahan'izy ireo mandeha ao amin'ny Hazavan'ny famirapiratan'i Jesosy Kristy, ilay tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay. Amena!

⁷⁷ Mariho, Satana dia tsy nantsoina ho andriamanitry ny taona hafa iray afa-tsy izao taona izao. Izany no faniriany mba hitoviana amin'Andriamanitra, hatrany amin'ny tena voalohany mihitsy.

Ndao isika hamaky an'izany. Haka ny fotoantsika fotsiny isika. Ndao isika hiverina any amin'ny . . . Hitanareo, voaraiko naoty izany, Isaia 14. Ndao isika hiverina any amin'ny Isaia 14 eto, iray minitra fotsiny, dia hahita an'izay nolazain'Andriamanitra. “Ilay andriamanitra,” izay nataon'i Satana. Isaia 14:12 sy 14. Mariho.

Ahoana fa nilatsaka avy tany an-danitra ianao, O ry Losifera, zanaky ny maraina! ahoana fa voaroaka nilatsaka tamin'ny tany ianao, izay efa nandripaka an'ireo firenena!

Fa ianao no nilaza tao amin'ny fonao hoe, hiakatra any an-danitra aho, hanandratra ny seza fiandrianako ambonin'ny kintan'Andriamanitra aho (ireo zanak'Andriamanitra, ankehitriny): ary hipetraka eo an-tendrombohitry ny fiangonana koa aho, eo amin'ireo lafiny avaratra:

⁷⁸ Izany no fanirian'i Satana mba hivavahana tahaka an'Andriamanitra. Nentiny ny roa ampahatelony, ny roa ampahatelon'ireo kintan'ny Lanitra. Nampiakatra ny tenany ambonin'ireo kintana ireo, sy nitory teny tamin'izy ireo, ary namitaka ny roa ampahatelon'izy ireo. Hitanareo ve izany? Eny àry. Mariho, izany no faniriany.

Ary ankehitriny dia vonona izy, miaraka amin'ny vadiny voafantina tsara, nampianarin'ny fahalalany manokana,

hitanareo, voaloko tanteraka ao amin'ny famitahany, amin'ireo tranobe goavana sy anaram-piangonana goavana, sy ireo lokom-pahalalana sy teolojia, sy manam-pahaizana sy mahay, ary nianatra, mba hamitaka an'izao tontolo rehetra izao, ary lasa "andriamanitra" iray. Izany no nataony. Ny rehetra dia mifara ao amin'ilay olon'ny antikristy, izay efa voasalotra hoe "ilay solontenan'Andriamanitra," amin'ny alàlan'ny vadiny tia an'izao tontolo izao, siantifika, voatafy ao anatin'ny paompin'ny fianarana ara-tsaina, ara-pivavahana. Natao mpivavaka tahaka azy izy, ary amin'ny fandikany manokana ny Tenin'Andriamanitra tahaka ny nataony tamin'i Eva, sy ny nataon'i Kaina zanany.

Ankehitriny hoy ianareo hoe, "Zanak'i Satana?"

⁷⁹ Ampisehoy toerana iray ao amin'ny Baiboly aho izay mba niantsoana an'i Kaina hoe zanak'i Adama. Ny Baiboly dia nilaza fa izy dia "zanak'ilay ratsy," taranaky ny menarana. Tsia, nesorina ilay sarona ankehitriny, ry rahalahy. Nisokatra ilay pyramida, araka ny nasehon'ny fanambarana.

⁸⁰ Mariho izay hataony, ireo fisainany. Nihevitra izy fa mitoetra ao anatin'ny hatsaran-tarehin'izao tontolo izao Andriamanitra. Nataony izany tany An-danitra. Tsy nanomboka tao amin'ny sahan'i Edena mihitsy ny ota; nanomboka tany An-danitra izany, rehefa i Losifera, ilay zanaky ny marina, no nanandratra ny tenany tao amin'ny hatsaran-tarehy, ary nila fanjakana mahafinaritra lavitra noho ny an'i Mikaela. Ary nihevitra izy fa nitoetra tao anatin'ny hatsaran-tarehy Andriamanitra.

⁸¹ Ary mariho i Kaina. Tsy nila fanatitra nisy rà izy. Tonga izy ary nanolotra voankazo, na—na ireo sahan'ny hatsaran-tarehy teo amin'ny alitarany. Tena mpivavaka, nanao ny zavatra rehetra, ka, tena mitovy marina tokoa tamin'izay nataon'i Abela; nanolotra fanatitra iray, nandohalika teo anatrehan'Andriamanitra tamin'ny fanompoana, nahatoky tamin'ny fomba rehetra, saingy tsy nanana ny fanambaran'ny Teny.

Ary ny Teny no, hatrany amin'ny voalohany, drafitr'Andriamanitra. Fa Andriamanitra dia nanambara, amin'ny alàlan'ny fanambarana, an'ilay tena zavatra mihitsy izay Nohamarininy sy nanisy tsindrim-peo fa marina izany. Tsy fivavahana, tsy alitara iray, tsy mikambana amin'ny fiangonana, tsy manao fanatitra, tsy hoe tso-po; fa amin'ny alàlan'ny fanambaran'ny Tenin'Andriamanitra. Andriamanitra no manambara aminy hoe inona ilay izy . . .

Ny reniny dia tsy naka paoma izay nomen'ny menarana iray azy, fa nanao firaisana ara-nofy tamin'ilay olon'i Satana izy, tao amin'ny endrika biby; tsy biby mandady iray, fa ilay mahay indrindra, fetsy indrindra tao amin'ny saha rehetra, ilay

endriky ny olona, ilay zavatra tokana izay afaka hifangaroan'ny voa. Ankehitriny dia miezaka ny hahita azy ny siansa. Fa tsy hahita azy mihitsy izy ireo, satria ny taolana rehetra tao amin'ny vatany dia novaina. Fa ny Baiboly no milaza fa izany ilay izy.

⁸² Mariho izay hataon'io olona io ankehitriny. Io olona io, “Hipetraka ao an-tempolin'Andriamanitra izy,” izany hoe, ny fiangonana, “hanambara ny tenany ho Andriamanitra.” Ankehitriny raha tianareo ny hamaky an'izany, izany dia ny Tesaloniana Faharoa 2:3 sy 4, sy ny Apokalypsy 13:4, 11 sy 12; izay nilazana, ireo mpaminany roa ireo, Jaona sy Paoly, ny amin'izay haha-izy azy amin'ny andro farany. Ankehitriny vakionareo izany, satria voaraiko naoty eto izany. Fa izaho... mba hananana fotoana ankehitriny.

⁸³ Ny andro izay iainantsika dia antsoina, ao amin'ny Baiboly hoe, “ny andron'ny olona,” andron'olona. Tsy andron'Andriamanitra izao. Tsy andriamanitr'ity tany ity Andriamanitra; ny Baiboly no milaza fa tsy izany Izy. Izy dia ilay Andriamanitry ny Lanitra. Fa tsy andron'Andriamanitra izao.

Andron'ny safidy izao. Na, velona ho an'ny androany, dia maty; mifidy an'Andriamanitra, dia velona. Ary Andriamanitra dia ny Teny, ary ny Teny dia ny Teny voaseho ho an'ilay ora sy ilay andro.

⁸⁴ Mariho, “ny andron'ny olona.” Raha te-handray naoty an'izany ianareo, saika hamaky an'izany aho. Fa ny Korintiana Voalohany 5:1-5...Korintiana Voalohany 4:1-5, mamelà ahy, Korintiana Voalohany 4:1 sy 5, izay nitenenan'i Paoly fa hotsarain'olona, ao amin'ny andron'olona.

⁸⁵ “Ilay andro, nahoana no antsoinao hoe andron'olona izany?” hoy ianareo. Izany no andro izay anomezam-boninahitra an'ireo asa avy amin'ny fahalalan'ny olona.

Jereo hoe inona, ny hambon'ireo kominista, ny olona miezaka mandefa olona iray eny amin'ny volana. Andriamanitra miezaka mandefa olona mankany An-danitra. Hitanareo? Fa jereo hoe ahoana no andanian'izy ireo dolara an-tapitrisany sy an-davitrisany sy miliara maro, ao amin'ny ezaka tsy ilaina. Rehefa tonga any izy ireo, dia tsy hahita na inona na inona. Inona ny olana amin'izy ireo?

Tsy ahoako ny amin'ny volana. Te-hihoatra haingana ny volana aho mba tsy hahitako azy akory aza; manohy miakatra ambony kokoa fotsiny. Te-hihoatra ny Milky White Way aho, manohy, mitohy mandeha fotsiny. Eny!

⁸⁶ Ary izao tontolo izao dia manolotra ny tenany amin'izao andro izao ho amin'ny fahalalana izay avy tamin'i Satana. Ary omem-boninahitra ny andron'olona, tsy amin'ny alàlan'ny Tenin'Andriamanitra, fa amin'ny alàlan'ny fahalalana izay ananany.

Ankehitriny eritrereto. Aoka hilentika izany. Ary rehefa mamerina mandefa an'ity horonam-peo ity ianareo, eo amin'ity faritra eto ity, dia mijanòna vetivety ary mieritrereta.

Ireo asany dia misandratra any ambonin'ny Tenin'Andriamanitra sy ireo asa voaseho; ilay fahendren'i Satana, izay nomeny an'i Eva tany amin'ny voalohany. Ankehitriny henoy; aza diso an'ity. Ny fahendren'i Satana dia misandratra any ambonin'ny seza fiandrianan'ny fivavahana, ao anatin'ny olona, ambonin'ny Tenin'Andriamanitra voamarina ho an'ilay ora. Ireo fiangonantsika dia manaporofa amin'ny alàlan'ireo—ireo seminerany, sekolin'ny fianarana, izay ianarana mihoatra lavitra noho izay fantatry ny Tenin'Andriamanitra mikasika an'Izany, araka ny heverin'izy ireo. Ary eo, ny Dokotera *Ranona-sy-ranona*, sy ny Mpampianatra *Ranona-sy-ranona*, ary ny Profesora *Ranona-sy-ranona* no nanandratra ny fahalalan'izy ireo manokana, ilay mody antsoina hoe fahamarinana (avy amin'i Satana), ambonin'ny teny fikasan'Andriamanitra voamarina, lasa mazava teo anatrehan'izy ireo. Ary lavo amin'izany ny olona. Hitanareo?

⁸⁷ Ireo zava-bitany siantifika, dia miezaka manaporofa ny Tenin'Andriamanitra ho diso. Eritrereto fotsiny izany. Izy, ny azy, izany hoe, ilay teolojian'olona, no manazava ny Tenin'Andriamanitra amin'ny olona, ary manao an'Izany ho tsy misy fiantraikany indray, tahaka ny nanaovany an'izany tao amin'ilay taona ara-anaram-piangonana rehefa niseho teto an-tany Jesosy. Hoy Jesosy hoe, “Ianareo mpihatsaravelatsihy! Ianareo, tamin'ny alàlan'ny fombafombanareo,” izany hoe ireo fandikany, “dia nandray ny Tenin'Andriamanitra ary nanao Azy ho tsy misy fiantraikany tamin'ny olona.” Ary izany ilay zavatra iray ihany izay ataon'izy ireo amin'izao andro izao. Tsy misy fiantraikany Izany.

⁸⁸ Mariho, “Izy ireo,” ireo olona, “dia manandratra azy ambonin'izay rehetra antsoina hoe Andriamanitra.” Tsy milaza ve ny Tesaloniana Faharoa fa izany no hataon'izy ireo? Ary ny fahefan'ny fiangonana ara-anaram-piangonana iray, ny olona dia mino an'io anaram-piangonana io mihoatra lavitra noho ny inoan'izy ireo an'Andriamanitra. Fa Andriamanitra dia ny Teny. Hino ny fanekem-pinoany ara-anaram-piangonana ambonin'ny Teny izy ireo, izay “manandratra azy ambonin'izay rehetra antsoina hoe Andriamanitra.” Fa Andriamanitra iray ihany no misy, ary izany dia ny Teny.

“Izay rehetra antsoina hoe Andriamanitra; noho izany izy dia tahaka an'Andriamanitra mipetraka ao amin'ny fiangonan'Andriamanitra, manaporofa fa izy no Andriamanitra,” satria mitondra ny olona hivavaka aminy izy. Andriamanitra dia ny Teny. Nefa manandratra ny tenany ambonin'izay rehetra antsoina hoe Andriamanitra izy. Fa Andriamanitra iray ihany no misy, ary izany Andriamanitra

izany dia ny Teny. Hitanareo? “Ary izay rehetra antsoina hoe Andriamanitra,” dia, ilay andriamanitr'izao taona izao no nanandratra ny tenany ambonin'ny Tenin'Andriamanitra marina, voamarina. Izany dia ny Masindahy Jaona 1. Hitanareo? “Ambonin'izay rehetra antsoina hoe Andriamanitra, mba ho tahaka an'Andriamanitra mipetraka ao amin'ny tempolin'Andriamanitra izy,” miaraka amin'ny fahefana.

Jereo, ary deraina izy amin'izany! Oh, aoka ny olona, Andriamanitra, hahita an'izany famitahana izany! Deraina izy amin'izany, ary inoan'ny olon'izao taona ratsy izao am-panajana mihitsy. Ankehitriny hitanareo ve ilay andriamanitr'izao taona ratsy izao sy ireo mpanompony?

⁸⁹ Ankehitriny ndao isika handinika an'izany fa voaseho. Milaza izy fa hanao tontolo iray tsaratsara kokoa ho azy ireo mba hiainana, amin'ny alàlan'ny fahalalany afa-tsy ilay Tenin'Andriamanitra tsy mety diso mihitsy. Fa amin'ny alàlan'ny fanangonany miaraka, ao amin'ireo anaram-piangonana, sy fanekem-pinoana, sy ara-tsaina, ary siantifika, sy ny sisa, no hanaovany tontolo iray tsaratsara kokoa ho an'ny olona mba hiainana, ary minia tsy mahalala ny teny fikasan'Andriamanitra, hoe ny fotoana tokana izay hahatonga an'izao tontolo izao ho azo iainana dia ny Arivo taona. Fantatrareo, araka ny hevitra, dia nanao tontolo iray tsaratsara kokoa hanotana izy raha tokony hiainana.

⁹⁰ Mariho. Efa nanao an'izany ve izy? Nanao ny ota ho ara-dalàna izy. Nanao ny fisotroana whisky ho ara-dalàna izy, ny fifohana sigara. Ary ao amin'ireo fiangonana, dia nataony ho ara-dalàna ny hahafahan'ny vehivavy iray ho mambran'ny fiangonana, miaraka amin'ny volo fohy. Ankehitriny afaka mijanona iray minitra fotsiny ianareo.

⁹¹ Afaka manao sorta izy, manao lokon-tarehy, ary mbola mikambana amin'ny vondrony mpivavaka foana, nefa tena mifanohitra tanteraka amin'ny Tenin'Andriamanitra mihitsy. Milaza izy fa mety tsara izany. Hitanareo ve ilay fahalalany? “Inona no idiran'ny vehivavy amin'izany?” Tena mitovy mihitsy amin'ny hoe maka an'ilay voankazo voarara, na tsy ilay voankazo voarara, izany ilay izy. Andriamanitra no nilaza mba tsy hanao an'izany, saingy ataony izany.

⁹² Ary mino azy izy, ary tia azy izy noho ny amin'izany. Mankahala an'Andriamanitra izy. Ny fihetsiny manokana no manaporofa fa mankahala izy. Milaza izy fa tia Azy, nefa Satana no tiany. Manompo an'ilay andriamanitry ny lamaody izy, ilay andriamanitr'izao tontolo izao, ilay andriamanibavin'ny Hollywood. Tia azy izy, saingy mankahala an'ilay Tenin'Andriamanitra marina, dia ilay Andriamanitra marina tokana izay misy.

Manao an'izany ho ara-dalàna ao amin'ireo fiangonana. “Tsy misy faharatsiana izany. Ireo vehivavintsika dia afaka manao an'*ity, itsy*, na ny *hafa*.” Saingy eo amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra velona, dia tsy navela hanatona akory aza izy, raha tsy mibebaka.

⁹³ Hitanareo, izy no andriamanitry ny hatsaran-tarehin'izao tontolo izao, izany izy. Te-ho lasa tsara tarehy izy. Ary izy no andriamanitry ny hatsaran-tarehy, hatrany amin'ny voalohany. Vitany, ary efa nahavita tamin'ny alàlan'ny fahalalany ao amin'ny siansa sy ireo fitaovana, mba hamokatra hatsaran-tarehy ho an'ny, ity taona modely ity...ity taona moderina ity, raha ny marina, an'ny ratsy. Mamokatra hatsaran-tarehy izany.

⁹⁴ Mariho. Mendrika ho raisina naoty ho marihina izany. Tany amin'ny voalohany, tsy nandeha tany amin'ny làlana siantifika mihitsy i Seta sy ireo zanany.

Ankehitriny isika hiresaka mikasika ny siansa mandritry ny minitra vitsy. Raha milaza an'izao aho, dia tsy hoe manala tsiny ny tsy fahaizako; fa, ny andiany tsy mahay indrindra, dia ny zavatra rehetra izay handà ny Tenin'Andriamanitra. Hitanareo? Azo antoka.

Mendrika ho raisina naoty izany. Diniho izany. Tsy nandeha teo amin'ny làlana siantifika mihitsy ireo zanak'i Seta. Izy ireo dia mpiandry ondry manetry tena, mpiompy, sy ny sisa.

Fa ireo zanak'i Kaina no nandeha. Nahoana? Voatsindrimandrin'ny rainy, ny devoly. Kaina, voatsindrimandrin'ny rainy, ny devoly, ary izy ireo dia voatsindrimandrin'ilay voa izay nidina.

⁹⁵ Diniho ilay voan'Andriamanitra izay nidina nandritry ny taona rehetra, ary diniho hoe aiza no hiafarany amin'izao andro izao. Ireo Kristiana, ireo Kristiana tena izy, dia tsy momba ny fikarohana siantifika sy ny karazany mihitsy. Tsia. Iray minitra fotsiny, hiditra eo amin'izany isika.

Fa ny an'i Kaina no nanao, nanaraka ny natioran'ny rainy, ny devoly, feno fahalalan'izao tontolo izao, hatsaran-tarehy, sy siansa, sy ny sisa. Ireo zanak'i Kaina dia siantifika. Nampianarina izy ireo. Izy ireo dia mpitendry mozika—zava-maneno; Elvis Presley moderina, ny sasany amin'ilay karazan-javatra izay avelan'ny komitin'ny sekoly hitranga eny amin'ny làlan-kely eto isaky ny Sabotsy hariva. Ireo mpanorina tanàna, dia manao an'ireo vehivavy ho tsara tarehy ho an'ireo filàna manokana, ka ny devoly no manome lokon-tarehy ho an'ireo vehivavy, sy manapaka ny volony, ary manao azy ireo anatin'ny sorta, sy ireo zavatra tahaka an'izany. Izy ireo, ho an'ny filàny maloto manokana izany. Tena mahitsy izany, saingy tsy mahafantatra fomba iray hafa hilazana azy aho.

⁹⁶ Ankehitriny, fantatsika fa ny filazantsaran'i Satana dia filazantsaran'ny siansa sy fandrosoana. Notoriany tao Edena izany; tsy Andriamanitra; Satana no nitony, ny siansan'ny fandrosoana. Ny siansa sy ny fandrosoana no filazantsaran'i Satana. Jereo hoe aiza no itarihany antsika amin'izao andro izao, miaraka amin'izany. Hitanareo?

⁹⁷ Mariho, notoriany tao Edena izany, tamin'iza? Tamin'ilay vadin'i Adama. Ary lavo tamin'izany izy. Namitaka azy tao tamin'ny fisalasalana ny anankiray amin'ireo Tenin'Andriamanitra izy. Ndao jerentsika izay mety nolazainy. Tsy maintsy nilaza izy hoe, "Tsy siantifika ny ho faty, ao amin'ity fiangonana masina ity." Na, "Hampidirina an-tsekoly sy hampianarina ianao, mba tsy hino an'izany karazana fahafatesana tsy azo inoana izany. Tsy ahoako na dia niteny an'izany aza ny Tenin'Andriamanitra; tsy azo inoana izany."

⁹⁸ Oh, jereo izy amin'izao andro izao. "Andriamanitra dia Andriamanitra tsara iray. Ao anatin'ny Fiangonany masina ianao; nahoana, tsy afaka ny ho faty ianao." Saingy Andriamanitra no nilaza fa ho faty ianao, dia milamina hatreo izany. Hitanareo ve izy amin'izao andro izao? "Oh, mikambàna amin'ny fiangonana fotsiny. Tsy izay ataonareo izany, na *ity, itsy*, na ny *hafa*. Tongava fotsiny ao am-piangonana dia aoka ho mambra tsara iray. Ny manapaka ny volonareo, hadalana izany. Ary ny manao sorta, sy manao lokon-tarehy, sy ny mandeha any amin'ny fandihizana, ary ny labiera kely tsindraindray, dia tsy hampaninona anareo, raha toa ka tsy manaram-po amin'izany ianareo. Am-pahatsorana, dia maniry an'ireo zanakareo handray an'izany aho, mba hahafahan'izy ireo hianatra na tian'izy ireo izany na tsia." Io izy io, ilay andriamanitr'izao taona izao, izao taona ratsy izao.

⁹⁹ "Andriamanitra tsara iray Andriamanitra." Efa nandre betsaka loatra an'izany aho hany ka narary. Andriamanitry ny fahamarinana ihany koa Andriamanitra. Tsy dadabe antitra mpampiangoty iray izay azo atosika manodidina eo Izy, ka hoe tsy manota mihitsy ireo Zafikeliny. Andriamanitry ny fahamarinana sy fahamasinana Izy. Noporofoiny izany tao amin'ny sahan'i Edena, tamin'ny alàlan'ireo Zanany voalohany. Raha mandika an'io tsihika io ianareo, an'ny anankiray amin'Ireo Teniny, dia maty ianareo. Izany ihany no mihatra amin'izao andro izao.

¹⁰⁰ Ary mariho, nitony an'io karazana filazantsara siantifika, sosialy, nampianarina, ara-pandrosoana io tamin'i Eva izy, ary nino an'izany ny vadin'i Adama. Ary nahomby izy tamin'ny famenoana an'ilay mody antsoina hoe ampakariny Kristy, ilay fiangonan'i Adama Faharoa, tamin'ilay adi-hevitra iray ihany. Marina izany.

¹⁰¹ “Oh, izany tsy—izany tsy an’Andriamanitra; tsara loatra Andriamanitra mba hanao an’izany. Nahoana, raha mbola mandeha any am-pianganana foana ianao. ‘Raha mino ianao.’” Ny devoly dia mino; tsy mody mino, fa tena mino tokoa izy. Tsy voavonjy izy. “‘Raha mino ianao.’” Hah!

¹⁰² Noteneniny tamin’ily vady faharoa, na ilay Ampakarin’i Adama Faharoa, ilay zavatra iray ihany izay nolazainy tamin’ily voalohany. Toy ny hoe, “Ankehitriny, ny fanasitranana avy amin’Andriamanitra, tsy misy zavatra tahaka an’izany. Afaka manaporofa an’izany izahay. Tsy mbola nisy mihitsy ny fisehon-javatra iray voaporofa.” “Ary ity batisa amin’ny Anaran’i Jesosy ity, ankehitriny tsy fantatrao ve fa izaho no fahefan’ny fianganana?” hoy izy. “Efa voalaminay tany Nise, Roma izany,” rehefa nivoaka avy tao amin’ily dragona ireo fanahy maloto telo, ireo mpaminany sandoka, sy ny sisa. “Izahay dia mino fa misy ny trinite iray an’ireo Andriamanitra.” Oh, mamindrà fo! Izany no tena mpanompo sampy araka ny maha-izy azy. Aza mandeha eo anatrehan’Andriamanitra miaraka amin’ny karazan-javatra tahaka an’izany mihitsy ianareo, miezaha ny hitsangana eo amin’Ny Fanatrehany. “Oh, tsy misy fahasamihafana mihitsy raha ianareo dia natao batisa tamin’ny titran’ny ‘Ray, Zanaka, Fanahy Masina.’ Inona no fahasamihafana ataon’izany?”

¹⁰³ Manao fahasamihafana betsaka izany, hany i Paoly ka nandidy an’ily andiana Batista fa tsy maintsy hatao batisa indray amin’ny Anaran’i Jesosy Kristy izy ireo talohan’ny nahatongavan’ny Fanahy Masina teo amin’izy ireo mihitsy. Ary izany koa no nahatonga an’io apostoly io hiantsoantso, ka nanao hoe, “Raha misy anjely iray avy any An-danitra ka mitory zavatra hafa, aoka izy ho voaozona.” Azo antoka, manao fahasamihafana iray izany. Oh, oadray!

¹⁰⁴ “Tsy misy izany karazana batisan’ny Fanahy Masina izany amin’izao andro izao. Ho an’ireo apostoly irery ihany izany. Efa lasa izany. Ary izany karazana mpaminany izany? Tsy fantatra akory aza izany. Fahagagana? Tsy siantifika izany. Malakia 4? Efa an’ny taona hafa iray izany. Jaona 14:12? Oh, tsy izany no tena tian’i Jesosy lazaina. Lioka 17:30? Oh, angano iray fotsiny izany. Hitanareo, izany—izany dia diso fandika; tsy tao amin’ny tany am-piandohana izany.” Tena hafokàna!

Ary Andriamanitra Tsitoha no midina eo avofoantsika ka manaporofa an’ily izy. Rehefa milaza Izy, hoe, “Jesosy Kristy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay,” dia manaporofa Izy fa izany ilay izy. Tsy ahoako izay milaza fa tsy izany ilay izy; Andriamanitra no mandika Ny Teniny Manokana. Izy no nilaza fa hanao an’io zavatra io Izy amin’ny andro farany. “Hisy Hazavana amin’ny andro hariva.” Ary misy Hazavana, ho an’ny fanehoana an’ily Zanak’Andriamanitra.

¹⁰⁵ Ilay masoandro iray ihany izay miposaka any atsinanana no ilay masoandro iray ihany izay milentika any andrefana. Hoy ny mpaminany hoe, “Hisy andro iray izay tsy azo antsoina hoe andro na alina.” Manjombona iray izany, ireo rahona, toy ny hoe eo amin’ny tavan’ny masoandro. Fa hoy izy, “Eo amin’ny andro hariva dia ho tonga indray ny Hazavana.” Ilay Zanaka iray ihany! Izy no Alfa sy Omega. Ilay Zanaka iray ihany izay niposaka tany atsinanana no voalaza mialoha fa hiposaka indray any andrefana, amin’ny andro farany, mialoha indrindra ny fiafaran’ny andro. Tsy fantatro hoe ahoana no andikan’izy ireo an’Izany; Andriamanitra no mandika Ny Teniny Manokana. Izy no manaporofa an’Izany. Iza no andro hariva.

¹⁰⁶ Mampalahelo izany, saingy azo antoka fa lavo tamin’izany indray izy. Lavo tamin’izany ilay vadin’i Kristy, ary nandray an’ily fahalalana ara-tsaina avy tamin’ny mpitory tenin’ny seminera iray raha tokony hino an’ily Tenin’Andriamanitra madio, voamarina.

¹⁰⁷ Ankehitriny ireo mpitoriteny any ivelan’ny firenena lavitra any na aiza na aiza misy anareo, mety tsy hanaiky an’Ity ianareo. Tsy handratra anareo aho. Izaho fotsiny dia mie-... Miresaka amin’ny vondroko manokana aho. Miezaka fotsiny aho... Raha tianareo ny hipetraka, dia azoko antoka fa ho faly aho ny handrenesanareo an’Izany. Ary avy eo dia henoy Izany. Hitanareo? Fa miteny amin’izy ireo fotsiny an’izay—an’izay hitan’izy ireo aho, ary maneho an’izany amin’izy ireo; Andriamanitra no manaporofa azy, fa marina izany. Hitanareo?

Izao ilay ora. Tsy mila olona handika an’Izany. Ny fahalalanareo araka an’izao tontolo izao dia tsy manana na inona na inona... Mety manana B.A., D.D., A.D. iray ianareo, na mety ho inona ilay izy; tsy midika zavatra iray izany. Andriamanitra no mandika Ny Teniny, Izy tenany. Izy no nampanantena an’izany, ary io ilay izy.

¹⁰⁸ Fa amin’ny alàlan’ny fahalalan’ny seminera, toriteny ara-anaram-piangonana, “no nahatonga an’izao tontolo rehetra izao ho gaga tamin’ily bibidia izay sitrana tamin’ny fery mahafaty,” avy tamin’ny mpanompo sampy nankany amin’ny papaly. Hitanareo ve izay hiafarany? Mino an’izany izy. Mino an’ily fahalalana izay nolazainy tamin’izy.

¹⁰⁹ Izany dia, ankehitriny diniho, izany dia satria nino ny fahalalan’i Satana izay nanohitra ny Tenin’Andriamanitra ireo vady roa voafofo ireo. Ny vadin’i Adama dia nino ny fahalalan’i Satana izay nanohitra ny Tenin’Andriamanitra, ary ny vadin’i Kristy dia nino ny fahalalan’i Satana, ao amin’izao taona ratsy ara-tsaina izao, izay manohitra ny Tenin’Andriamanitra.

Ary mariho. Eva, ao amin’ny ara-boajanahary, izay nino an’izany, ka nandentika ny taranak’olombelona manontolo

tao amin'ny fahafatesana. Ilay vady ara-boajanahary! Adama, ilay olona ara-boajanahary an'ny tany; ny vadiny, talohan'ny nankanesany teo aminy, mba ho vady, dia nandentika ny taranak'olombelona manontolo tao amin'ny fahafatesana. Na siantifika izany na tsia, dia maty foana ihany isika, satria Andriamanitra no nilaza fa ho faty isika.

Na ao amin'i Edena masina ianareo, na fiangonana masina, na anaram-piangonana masina, na mety ho inona ilay izy, dia ho faty ianareo amin'ny andro tsy inoanareo Teny anankiray amin'ny Tenin'Andriamanitra ho ny Fahamarinana, ary Izany dia voamarina sy voaporofa taminareo. Izany no andro izay hampisarahana-reo ny tenanareo amin'Andriamanitra. Tsy ilay fehezan-teny manontolo mihitsy; Teny anankiray. “Na iza na iza hanampy teny anankiray, na hanaisotra Anankiray,” izany no andro hahafatesanareo.

¹¹⁰ Mariho, ny vadin'i Adama no nahatonga ny fahafatesana ara-boajanahary tamin'ny taranany, ilay taranak'olombelona.

Ary ilay vadin'i Adama Faharoa, vady voafonon'i Kristy, no nandentika ny fiangonana manontolo tao amin'ny fahafatesana ara-anaram-piangonana iray, mba handray ny mariky ny bibidia, amin'ny alàlan'ireo anaram-piangonana siantifika, ara-tsaina, goavana. “Batista izahay. Presbyterana izahay. Pentekotista izahay,” sy ny sisa. “Izahay manana an'ity, ary izahay tompon'ny fananana maro. Izahay, izahay dia neken'ny governemanta. Izahay dia manerana an'izao tontolo rehetra izao,” sy ny zavatra rehetra tahaka an'izany. “Ary ny tsara indrindra, sy ny ben'ny tanàna, sy ny sisa, dia tonga ao aminay. Na ny Filoha aza dia tonga manao ny lamesa miaraka aminay, ary izahay tonga amin'ity, itsy, na ny hafa.” Izao tontolo rehetra izao dia nilentika tao amin'ny fahafatesana iray ara-panahy, ara-anaram-piangonana; ny fiangonana manontolo. Maty izy!

Hoy ianareo hoe, “Mifaoka faritra betsaka ianao.”

¹¹¹ Hoy Jesosy hoe, “Tahaka ny tamin'ny andron'i Noa, izay nisy fanahy valo voavonjy, dia ho toy izany koa amin'ny fihavian'ny Zanak'olona.” “Tamin'ny andron'i Lota, izay nisy telo nentina nivoaka avy tao Sodoma, tamin'izany andro izany...” Ankehitriny dia efa misy vondrona iray sahadry mivoaka, tsarovy. “Fa, tahaka ny tamin'izany, rehefa ho voaseho ny Zanak'olona.” Jereo hoe andro inona, jereo hoe aiza no iainantsika!

¹¹² Ankehitriny dia izy no nahatonga an'izao tontolo rehetra izao hanaiky ny mpitarika siantifika an'ilay fandaharam-pampianarana izay nomen'i Satana azy teo ambanin'ny anarana hoe fiangonana iray, ilay mpitarika ny fandaharana ara-pampianarana, siantifika. Manao sary aminareo an'ilay andriamanitr'izao tontolo izao aho.

Fony izy, tahaka an'i Eva, mbola nanana an'ilay tena fahafenoan'ny Tenin'Andriamanitra teny an-tànany, dia afaka nandray ny Tenin'Andriamanitra izy. Fa nanao an'Izany ve izy? Raha tokony niandry ny batisan'ny Fanahy Masina, dia namela ny siansa hanaporofa taminy fa ho an'ireo mpianatra irery ihany ny Fanahy Masina.

Raha tokony nihazona ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra handeha, sy tokony nahatsangana ny maty izy ankehitriny ary nahavita fahagagana lehibe; dia namela an'i Satana izy, teo ambanin'ny fitarihan'olona mpivavaka, handray ny Tenin'Andriamanitra sy hiezaka ny hilaza fa Izany dia ho an'ny taona hafa iray. Ary nino an'izany izy.

¹¹³ Nefa, hoy ny Baiboly hoe, “Ireo zavatra izay Ataoko no hataonareo koa.” Jesosy no niteny an'izany. “Mandehana ianareo any amin'izao tontolo rehetra izao ka mitoria ny Filazantsara amin'ny olombelona rehetra.” Mbola olombelona isika. “Izao famantarana izao no hanaraka ny tsirairay avy amin'ireo izay mino.” Laviny ny kely indrindra amin'Izany.

¹¹⁴ Laviny ny ivelan'ny voajanahary rehetra, ary natakalony ny fandraisany ara-tsaina ny Baiboly Izany; ka ireo pretra, sy ray masina, mody antsoina, sy ireo eveka, arseveka, ary ireo presbyteran'ny distrika, mpanara-maso ambony, sy ny sisa, no nametraka ny fandikany manokana teo amin'Izany. Ary nandao azy ireo Andriamanitra, nipetraka teo, maty nihinjitra.

Ny zavatra tokana izay tavela amin'ny andro farany dia andiana Pentekotista kely iray miaraka amin'ny andiana mozika midridridridry mafy arak'izay vitan'izy ireo, mihazakazaka mandroso-sy-miverina eo amin'ny gorodona, miteny amin'ny fiteny tsy fantatra sy mihiakiaka, “ary manana ny toe-panahy araka an'Andriamanitra, fa mandà ny Teny.” Mitenena anie amin'izy ireo mba hatao batisa amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy; ihomehezany eo amin'ny tavanareo. Fa, izany, manohy manao an'ilay izy ho toy izany foana fotsiny Andriamanitra, manaporofa Ny Teniny ho toy izany.

¹¹⁵ Mariho, ilay hazo izay nampandrisan'i Satana anjara an'i Eva, dia “ilay hazon'ny tsara sy ny ratsy.” Hazo iray nifangaro izany.

Ankehitriny jereo ny andro izay iainantsika, izay Iantsoany Ampakarina iray hivoaka. Manana fiangonana iray Izy izay milaza fa manao ny tsara, nefa ratsy ilay izy, nohon'ny fandavana ny Teny. Hazo mifangaro iray. Oh, hoy ianareo hoe, “Izy ireo—izy ireo dia manana fikambanana lehibe. Izy ireo—izy ireo—izy ireo—izy ireo dia manampy an'ity. Ary manaiky an'izany ny Vokovoko Mena. Ary ireo sekoly rehetra, izy ireo... Jereo eto!”

Oh, saingy ny mandà Teny anankiray fotsiny, dia izay ihany no tokony hataonareo mba hahafaty; tsy mampaninona na

ara-tsaina toy ny ahoana, tsara toy ny ahoana ilay izy. Hoy Jesosy hoe, “Ny masirasira kely iray dia manao ny vongana manontolo ho masirasira.” Pitika masirasira iray dia mahapotika an’ily vongana. Tenin’Andriamanitra anankiray, diso fametraka, dia manimba an’ily Sary manontolo. Ahoana raha ny sandriko no eo amin’izay tokony hisy ny tongotro? Hitanareo? Ahoana raha eto amin’izay tokony hisy ny tânako eto ny sofiko? “Ny masirasira kely iray dia manao ny vongana manontolo ho masirasira.”

Hoy ianareo hoe, “Ahoana no ahafantaranao fa marina Izany?” Andriamanitra no manaporofa an’Izany ho marina. Izy no manamarina an’Izany. Nolazainy eto amin’ny Teny Izany, avy eo dia Porofiny Izany. Izany no ahafantarantsika na marina Izany na tsia.

Ny mandà Teny anankiray fotsiny dia izay ihany no ilaina mba hahafaty. Izany no nitondra an’ireo vokatra iray ihany ao amin’izao taona ratsy izao, fahafatesana ara-panahy, tahaka ny nataon’ny fahafatesana ara-batana tamin’ily taranak’olombelona manontolo.

¹¹⁶ Mariho hoe ahoana no nitondran’i Satana an’io taona siantifika io tany aoriana tany, ny an’i Noa, mba hiankina amin’ny fahalalan’izy ireo manokana. Hah! Ny Baiboly no miteny amintsika, ao amin’ny Ohabolana hoe, “Aza miankina amin’ny fahalalantsika manokana.” Ary, “Aoka ny tenin’olona rehetra ho lainga, ary ny an’Andriamanitra ho marina.” Fa Satana, tamin’ny alàlan’ny fahalalany, hatrany amin’ny voalohany tao amin’ny sahan’i Edena, dia nitondra ny olona hiankina amin’ny fahalalany manokana. Ary, fantatrareo, tamin’ny alàlan’ireo orinasany lehibe an’ny Max Factor izay nananany tany, no nanaovany an’ireo vehivavy ho tena tsara tarehy mba hahatonga ny zanaky ny olona...an’ireo zanak’Andriamanitra, raha ny marina, ho lavo ao amin’ny fahotana ka hanambady azy ireo. Marina. Izy...Tena tsara tarehy ireo vehivavy, tena tsara.

¹¹⁷ Ankehitriny alaivo ny vehivavy tsotra eny an-dàlambe androany. Maro aminareo no efa namaky an’ily tantara; tsy mbola nandre an’izany mihitsy ianareo, satria talohan’ireo androko izany. Pearl O’Brien, firy no efa mba nandre ny aminy? Azo antoka. Izy no natao ho vehivavy tsara tarehy indrindra an’izao tontolo izao. Nahoana, tsy misy ankizy mpianatra iray izay mandeha any an-tranon-tsekoly androany ka tsy indroa tsara noho izy. Nahoana izany? Tsy maintsy mitranga ny hatsaran-tarehin’ireo vehivavy amin’ny andro farany.

Manapaka ny volony izy ireo. Manao an’ireny akanjo kelin-jazavavy ireny izy ireo. Manao sorta izy ireo, sy bikinis, na izay iantsoanareo azy, eo amin’izy ireo. Manao lokon-tarehy izy ireo, sy lokomena, ary ireo karazan-javatra rehetra ireo, mba hanao azy ireo ho zavatra iray izay tsy maha-izy azy.

Hitanareo? Fa tamin'ny alàlan'ny fahalalana siantifika no nahafahan'izy ireo nahavita an'izany. Fantatrareo ve fa be lavitra ny fandaniana ho an'ireo kojakoja ho an'ny vehivavy, noho izay misy, eto Etazonia, avo roa na telo heny, noho ny laniana amin'ny sakafo mba hahavelona? Voaporofy izany, marina izany, ho an'ireo kojakoja.

118 Mariho, “Ireo zanak'Andriamanitra dia nahita an'ireo zanakavavin'ny olona,” tsy zanakavavin'Andriamanitra, “ireo zanakavavin'ny olona, fa tsara tarehy izy ireo,” ary izany no nahatonga an'ireo zanak'Andriamanitra ho lavo tao amin'io fahadisoan-kevitra io. “Ary naka an'ireo karazam-behivavy ireo ka nanambady azy,” ary izany no nitondra taonan'ny fijangajangana iray, tahaka ny amin'izao andro izao mihitsy; tahaka ny tany Sodoma, tahaka ny nilazana azy mialoha fa ho amin'izao andro izao.

Izany, rehefa mifanakalo vady ireo lehilahy sy vehivavy an'ity andro ity. Raha tsy tian'izy ireo ity vady ity, izy ireo—izy ireo dia mandeha mankany Reno, Nevada, ary manambady; ary, na manao fisaraham-panambadiana, amin'io anankiray io, dia manambady indray afaka dimy ambin'ny folo minitra. Ary tena tsara tarehy ireo vehivavy hany ka saiky tsy azo tohaina izy ireo. Ary inona izany? Ny devoly! Mbola hitanareo ao anatin'ny hatsaran-tarehy foana ve i Satana? Mariho.

119 Mariho, fa tsy navela mihitsy io fahotana io ho azy ireo. Io taona tsara, siantifika io no tena taona ratsy mihitsy izay noravan'Andriamanitra hiala amin'ny tavan'ny tany; io taona tsara, siantifika io. Nilaza Jesosy fa ho toy izany indray izy mialoha indrindra ny fihavian'ny Zanak'olona. Marina ve izany? Mariho, hoy Jesosy hoe, “Tahaka ny tamin'ny andron'i Noa, dia ho toy izany koa amin'ny fihavian'ny Zanak'olona,” rehefa niezaka nanambady izy rehetra...Ankehitriny diniho, “Ireo zanak'Andriamanitra dia nanambady an'ireo zanakavavin'ny olona tsara tarehy,” ary tsy namela azy ireo mihitsy Andriamanitra noho izany.

120 Mitovy mihitsy amin'ny fampianaran'i Balama, izay nanaovany an'ireo vehivavy tsara, mahay, siantifika an'i Moaba ho...miaraka amin'ireo masony mamandrika, ireo lokon-tarehiny sy fanosotra, ireo hanitra tsarany, mba hamitaka an'ireo zanak'Andriamanitra; hanohitra an'ireo vadiny manokana izay niasa ka nisy kitro teo amin'ny tanany, izay tsy nanao lokon-tareny. Namitaka azy ireo, ary, “Ndao isika hifanambady, satria vahoaka iray ihany isika rehetra.” Lainga izany! Izany dia—dia lainga, ary zava-bita iray an'ny devoly, mba hanao an'ireo zanak'Andriamanitra hanambady an'ireo—ireo zanakavavin'ny olona.

Izany ilay laingan'ny devoly, tamin'i Balama, io mpaminany sandoka io, mba hiezaka haminany hanohitra an'i Mosesy izay

niezaka nitahiry an'ilay taranaka; mba hilazana hoe, "Eny, mino an'Andriamanitra iray ihany isika. Manolotra an'ireo fanatitra iray ihany isika. Manana an'ireo fanatitra iray ihany isika. Manao ny zavatra rehetra mitovy mihitsy isika."

"Tena mifanakaiky hany ka hamitaka an'ilay Voafidy izany raha azo atao." Hitanareo? [Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.] Mialà aminy ianareo, ry olona! Tsy misy idiranareo aminy!

¹²¹ Mariho, mety tsy nisy angamba izany hoe Andriamanitra dia nandika Ny Teniny tamin'ny taranaka ratsin'i Kaina izany. Tsia. Tsy nandika Ny Teniny tamin'izy ireo Andriamanitra. Mariho. . . [Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.]

Andriamanitra, ilay fahalalana hanao tontolo iray ho tena tsara sy siantifika ary mpanota, tsy maintsy nandrava an'izany ve Izy? Hanao an'izany ve Andriamanitra, manao tontolo iray tena tsara; jereo eto, Andriamanitra ve nanao an'ireo Zanakavaviny tena tsara, ka hampitafy azy ireo ho tena mampiseho fitanjahana, mba hahatonga an'ireo Zanakalahiny hitsiriritra azy ireo ka hijangajanga? Inona? Manao zavatra tahaka an'izany ve Andriamanitra?

Ity andiana Laodikiana mitanjaka, miala akanjo ity, izay manompo ny andriamanitr'ity izao tontolo izao ity, amin'ny alàlan'ireo etikany, sy fianarany, sy halalin-tsainy, ary hatsarany! "Mivoaha avy ao aminy," hoy ny Baiboly, "aza mety ho mpandray anjara amin'ny otany, ary aza mandray ny lozany." Handraraka havandra avy any an-danitra Andriamanitra indray andro any, goavana be zato livatra ny iray, ary handrava azy amin'ny fitorahana; tahaka ny nolazain'Ny Teniny foana fa Nataony, ireo Lalàny.

Eny, raha nanao zavatra tahaka an'izany Andriamanitra, nanambara Ny Teniny tamin'ny karazan'olona tahaka an'izany, Izy dia ho—ho nanafoana ny Tanjony Manokana. Tsy adala Andriamanitra. Izy no loharanon'ny fahendrena rehetra.

Noho izany dia hitanareo ve hoe avy taiza io karazan-javatra io? Avy tamin'i Satana izany, ary mbola avy amin'i Satana foana. Ary nino an'izany ilay fiangonana.

¹²² Ankehitriny hitanareo, ry vehivavy, miezaka ny tsara indrindra amiko aho mba haneho aminareo ny Tenin'Andriamanitra. Hoy ny Baiboly hoe, "Raha manapaka ny volony ny vehivavy iray, dia mahafa-boninahitra ny lohany izy," izay ny vadiny. Ary ny vadiny no loha, miaraka amin'Andriamanitra, noho izany dia mahafa-boninahitra an'Andriamanitra sy ny vadiny izy.

¹²³ Ankehitriny dia io no maneho hoe iza no lohan'ity rafitry ny fiangonan'izao tontolo izao ity. Izany no maneho hoe iza no lohan'izany. Satana izany, ao amin'ny endrika lehilahy

ambony iray, olon'ny fahalalana, fahalalana ambony iray. Mahafantatra be lavitra noho ny sisa rehetra amin'izy ireo izy. Tsy mampaninona izay lazain'ny Teny, izy—izy dia manana ny fandikany manokana an'Izany, hitanareo, ilay fandikana ho an'izao taona ratsy izao.

¹²⁴ Mariho ireo drafiny hanorina fiangonana ara-anaram-piangonana ambony iray, ilay Fiombonamben'ny Fiangonana Maneran-tany, hitanareo, anarana ambony iray, mba hanompoan'izao tontolo rehetra izao azy, ilay bibidia, eo ambanin'ny anarana hoe Kristianisma miray. Tianareo ve ny hamaky an'izany ao amin'ny Baiboly? Apokalypsy 13:6 sy 8. Tilikambon'i Babela moderina iray izany.

¹²⁵ Tsy tsaroanareo ve hoe ahoana no nanorenan'ilay Nimroda, ilay mpihatsaravelatsihy, an'io tilikambo goavana be io sy nanaovany an'ireo tanàna kely hafa rehetra handoa hetra amin'izany? Babila sy Babela dia zavatra iray ihany. Manova ny anaran'izy ireo fotsiny izany, raha mitohy hatrany ilay izy. Izany dia, Roma no Babylona ankehitriny. Ary izao tontolo rehetra izao dia entina any Babylona, ary entina ao amin'ny alàlan'ny Fiombonamben'ny Fiangonana Maneran-tany izy izay hanao ny tsirairay avy amin'izy ireo hiankohoka aminy. Ary nandray ny mariky ny bibidia ianareo, tsy nahafantatra akory izay nataonareo. Satria . . .

Fa ireo izay voafidy no handre ny Teny ka hivoaka avy ao amin'izany.

¹²⁶ Toy ny ahoana no ifanoheran'ny anaram-piangonana amin'ny Tenin'Andriamanitra! Izy dia tsy nanana anankiray mihitsy, tsy nifampiraharaha tao amin'ny anankiray mihitsy, ary tsy nifampiraharaha tamin'ny anankiray mihitsy. Tiako ny mpahay tantara iray haneho amiko hoe taiza no mba nisy mpaminany iray nivoaka avy tao amin'ny fiangonana. Asehoy ahy hoe taiza no mba nitahian'Andriamanitra fiangonana iray izay. . . rehefa avy nandrafitra izy. Nandeha teo amin'ilay talantalana izy ary maty, niaraka tamin'ny fahaizana ara-tsaina avy tamin'ny devoly, tamin'ny alàlan'ireo mpitarika azy, ary nandà ny Tenin'Andriamanitra raha nitombo ho any amin'ilay tsanganana tanteraka an'i Kristy Izany. Ankehitriny dia ao amin'ilay loha izany. Mifanohitra toy ny ahoana!

Misaraha amin'io Eva tsy mino io, ianareo zanaky ny Hazavan'ny hariva!

¹²⁷ Satana, andriamanitr'izao taona izao, amin'ny alàlan'ny fahalalany, dia mitondra ny olona hihinana ny avy amin'ny hazony ifangaroan'ny tsara sy ny ratsy. Mariho, Satana, amin'ny alàlan'ny fahalalany, no manao ny olon'izao taona ratsy izao hihinana ny avy amin'io hazon'ny tsara sy ny ratsy

io. Milaza izy fa hanorina fandrosoana Kristiana iray lehibe kokoa, amin'ny alàlan'ny fahalalany ny tsara sy ny ratsy, fandrosoana Kristiana iray lehibe kokoa.

¹²⁸ Fa ilay Virijiny kelin'i Kristy kosa, Teny, Ondry vitsy, Ampakarina, dia tsy miraharaha ny fahalalany. Izy dia mitandrana, aminy, ho afaka aminy. Inona no... Ankehitriny ndao isika hiresaka ny Aminy, iray minitra. Miandry Ny Tompony Izy sy ny volan-tantelin'Ny Arivo taonany, marina, miaraka amin'ny Mpampakatra Teny, satria Izy no Ampakarina Teny.

¹²⁹ Ny fahalalana sy fandrosoana, ary ny Kristianisma marina, dia tsy misy na inona na inona ifandraisana. Ny fandrosoana, sy ny Kristianisma marina, dia tsy manana zavatra iray ifandraisana.

Avy amin'ny fahalalana ny fandrosoana. Mahafantatra an'izany isika rehetra. Ary avy tany Edena ny fahalalana, voaporofa izany, tamin'ny alàlan'izay notorianty tao Edena. Ary ny fahalalana no miteraka ny fahafatesana. Marina ve izany? Inona no niteraka ny fahafatesana tao amin'ny sahan'i Edena? Ny fahalalana. Fa tsy mety ho avy amin'Andriamanitra izany, noho izany dia avy amin'ny devoly izany. Fioo, tsy anankiray tsara ve izany! Ny fahalalana, siansa, fianarana, no sakana lehibe indrindra izay hany nananan'Andriamanitra. Avy amin'ny devoly izany.

Ankehitriny dia hahazo taratasy sasantsasany aho eo amin'izany, fantatro. Miandry azy ireo aho.

¹³⁰ Jereo hoe nitondra antsika taiza ny kolontsaina ankehitriny. Hitanareo? Jereo izay nataony. Aiza no misy antsika izao? Niankina tamin'ireo zavatra ireo isika, teo amin'ny fahalalantsika manokana tamin'ny alàlan'ny siansantsika.

Hoy ianareo hoe, “Ahoana ny amin'Andriamanitra, mihevitra ve ianao fa tsy fahaizana Izy?” Oh, tsia.

Andriamanitra dia hametraka ny karazana fandrosoana Azy Manokana eto an-tany, rehefa hifehy azy Izy. Tontolon'i Satana ity; izy ankehitriny no andriamanitry ny fahalalany siantifika araka an'izao tontolo izao. Fa Andriamanitra kosa dia hametraka ny karazana fandrosoana Azy Manokana. Tsy ho fandrosoana tahaka an'ity izany. Tsarovinareo fotsiny izany. Tsy ho tahaka ny karazana fandrosoana izay ananantsika amin'izao andro izao izany. Tsia, tsia. Izany dia ho araka Ny Teniny sy ny Tanjony. Satria, ny andriamanitr'ity taona ratsy ankehitriny ity dia horavana, ary hiaraka aminy ny fanjakany.

¹³¹ Ity taona tia fahalalana moderina ity dia afaka ny hanana mpitarika tsaratsara kokoa noho ilay anankiray efa nananany, Satana, mpanimba ny Tenin'Andriamanitra, tahaka ny nanombohany tao amin'ny sahan'i Edena, saingy olona iray mpivavaka miankina amin'ny fahalalany manokana.

Araka ny nolazaiko tany aloha, Ohabolana 3:5, hoe, “Tsy miankina amin’ny fahalalantsika manokana isika.”

Tsy maintsy manana andriamanitra iray izy ireo, satria olombelona. Kanefa, manao ho azy ireo an’izay tian’izy ireo izy. Amin’ny maha-olombelona, isan’andro, ny olombelona rehetra. . . Rehefa tonga teto isika, dia nahita an’ireo Indiana izay nanompo sampy mihitsy aza, ary ny masoandro, sy ny sisa. Amin’ny maha-olombelona iray, dia tsy maintsy manana andriamanitra iray izy ireo. Noho izany tsy maintsy manana andriamanitra iray ity taona ara-tsaina lehibe ity, noho izany izy dia lasa. . . Ilay andriamanitr’ity izao tontolo izao ity dia lasa fahalalana, anaram-piangonana, siansa, “manana ny endriky ny toe-panahy araka an’Andriamanitra, nefa mandà ny Heriny.”

¹³² Mariho, manao ho azy ireo an’izay tian’izy ireo ny andriamaniny. Mitsiriritra nofo izy ireo, dia izany no nomeny azy. “Mila manao bikinis izy ireo. Avelao izy ireo hanao an’izany. Hitanareo? Raha te-hanao an’ity izy ireo na *itsy*, avelao izy ireo hanao an’izany. Tsy misy ratsy amin’izany; mandeha any am-piangonana izy ireo. Ny renin’izy ireo dia Metodista, Batista, Pentekotista, Presbyterana. Avelao izy ireo hipetraka tsara fotsiny.”

Izany no andriamanitr’izao taona izao; mahay, hendry, siantifika. Tsy mila finoana izany. Tsy mila manaporofa na inona na inona izany. Efa voaporofa izany, amin’ny alàlan’ny fahalalan’izy ireo. “Eny, izahay no fiangonana goavana indrindra izay misy eto an-tanàna,” ny fahalalany. “Ny pasiteranay manana ny D.D., Ph.D.” Hitanareo, tsy mila finoana; miankina amin’ny fahalalana. Avelao izy ireo hiaina amin’ny fomba rehetra, raha mbola tonga manompo azy foana izy ireo amin’ny alàlan’ny anaram-piangonany sy ny fanekem-pinoany. Misy maso mainty goavana iray eo, saingy jereo ilay izy.

Mihomehy ny Tenin’Andriamanitra, milaza zavatra mifanohitra amin’ny Teny; ary miezaka, amin’ny alàlan’ny fahalalany, ny hanaporofa ara-tsiansa hoe tsy marina ny Teny. Oh, taona inona no iainantsika! Hitanareo ve ilay andriamanitr’izao taona izao?

¹³³ Mariho, fa miandry mandra-pahafenon’ny helok’ireo Amorita moderina ireo Andriamanitra. Aza manahy, hanao Ny Mosesiny ho vonona Izy amin’io fotoana io. Hisy fifindrana iray, indray andro any, ho any amin’ilay tany nampanantenaina. Hisy Mosesy iray ho tonga, izay hiantso hivoaka hoe, “hamerina ny Finoan’ireo zanaka ho amin’ireo ray.” Ho avy izany, indray andro any. Efa. . .

Hoy ianareo hoe, “Eny, jereo fa mandroso toy ny ahoana isika.”

Azo antoka, tsy mbola feno ny helok’ireo Amorita. Ho avy izany, indray andro any. Avelao izy ireo handrava ny tenany.

¹³⁴ Ny fandrosoana, ny fahalalana, dia manimba ny Tenin'Andriamanitra mba ho mety amin'ny tsiron'izy ireo. Manao an'ilay zavatra iray ihany ny anaram-pianganana rehetra. Satana amin'izay fotoana izay no mitory ny filazantsaran'ny fahalalany manokana ao amin'ny fianganany manokana.

¹³⁵ Kilasin'olona roa ihany no voalaza ao amin'ny Testamenta Vaovao. "Ireo zanak'Andriamanitra, ary ireo zanaky ny devoly." Efa fantatrarao ve izany? Te-handray naoty ny Soratra mikasika an'izany ve ianareo? Jaona Voalohany 3:10, raha tianareo ny Soratra. Mamaky azy mihitsy aho eto, voasoratro izany. Eny àry. Eny àry.

¹³⁶ Ao amin'ny Efesiana 2:2, izy ireo dia antsoina hoe, "Ireo zanaky ny tsi-fankatoavana." Tahaka an'i Eva, tsy nankatò ny Tenin'Andriamanitra. Ireo zanaky ny fankatoavana, sy ny tsi-fankatoavana, dia tsy manana na inona na inona ifandraisana.

Noho izany dia ahoana no ahafahan'ny Ampakarini Kristy hikambana amin'ny anaram-pianganana iray, nefa ny anankiray tsy mankatò ary ny iray hafa mankatò? Ahoana no ahafahan'ny anankiray, ho ny Teny; ary ilay anankiray hafa, ho teny nosimbaina? Ahoana no ahafahan'ny mpivarotena iray sy ny vehivavy madio iray hiaraka handeha ao amin'ny fifanekena? Tsy afaka manao an'izany izy ireo. Tsy manana fiombonana mihitsy izy ireo. "Mivoaha avy eo anivon'izy ireo!" Avy amin'ny devoly izany. Izany no mariky ny bibidia. Mandroso ao amin'izany mihitsy ankehitriny; ireo anaram-pianganana rehetra. Tsy ahoako na an'iza izy.

Andriamanitra dia maka, tsy anaram-pianganana iray, "vahoaka iray ho an'Ny Anarany." Tsy handray an'ireto Fahamarinana ireto ny anaram-pianganana iray. Hila olona iray isam-batan'olona izany izay afaka mahita an'Andriamanitra, mijery Ny Teniny sy mino an'izany, ary tsy mikambana amin'ny rafi-pandaminana; nefa miaina ho an'Andriamanitra, fa tsy ho an'ny rafi-pandaminany, ilay fahendrena ara-tsain'ny eveka iray na zavatra izay nampianatra azy. Marina izany.

¹³⁷ Ireo zanaky ny tsi-fankatoavana, sy ireo zanaky ny fankatoavana, dia tsy manana na inona na inona ifandraisana. Ny anankiray amin'ny...dia avy amin'ny andron'ny Hazavana; ilay anankiray hafa, avy amin'ny alina sy ny aizina, taona ratsy, izao taona ratsin'ny aizina izao, trano fandihizana amin'ny alina, dihy, kanefa mikambana amin'ny fianganana. Mety amin'ny andriamanitr'izy ireo izany. Tsy manana fanamelohana mikasika an'izany izy ireo; tsy misy na inona na inona manelingelina azy ireo.

“Nahoana, tsy manameloka ahy ny manapaka ny voloko,” hoy ny vehivavy iray. “Tsy mandratra ny fieritreretako izany.” Tsy manana fieritreretana betsaka mihoatra noho ny ananan'ny bibilava iray valahana izy. Marina izany. Tsia tokoa. Tsy fantany hoe inona izany fieritreretana izany. Efa mahamay mafy loatra ilay izy hany ka tsy fantany akory aza hoe inona izany. Marina izany.

¹³⁸ Mandeha manitsaka, eo ambonin'ny Tenin'Andriamanitra, manao hoe, “Nahoana, olona ntaolo iray izany. Aza mandeha any; andiana tabataba sy fahadalana iray fotsiny izy ireo, na ahoana na ahoana.” Hah! Tsy mahafantatra betsaka mikasika an'Andriamanitra noho ny hahafantaran'ny Hottentot iray mikasika ny alina Egyptiana iray. Marina izany. Marina izany.

“Manana ny endriky ny toe-panahy araka an'Andriamanitra, nefa mandà ny Heriny; izany koa dia ialao. Fa isan'izany ilay mandeha mitety trano, ary mitarika an'ireo vehivavy adaladala.”

“Oh, ry malala, ianao dia, tokony hanao an'*ity* ianao. Oh, ry malala, heveriko fa ilay mpitory teninao ntaolo be any io, raha ianao fotsiny no... Oh, ho mahafatifaty ianao ao anatin'ny 'kini iray,” na inona no iantsoanareo an'ilay zavatra. “Ianao, raha ianao no nanao an'*ity* rehetra ity, *itsy*, ary ny *hafa*. Nahoana, tsy handratra na iza na iza ny sigara kely iray. Mikambana amin'ny fiangonana aho, ary fantatrao fa ny anaram-piangonanay dia hajaina tsara tahaka ny an'ny *hafa*.” Aza mino an'izany mpandainga ratsy voaloko izany ianareo. Mandainga aminareo izy. Marina izany. Eny, tompoko.

¹³⁹ Mety amin'ny andriamaniny izany. Oh, mihevitra izy fa mahafinaritra izany, ary tian'izy ireo mihitsy izy amin'izany.

Odray, hiady hevitra aminareo izy ireo. Hitsangana mihitsy izy ireo ary hifamaly aminareo mikasika an'izany. Nahoana, azo antoka, Satana dia nitsangana mihitsy teo anoloan'i Jesosy Kristy, ilay Teny, ary niezaka nanao hoe, “Voasoratra hoe.”

Ary teo Izy, ilay Tenin'Andriamanitra voamarina. Hoy Izy hoe, “Mankanesa any Ivohoko, ry Satana!” Mandehana fotsiny dia manaova an'ilay zavatra iray.

Tahaka ny nolazain'ny olona iray tamiko indray mandeha, hoy izy, “Ankehitriny, raha mino ianao fa marina ny batisan'ny Fanahy Masina, ary mino ianao fa manana Azy,” hoy izy, “dia ataovy lasa jamba aho ankehitriny.” Mpitory teny iray izany. Hoy izy, “Ataovy lasa jamba aho!” Hoy izy hoe, “Paoly dia nanao ny—ny lehilahy iray ho lasa jamba indray andro.”

¹⁴⁰ Hoy aho hoe, “Ramosé, ahoana no ahavitako hanao anao ho lasa jamba nefa ianao efa jamba? Ahoana no ahafahako mamono anao nefa ianao efa maty?” Ah-hah.

Hoy izy hoe, “Izaho, ny masoko dia roapolo-roapolo!”

Hoy aho hoe, “Ny ampahan’ny vatanao; saingy mbola jamba foana ianao.”

“Tsy mety izany! Tsy mandika zavatra ny Baiboly. Izahay dia miteny rehefa miteny ny Baiboly, ary mangina rehefa mangina Izy.”

¹⁴¹ Hoy aho hoe, “Eny àry, rehefa Elia no tany—tany Dotana, hitanao, dia tonga ireo tafiky ny Syriaana manontolo nanodidina. Ary nihazakazaka ilay mpanompo, nanao hoe, ‘Oh, ry ikakiko!’ Hoy izy, ‘Ry ikakiko,’ hoy izy, ‘manodidina antsika ireo Syriaana.’”

“Nikosoka ny masonry i Elia, nifoha ary nanao hoe, ‘Ny momba antsika dia be lavitra noho ny momba azy ireo.’”

“Hoy izy hoe, ‘Tsy mahita na iza na iza aho.’”

“Hoy izy, ‘Andriamanitra, sokafy ny masonry.’ Ankehitriny, jamba izy. Ary nijery nanodidina an’io mpaminany antitra io izy, sy ny teny an-tendrombohitra; feno Anjely izany, sy kalesy Afo, ary soavaly Afo.”

“Ary nandeha teo izy, dia hoy ny Baiboly hoe, ‘Nasiany fahajambana izy ireo.’ Jamba amin’ny inona? Aminy. Nandeha izy, nanao hoe, ‘Mitady an’i Elia ve ianareo?’”

“Eny, mitady azy izahay.”

“Hoy izy, ‘Avia, hasehoko anareo izay misy azy.’ Elia no mitarika azy ireo ho eo amin’i Elia. Jamba!”

Hoy aho hoe, “Fantatrao ve izay ho lazaiko anao? Izay nolazain’ny Tompoko tamin’ny rainao marina tokoa hoe, ‘mankanesa any ivohoko.’” Ah-hah. Ah-hah.

¹⁴² Mariho, ireo zanaky ny fankatoavana, sy ny tsi-fankatoavana, dia tsy manana na inona na inona ifandraisana. Ny tsi-fankatoavana manompo ny andriamaniny. “Oh,” hoy izy ireo, “mino ny Baiboly izahay.” Eny, izany no hazo iray mifangaro. Hitanareo, ampian’izy ireo an’izao tontolo izao sy fahalalana ao amin’Izany. Hazon’i Satana, mifangaro; hitanareo, naka avy tamin’ny hazon’i Satana izy, ny tsara sy ny ratsy. “Oh, mino ny Teny izahay.” Azo antoka, saingy tsy ny rehetra amin’Izany. Eva dia nino ny Teny, ihany koa, saingy namela—namela an’i Satana haka ny hazony ka namadika an’Izany kely fotsiny. Izany ilay izy.

“Na iza na iza hanampy teny anankiray, na hanaisotra Teny anankiray amin’Izany.” Izy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay! Mariho. Eny àry.

¹⁴³ Izao taona ratsy izao dia avy amin’ny aizina, nefa mbola mikambana amin’ny fiangonana ihany. Ny andriamanitr’izy ireo, tian’izy ireo izy amin’izany, ny fomba izay hamelany azy

ireo hanao. Tsy manana fanamelohana izy ireo. Tsy misy na inona na inona manelingelina azy ireo raha mbola mikambana amin'ny fiangonana foana izy ireo.

Nampianatra ny fiangonana an'ilay zavatra iray i Balama. "Ndao isika hiray; iray ihany isika rehetra." Izay ilay hafetsena farany. Tsy namela azy ireo mihitsy Andriamanitra noho ny finoana lainga iray tahaka an'izany.

¹⁴⁴ Tsarovy, fahotana iray tsy azo avela, intelo ao amin'ny Baiboly, ny olona rehetra izay manampy teny iray avy amin'ny fandikan'izy ireo manokana ny Tenin'Andriamanitra rehefa avy nohamarinina ho ny Fahamarinana Izany.

Tao amin'ny sahan'i Edena, marina, tao amin'ny sahan'i Edena, dia teny anankiray nampiana no nahatonga ny fahafatesana.

Rehefa nanampy teny i Balama, hoe, "Iray ihany isika rehetra," izy ireo, tsy namela ny Isiraely tamin'izany mihitsy Andriamanitra. Levona tany an-efitra ny tsirairay avy tamin'izy ireo, afa-tsy ny anankitelo izay navoakan'Andriamanitra.

Hoy Jesosy hoe, "Izy ireo dia, ny tsirairay avy, maty," izany hoe tafasaraka Mandrakizay. Vita ny amin'izy rehetra; tsy navela mihitsy. Fahotana iray tsy azo avela izany; tsy namela azy ireo mihitsy. Oh, oadray!

Andosiro izany, ry zanaky ny Hazavan'ny hariva!

¹⁴⁵ Hitanareo ve ankehitriny hoe iza no mpitarika an'izao taona moderina, mpivavaka, ratsy izao? Ny devoly izany, maka an'ilay hazon'ny tsara sy ny ratsy, ary mametraka azy eo, mariho, mitondra an'ilay fiangonana vadiny tsara tarehy ho amin'ny fiombonambe ekiomenika ho an'ny fampakaram-bady. Anankiray tsara izany. Ny fiangonany siantifika tsara tarehy, miaraka amin'ireo—ireo—ireo diplaoma rehetra izay mety ho azony; ny Ph.D avy ao amin'ny fiangonan'i Kristy, ny Ph.D avy ao amin'ny Batista, Presbyterana, Pentekotista, sy ny rehetra. Mitondra azy rehetra, miaraka amin'ireo fandravahana trano fivoahana sy fiangonana goavana, ho ao amin'ilay fiombonambe ekiomenika, "Iray isika." Tsy ho avela amin'izy ireo mihitsy izany. Ny anaram-piangonana iray, ny mitondra ny marik'anaram-piangonana iray, no mariky ny bibidia. Efa nodinihantsika teto izany; ny manao an'izany. Andosiro izany, rankizy, andosiro izany! Hitanareo? Lehibe, fiangonana tsara tarehy ho an'ilay akanjo ekiomenika, mitondra ny marikany!

Sorta, azo antoka, fitafian'izao tontolo izao, mampiseho fitanjahana, lokon-tarehy, tena mpianatra tsara an'ny devoly mihitsy, mba hahazo an'ireo zanakalahin'Andriamanitra; mampanambady tovolahy iray teraka ara-dalàna amin'ny anankiray lò ratsy tahaka an'izany. Marina izany. Toy ny inona...

146 Hoy ianareo hoe, “Manapaka volo, inona no idiran’izany?”

Rahalahy, ndao isika hijanona eto iray minitra fotsiny. Tsapako fotsiny fa misy olona tezitra amin’izany. Mety ho any ivelany eo amin’ny fifandraisana any ho any izany.

Henoy. Ny volo ho an’ny vehivavy iray dia voady ho Nazirita iray. Ny volo ho an’i Samsona dia voady ho Nazarita iray. Ary rehefa manapaka ny volony ny vehivavy iray, izy—izy dia mandà tanteraka ny voadiny ho Nazirita hoe Ampakarina iray an’i Kristy izy. Satria, eo, amin’io zavatra tokana io, dia manimba an’ilay Sary manontolo izy. Tena marina! Ny *Nazirita* dia “anankiray izay natokana ho an’ny tanjona iray.” Marina ve izany? Natokana ho an’ny taona iray sy tanjona iray i Samsona, noho izany nanana volo lava izy. Ny vehivavy izay zanak’Andriamanitra iray, dia mamela ny volony haniry, mba haneho fa voatokana ho an’ny Tenin’Andriamanitra rehetra izy.

147 Raha tapahany izany, tsy ahoako na impiry izy no mandihy, mihira, ao amin’ny antoko mpihira, miteny amin’ny fiteny tsy fantatra, mihazakazaka mandroso-sy-miverina, na manana ny karazana fikambanam-panampiana rehetra, dia maty izy. Izany no HOY NY TOMPO HOE, ny Tenin’Andriamanitra. Korintiana Voalohany 14. Hia. Nandà ny voadiny ho Nazirita izy ary nanolo—tena ho an’ilay andriamanitr’izao taona moderina izao. Manao an’izany izy. Ankehitriny, mbà menatra ianareo, ry ramatoa, na ry vehivavy!

148 Tena mpaka zanakalahin’Andriamanitra mihitsy, tahaka an’izay efa nisy. Araka ny nolazain’i Jesosy hoe, “Tahaka ny tamin’ny andron’i Noa, ireo vehivavy tsara tarehy, ka nanomboka nanambady teo anivon’izy ireny ireo zanakalahin’Andriamanitra, dia ho toy izany koa rehefa hiverina ny Zanak’olona.” Ary ny andriamanitr’izy ireo dia mihevitra fa izany no lehibe, sy tsara, ary siantifika, fahalalana; lamaodin’ny Hollywood, namboarina tao amin’ny tsenany manokana, azo antoka, io zavatra madity rehetra sy ny karazany eto io, fantatrareo.

149 Ary izy, ny fiangonany, dia tia an’izany fotsiny! Oh, oadray! “Homeko anao mba hahalalanao, Metodista aho. Presbyterana aho. Manan-tsaina bebe kokoa noho ny milaza zavatra tahaka an’izany ny pasiteranay.” Tsy manana saina ampy hilaza an’ireo zavatra izay lazain’Andriamanitra izy raha izany. Hitanareo?

150 Izy, ilay fiangonana, dia manompo an’izany fotsiny. Tiany izany. Izany mihitsy no nilainy! Tsy hikambana amin’inona na inona izy, rahalahy, na hiditra amin’inona na inona izay tsy maintsy hihetsehany amin’ny zavatra hafa ankoatran’ny maha-izy an’ireto Jezebela moderina ireto, satria izany ilay natiora izay ao anatiny.

Ahoana no ahafahan'ny natiora iray . . . “Iza na dia manahy aza no afaka hanampy hakiho iray amin'ny tenany?” Raha teraka ianareo mba ho dimy dian-tongotra ny halavanareo, dia tsy enina dian-tongotra ianareo. Oh, hia, tahaka ny “milina manalava” an'i Booth-Clibborn.

¹⁵¹ Noho izany henoy, ry lehilahy, ianareo andiana Rickys! Raha teraka mba ho lehilahy iray ianareo, amin'izay fotoana izay dia mihetseha tahaka ny lehilahy iray. Ireo sanga mihantona eo amin'ny tarehinareo, sy miolankolana tahaka ny sex appeal, nahoana, ianareo taranaky ny bibilava voavadika! Inona ny olana aminareo, na ahoana na ahoana?

Hitsara an'ity firenena ity amin'ny afo ny Andriamanitro indray andro any. Handentika azy ao ambanin'ny ranomasimbe Izy. Antomotra ny oran'ny Fitsarany. Ho lasa izao tontolo rehetra izao.

¹⁵² Fanimbana ara-pivavahana! Fanimban'olombelona; ireo lehilahy dia tsy mahafantatra akory aza hoe inona ny fananahana misy azy, na ireo vehivavy ihany koa aza. Mitsangana miaraka amin'ny akanjo fitondran'ny lehilahy miasa, na sorta ratsy kely, ireo akanjo izay . . . ny fihetsiny rehetra sy ny endriky ny vatany, nefa miantso ny tenany ho Kristiana iray. Tsy ramatoa iray akory aza izy, avelao hipetraka tsara ny Kristiana. Mpivarotena an-dàlambe iray izy izay ampiasain'i Satana, voatsindrimandrin'i Satana, mba handefa an'ireo zanakalahin'Andriamanitra any amin'ny helo, hanatanteraka ny Teny izay nolazain'i Jesosy Kristy fa hiseho. Tsy izaho no te-hiteny an'izany, fa Izy no niteny an'izany, na ahoana na ahoana. Hitanareo ve hoe avy aiza io fanahy mpivavaka io? Ilay hazo mifangaro.

¹⁵³ Hoy ianareo hoe, “Inona no maharatsy an'ireny pataloha ireny,” na inona no iantsoanareo azy, “pataloha corsaire?” na izay maha-izy azy.

Ny Baiboly no nilaza, fa, “Ny vehivavy rehetra izay manao fitafian-dehilahy, dia fahavetavetana eo imason'Andriamanitra.” Izany no HOY NY BAIBOLY HOE.

Ary ny vehivavy izay hanapaka ny volony, dia mahafa-boninahitra ny lohany. Ary izany akory aza tsy . . . Fahotana iray ho an'ny vehivavy ny manolotra vavaka miaraka amin'ny volo fohy, ny Baiboly no niteny an'izany, mivavaka ampahibemaso miaraka amin'ny lohany tsy misarona. Ary ny . . .

Oh, hoy ianareo hoe, “Manao satroka aho.”

¹⁵⁴ Ianareo mpihatsaravelatsihy, mampianatra an'ireo karazan-javatra tahaka an'izany amin'ireo vehivavy ireo! Nefa, hoy ny Baiboly hoe, “Ny volony no nomena azy ho fisaronana,” fa tsy satroka iray nataon'olona. Izany no nolazain'ny Baiboly.

Tsy tompon'andraikitra aho; tompon'andraikitra amin'ny filazana ny Fahamarinana fotsiny ihany aho. Aza tsi-mahatoky, araka ny nolazain'ny Baiboly, “Manao ny Tenin'Andriamanitra ho famitahana,” mba—mba hanamboatra na—na hanatanteraka ny fangatahan'ny andiana rickettas iray.

¹⁵⁵ Manana ny teny hoe *evil* aho eto. Manana ny “Elvis” voasoratra aho raha tokony ho *evil*. Saiky mitovy daholo izany. Ny teny hoe *Elvis* dia midika hoe “saka,” ary ny teny hoe *Ricky* dia midika hoe “voalavo.” Rehefa miteny ianareo hoe “Ricky kely,” ny tianareo ho lazaina dia hoe, “voalavo kely.” Izay iantsoanareo azy, dia izay no maha-izy azy. Raha izany no anaran'ny zanakareo, dia ovay haingana izany, noho ny amin'ny Filazantsara. Aza manome anarana zanaka iray. . .

Tsy nandre anarana tahaka an'izany mihitsy ianareo ao amin'ny Baiboly, na tao amin'ny taona hafa iray. Izany dia ilay taona, anarana an'izao taona izao. Raha mba nisy voalavo sy saka simba, dia eo no misy an'izany.

¹⁵⁶ Ireo rehetra...?...disc-jockeys amina an-tapitrisany dolara, sy ireo ankizy mandeha eto, dia tsy afaka mandeha any—any am-pianarana akory aza raha tsy misy zavatra iray mipetaka eo amin'ny sofina, sy radio transistor ratsy kely iray ao anatin'ny paosiny, izao fotsiny, “boom-de-boom.”

Oh, tonga ao an-trano ao izy ireo, ary isika dia nanao... Ireo zalahy ireo dia niezaka nandoko ny tranoko tany. Hoy izahay hoe, “Avoahay miala eto io zavatra io. Raha tsy afaka miasa tsy misy an'iny ianareo, dia ajanòny ilay asa raha izany. Manao ahy hikorontan-tsaina ilay izy hany ka tsy afaka mitsangana eto akory aza aho. Efa natokanay ho an'Andriamanitra ity toerana ity. Tsy mila an'io karazana fahadalan'ny boogie-woogie an'izao andro izao io izahay eto.” Hoy aho hoe, “Vonoy io raha tsy izany dia ajanòny ilay asa!”

¹⁵⁷ Mariho, mpivavaka, na izany aza, oh, azo antoka, mandeha any am-piangonana mihitsy ary mitsangana ao amin'ilay efitranobe, miaraka amin'ny fihainoana boogie-woogie.

¹⁵⁸ Iza koa, mariho, ny Ampakarina Teny an'i Kristy dia hiafara amin'izany, ihany koa. Tahaka ny ahitantsika hoe aza no iafaran'ilay antikristy, tany no nanombohany ary ankehitriny tonga eo amin'ny loha iray; fiombonambe ekiomenika iray no hametraka azy ao amin'ny loha ara-pivavahana iray. Ary ilay Fiangonana kely izay tonga, ihany koa, ny Ampakarina Teny an'i Kristy nandritr'ilay taona, dia ho tonga eo amin'ny Loha iray, satria hiray indray amin'Ny Sakaizany Izy. Isan'andro, tahaka an'ilay fiangonana sy ny zavatra hafa rehetra fotsiny, dia handeha hiray Izany. Ilay Vary, ny zavatra hafa rehetra, dia hiverina amin'ny lohany izay niandohany; tahaka an'i Kaina sy Abela. Hiafara

ao amin'ny Olon'ny Tenin'Andriamanitra tonga voaseho ao amin'izao taona ratsy izay iainantsika izao ny Ampakarina Teny. Hitanareo ve hoe aiza no hiafaran'izany?

¹⁵⁹ Ary Satana dia haka ny ampakariny ara-tsaina tsy ho ela ka hanandratra an'io anankiray lehibe io, izay ny antikristy, ilay ambaratongam-pahefany, ary hametraka azy eo amin'ny seza fiandrianana iray, “ary ho gaga aminy izao tontolo rehetra izao.”

Ary amin'izay fotoana izay dia ho tonga Kristy. Ary tsy afaka misy amin'ny fotoana iray ihany ny anankiroa. Ka ho esorina ny fanjakany; ho ravàna izy.

Ary Kristy, ilay Tenin'Andriamanitra... Fa, ny vehivavy dia ampahan'ny vatan'ny lehilahy. Tsy anankiroa izy ireo; iray izy ireo. Ary ny Ampakarina, ny Fiangonana, ny Teny, “vahoaka iray nantsoina nivoaka avy *eto sy etsy*, noho Ny Anarany,” dia hiray ao amin'ny Vatan'i Jesosy Kristy.

Ary ho esorina sy ho ravàna ny fanjakan'ilay antikristy. Ary haka ny seza fiandrianana i Kristy, ka hipetraka eo amin'ny seza fiandrianan'i Davida Rainy, ary hanjaka eto an-tany mandritry ny arivo taona; avy eo dia hanolotra an'ilay Fiangonana amin'Andriamanitra, “tsy misy pentina na kilema.” Eny!

¹⁶⁰ Ankehitriny mariho ilay volony lava, voady ho Nazirita amin'ny Teny. Hanao sary an'ilay Ampakariny Kristy aho ankehitriny. Nataontsika sary ilay antikristy, aiza no misy azy, mpivavaka sy ny sisa, siansa. Ankehitriny ilay Ampakariny Kristy manetry tena kely dia mino fotsiny ny Teny, na iza Izy na iza. Isam-batan'olona Izany. Manantena sy matoky aho fa maro amin'izany no mipetraka manatrika, maro no mihaino. Ary manantena aho fa ny tenako, sy ny tsirairay avy aminareo rehetra, dia ampahan'io Ampakarina io. Manantena aho fa maro. Ary, ho izany, ny rehetra izay voatendry ho amin'izany no ho izany, satria izany dia ny natioran'izy ireo. Mahita izy ireo. Ny Teny irery ihany no afaka manaiky ny Teny. Tsy afaka manaiky anaram-piangonana iray na fanimbana iray Izy. Mahafantatra tsaratsara kokoa Izy; Izany dia ny Teny. Hitanareo? Izany dia tsy afaka manaiky na inona na inona...

Ny vary iray dia tsy afaka ho lasa afa-tsy vary iray. Nanomboka izy, vary iray; hifarana izy, ho vary iray. Ary ny ahi-dratsy dia tsy mety ho lasa vary iray mihitsy, na dia notondrahan'ilay hosotra iray ihany aza izy. Hitanareo? Fa tsy vary iray izy. Araka ny nolazaiko indray andro, mikasika an'ilay hazo niaraka tamin'ny sampana samihafa teo aminy.

¹⁶¹ Ny volony lava, voady ho Nazirita, no maneho fa Izy dia efa nivoady tamin'Andriamanitra. Ny akanjony mirebareba an'Ny Teniny nampanantenaina ho an'ilay taona izay Iainany, voatafy manodidina Azy, no manamarina Azy amin'ny Tenany,

amin'ny alàlan'ny Hebreo 13:8 hoe, “Jesosy Kristy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay.” Satria, Izy dia ampahan'ny Mpampakatra Teny, marina Aminy amin'ny lafiny rehetra.

¹⁶² Ankehitriny jereo. Raha mivoaka eto ny vehivavy iray ka manambady lehilahy iray, ary mivoaka izy ka manao firaisana amin'ny lehilahy hafa iray ary manana fifandraisana aminy, ka miverina indray amin'ny vadiny, dia tokony horoahiny izy. Marina ve izany? Tsy maintsy ho marina aminy izy, satria efa nivoady taminy.

Ary ny Ampakariny Kristy dia efa nivoady tamin'i Kristy; ary Izy no Teny.

Tsy misy pi-maso amin'ilay ilany hafa akory aza, ny vehivavy iray dia tsy tokony hipi-maso amin'ny lehilahy hafa iray. Tsy tokony hanao marika izy, tsy manao fihetseham-po mihitsy aminy, satria ampakarina iray tanteraka ho an'ny mpampakatra anankiray izy.

¹⁶³ Tsy mila ny anankiray amin'ireo hazonareo mifangaro izahay, ireo anaram-piangonanareo. Aoka ho marina amin'i Kristy, ilay Teny. Izy no hanamarina an'izany ho marina. Tsia, tompoko, tsy misy fihetseham-po iray akory aza avy amin'ny zavatra rehetra izay mitarika amin'ny fanaovana firaisana aminy, tsy mikambana amin'ireo laharany, na zavatra hafa, na hamela azy hihazona anareo amin'ny sandriny na amin'ny fiahiany, na—na hiresaka aminareo handeha amin'ity lâlana ity, *itsy lâlana ity*.

Feo anankiray ihany no henoinareo. “Ny Ondriko mahalala Ny Feoko. Ny vahiny iray tsy henoin'izy ireo...” Inona Ny Feony? Ny feon'ny olona rehetra dia ny teniny. Ary izany dia Ity, ny Baiboly, fa tsy teny anankiray izay nampiana tamin'izany na nesorina avy tao amin'izany. Mipetraha tsara fotsiny amin'io Feo io. “Tsy hanaraka vahiny iray izy ireo,” anaram-piangonana iray.

¹⁶⁴ Satria, ampahan'ilay Mpampakatra Izy, marina Aminy amin'ny lafiny rehetra, miandry ny Fampakaram-bady. Firaisana, tsy ao amin'ny fiombonambe ekiomenika iray; fa eny amin'ny habakabaka, ao amin'ilay Sakafon'ny Fampakaram-bady. Izy dia efa nomena... Ity dia ho an'ny fiangonanay manokana. Ny... Izy dia efa nomena, ary voambara Taminy, an'ireo zava-miafin'ny Tombokase Fiton'ny Baiboly. Hitanareo? Hitany ny hadalan'ilay mpamitaka, tena mifanakaiky amin'ny Fahamarinana mihitsy, ka saiky hamitaka an'ilay Voafidy. Hitany izany. Izy...

¹⁶⁵ Hitanareo ve ireo fanahy roa mifanohitra izay miasa ao amin'izao taona ratsy izao? Afaka mahita an'izany ve ianareo? Ny tsirairay dia tena mpivavaka mihitsy, Kaina sy Abela, ireo fanahy tonga eo amin'ny lohany indray, mbola mitovy foana amin'izay nanombohany. Ny anankiray, manompo amin'ny alàlan'ny hatsaran-tarehy, sy amin'ny

alàlan'ny fahalalana, sy amin'ny alàlan'ny fianarana, sy amin'ny alàlan'ny siansa, ary amin'ny alàlan'ny etika. Ary ilay Anankiray hafa, amin'ny alàlan'ny finoana avy amin'ny fanambaran'ny Tenin'Andriamanitra. Samy mitsangana ao amin'ity tranobe ity izao maraina izao mihitsy izy roa ireo. Marina izany.

¹⁶⁶ Fanambarana, na ny finoana, ao amin'Ny Teniny, dia tsy manao fihamboana amin'ny fahalalana; ilay tena Kristiana, marina.

Hoy izy ireo hoe, “Ianao ve manana ny—manana ny diplaoman'ny dokotera?”

Tsy mihambo. “Izaho—izaho dia mino Ny Teniny.” Hitanareo? Tsy manao fihamboana. Tsy mihambo ho nianatra. Tsy mikambana amin'ny anaram-piangonana iray, fikambanana iray, sekta iray. Izany dia mikambana amin'i Kristy. Izany No Vadiny; fa tsy vadin'ny fiangonana.

Mpivarotena iray izy. Ny Baiboly no nilaza fa izy dia “mpijangajanga,” ary, “NY RENIN'NY MPIJANGAJANGA,” ary mikambana izy rehetra ka manao mpijangajanga iray ihany. Ary io karazam-behivavy io dia vehivavy iray izay tsy marina amin'ny Vadiny; nefa mihambo fa Kristy no vadiny, nefa mikambana amin'ny anaram-piangonana iray. Hadalana toy ny inona! Mikambana amin'i Kristy isika.

¹⁶⁷ Fa, amin'ny fankatoavana, io Vehivavy kelin'ny finoana io, izay mivelona amin'ny finoana, ilay Ampakarina; ilay olona *eto, etsy*; eto, any an-kafa any ho any, ao amin'ny fiangonana hafa iray, ao amin'ny anaram-piangonana hafa iray, na inona izy na inona, ao amin'ny tsy... Dia mino ny Tenin'Andriamanitra, mankatò, miandry am-pitiavana, ny teny fikasan'ilay taona ho voamarina. Miandry an'izany Izy. Ampahan'io Teny io Izy, ary miandry ny Fiainany haneho an'io Teny io Izy.

Rahalahy, tsy afaka mahita an'izany ve ianareo? Manantena aho fa tsy nandalo eo amboninareo fotsiny izany.

Ilay Vatana dia miandry (izany hoe ilay Teny), dia miandry an'ilay Aina (izany hoe ilay Fanahy) hanamarina na hanao Azy ho velona. Izany no Andrasany. Tsy hisy aina hafa hiasa ao Aminy. Tsy afaka ho tonga eo amin'ny fiainana amin'ny fomba hafa iray Izy. Kanefa, Tsapany fa eo izany, ary Fantany fa hitranga ilay izy; avy eo dia mitranga izany, amin'izay fotoana izay no mifoha Izy. Hoy Andriamanitra hoe, “Aoka hisy,” dia niseho Izy tahaka ny nisehoan'ilay anankiray voalohany.

¹⁶⁸ “Ireo zanaky ny tsi-fankatoavana” dia midika fankatoavana... *Tsi-fankatoavana* dia midika hoe “fikomiana.” Notadiaviko tao amin'ny diksionera izany, mba hahazoana antoka. Fikomiana, mikomy manohitra (inona?) ny Tenin'Andriamanitra voambara. Tahaka an'i Kaina

nanambara...nikomy nanohitra ny fanambaran'i Abela voambara, voamarin'Andriamanitra fa izany no marina. Ary nikomy nanohitra an'izany i Kaina, ka namono ny rahalahiny.

Ireo Fariseo, niaraka tamin'ireo fahalalany manokana ara-anaram-piangonana ny amin'ny Tenin'Andriamanitra, olona voafantina notsongaina, nikomy nanohitra ny Tenin'Andriamanitra voamarina tonga voaseho ho an'ilay andro, Jesosy Kristy, ka namono Azy. Marina ve izany?

Izany ireo “zanaky ny tsi-fankatoavana”, fikomiana iray manohitra ny Tenin'Andriamanitra.

Ankehitriny hitanareo ve hoe aiza izy ireo? “Oh, efa lasa ny andron'ny fahagagana. Tsy ilay tsy miova intsony Jesosy Kristy. Tsy misy izany karazana batisan'ny Fanahy Masina izany. Fahadalana izany karazan-javatra rehetra izany!” Hitanareo, fikomiana! Tsy mila miteny zavatra anankiroa izy ireo; mila milaza zavatra anankiray fotsiny, dia izay ihany. Izany no fikomiana, eo mihitsy. Tsy afaka milaza izy ireo hoe tsy manana maso ianareo, tsy manana sofina ianareo; tsy maintsy raisinareo ilay vatana manontolo, ilay Teny manontolo. Hitanareo?

Ilay antson'ny Fanahy Masina dia hoe, “Mivoaha avy ao aminy, aza mety ho mpandray anjara amin'ny dogmany ara-anaram-piangonana,” satria mihomehy sy mamingavinga ny Tenin'Andriamanitra ho an'izao andro izao izy.

“Satria tsy azo vazivaziana Andriamanitra,” tsarovy fotsiny. Ho azony izany. Aza manahy. Ho azony izany. Ny Baiboly, ao amin'ny Efesiana 4:30, raha tianareo ny handray naoty an'izany, Efesiana 4:30, no nilaza. “Tsy azo vazivaziana Andriamanitra. Izay afafin'ny olona, dia izany koa no hojinjainy.” Tsy afaka mamazivazy sy maneso izy ireo, ary milaza an'ireo zavatra ireo, ka hilamindamina amin'izany. “Tahaka ny mofy eny ambonin'ny rano, hiverina izany.”

¹⁶⁹ Ampakariny devoly izy, voatafy ao anatin'ny fahalalana ara-pivavahana, tia fahotana ho an'izao taona ratsy ankehitriny izao, mba hamitaka anareo. Oh, oadray! Hafetsena iray manontolo na anaram-piangonan'ireo fanahy mamitaka, amin'ny alàlan'ny fahalalana siantifika sy fandrosoana moderina! Mihambo...

Hamarana isika ao anatin'ny minitra vitsy fotsiny. Tsy maintsy hijanona aho, satria tsy afaka hahavita azy rehetra aho, hitanareo.

Mihambo fa hanorina tontolo lehibe iray ho anareo mba hiainana izy. Mihambo izy, fa, ao amin'ny fandrosoany, dia hanorina fiangonana tsara izy, kolejy, fianarana, hopitaly, tranomboky, ary fanampiana vonjimaika ho an'ny olona, tsy misy Tenin'Andriamanitra. Efa nataony izany. Efa

noporofoiny fa afaka nanao an'izany izy. Ary lavo tamin'izany ny olona; eny, tompoko; fianarana, anaram-piangonana, kolontsaina, olona mitafy tsaratsara kokoa, olona misakafa tsaratsara kokoa.

Aleoko ao amin'ny filaharana mofo iray, nefa mahitsy amin'Andriamanitra; toy izay hanana akoho voaendy intelo isan'andro, nefa tsy maintsy hikambana amin'ny mpivarotena iray tahaka an'izany.

¹⁷⁰ Tsarovy, efa tena antomotra ny ora izay hahatongavan'ilay marika. Na ianareo ho ao anatin'izany na any ivelany. Ho avy toy ny mpangalatra iray amin'ny alina izany. Hahatratra anareo ao anatin'ny ao mihitsy izany, ary ao ianareo. Tsy hisy fivoahana avy ao amin'izany amin'izay fotoana izay; efa nandray azy ianareo. Mivoaha!

Anjely iray no nidina avy tany An-danitra, niaraka tamin'ny tava lehibe namirapiratra, ary niantsoantso ny olona. Izany dia nanozongozona ny tany. "Mivoaha avy ao Babylona, satria lavo izy. Aza mety ho mpandray anjara amin'ny lozany, ry Oloko!" Mivoaha avy ao aminy. Mivoaha! Tsy vao avy namaky an'izany tao amin'ny Teny ve isika, vao teo? Ny *anjely* dia "iraka," hitanareo, izay midina. Mariho ilay Fanahy Masina, "Mivoaha avy ao aminy, mba tsy haha-mpandray anjara anareo."

¹⁷¹ Ankehitriny dia nanorina an'ireo zavatra rehetra ireo izy. Nanorina fiangonana lehibe izy. Nanorina kolejy izy, sekoly, naka ny olona ary nampianatra azy ireny tao amin'ny—ny tsaratsara kokoa, mody antsoina hoe, fandrosoana. Ary nampianariny tamin'ny alàlan'ny fandrosoana moderina iray izy ireo izay nitondra azy tao anatin'ny hantsan'ny fahafatesana, tamin'ny alàlan'ny fahalalana, lavitra an'Andriamanitra sy Ny Teniny.

Tsy hitanareo ve ilay tetika manontolo? Hitanareo ve izany, ry fiangonana? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Ny any ivelany ao amin'ny fihainoana, raha mahita an'izany ao amin'ny fiangonanareo manokana any ianareo, dia manaova hoe "amena," dia ho fantatry ny sisa amin'izy ireo hoe aiza ianareo no mitsangana. Hitanareo?

Nataony izany. Izy dia...Izany no andriamanitr'ity tany ity, ary nanorina kolejy izy. Nanorina oniversite izy. Nanorina hopitaly izy. Nanorina tranomboky izy. Nanorina an'ireo zavatra rehetra ireo izy ho fanampiana vonjimaika ny olona, ampy mihitsy mba hamitahana azy ireo, mba hialana amin'ilay Teny. Ary aiza no hitondrany azy ireo? Ilay fiangonana manontolo dia mitsoraka ao anatin'ny fahafatesana, satria Andriamanitra no nilaza fa Hodorany ilay mpijangajanga, sy ireo zanany, amin'ny afo mandrakizay.

Mivoaha avy ao amin'izany, ry olona! Aza mety ho tratra ao anatin'ny ao. Manalavira an'io zavatra io haingana arak'izay vitanareo!

Tamin'ny alàlan'ny fahalalany siantifika, no nahafahany nahavita an'io, ankehitriny mariho, tsy nisy Tenin'Andriamanitra.

¹⁷² Tsy nanendry antsika handeha sy hanao sekoly mihitsy Andriamanitra. Tsy nanendry mihitsy Izy. Tsy niteny tamintsika hanorina hopitaly mihitsy Izy. Tsara izy ireo. Tsy niteny tamintsika hanorina tranomboky mihitsy Izy. Tsia, tompoko. Tsy niteny mihitsy Izy.

Hoy Izy hoe, “Torio ny Filazantsara.” Ary, ny Filazantsara, dia maneho, mampiseho ny herin'ny Fanahy Masina.

Hoy i Paoly hoe, “Ny Filazantsara dia tonga tamintsika, tsy tamin'ny alàlan'ny teny fotsiny ihany, fa tamin'ny alàlan'ny fanehoana sy fampisehoan'ny Fanahy Masina.” Hoy i Paoly hoe, “Tsy tonga teo aminareo mihitsy aho niaraka tamin'ny teny malaza avy tamin'ny fahendren'ny dokotera isan-karazany, fa tonga teo aminareo aho tamin'ny hery sy fampisehoan'ny Fanahy Masina; mba tsy hahatonga ny finoanareo ho ao amin'ny fahendrena na fahalalan'ny olon'ity izao tontolo izao ity, fa ao amin'ny herin'ny fitsanganan'i Jesosy Kristy; satria velona Izy, ilay tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay.” Hanampy antsika anie Andriamanitra mba hino an'ilay zavatra iray ihany, ary Andriamanitra anie hanamarina an'ilay zavatra iray ihany tahaka ny efa Nataony.

¹⁷³ Sakanany ianareo tsy hahita an'ilay fanambarana marina sy ny finoana ny Tenin'Andriamanitra voambara sy voamarina amin'izao andro izao, amin'ny alàlan'ireo sekoliny, tranombokiny, literatiorany, hopitaliny, sy ny sisa. Hitanareo? Sakanany amin'izany ianareo. Izy ankehitriny no mandika, tahaka ny nataony tamin'i Faraon, miezaka misakana anareo tsy hahita ny dikan'ny Teny voamarina an'ny taona Nampanantenainy amin'ny Hazavan'ny hariva, voamarina sy voaporofon'ny. Niezaka izy, tamin'ny alàlan'ny fahalalany, sy ireo sekoliny, sy ireo olona nianatra tsaratsara kokoa, ary ireo etika, sy ny sisa, mba hisakana anareo tsy hahita an'izany.

Ny zavatra rehetra, mba tsy hijerenareo an'izany ka hahita fa Jesosy Kristy izany! Ahoana no ahafantaranareo fa Jesosy Kristy izany? Izy no Teny, ary Izy no Teny ho an'izao taona izao. Ary izao taona izao, no nilaza fa izany no hiseho ao amin'izao taona izao, ary indro fa mitranga izany. Hitanareo? Hitanareo? Miezaka ny tsarany indrindra izy hisakana anareo tsy hahita an'izany.

Hametaka ny anarana ratsy eo amin'izany arak'izay vitany izy. Hitanareo? Izy dia hiantso an'izany hoe “holy-rollers” sy ny zavatra hafa rehetra. Izy dia niantso an'i Jesosy hoe

“Belzeboba.” “Ary raha ny Tompon'ny trano no antsoin'izy ireo hoe Belzeboba, tsy mihoatra noho izany ve no hiantsoany an'ireo mpianatra?” Hitanareo?

¹⁷⁴ Hitanareo, miezaka misakana anareo tsy hahita ny tena dikan'ny Teny. Tsy izay...Hitanareo, izy no mandika an'Izany, milaza fa Izany dia midika an'*ity*.

Hoy Andriamanitra hoe, “Efa nampanantena anareo Aho fa amin'ny andro farany dia haniraka an'i Malakia 4 ho aminareo Aho.” Izany dia tsy mila adika; Izy no nanao an'izany. Hoy Izy hoe, “Ary tahaka ny tamin'ny andron'i Lota, dia ho ao amin'ny toeran'i Sodoma izao tontolo izao; ary amin'izany fotoana izany, no Hanambarako ny Zanak'olona amin'ny alàlan'izany, marina tokoa.” Manana ny karazany fakan-tahaka rehetra sy ny zavatra hafa isika, an'izany, saingy isika dia manana an'ilay Anankiray tena izy, ihany koa. Hitanareo? Izy no nilaza fa Hataony izany.

Izy no nilaza fa hitsangana ilay antikristy ka saiky hamitaka an'ilay Voafidy raha azo atao izany. Saingy hoy Izy, “Avelao izy ireo hipetraka tsara. Avelao izy ireo handroso. Ho hita ny hadalan'izy ireo.” Nahoana? Ny fitsapan'ny Teny no manaporofa an'izany. Hitanareo?

Rehefa tonga eto amin'izao Teny izao izany hoe, “Izany ve tsy efa *ity, itsy*? Oh, tsy mino ny taranaky ny menarana aho. Izaho tsy mino an'*ity, itsy*, sy ny *hafa*.” Tsy voambara mihitsy izany, hitanareo, tsia, tsy mbola mihitsy. Oh, rahalahy, jereo fotsiny hoe aiza. . .

Tsy maintsy hamarana isika, satria amin'ny roa ambin'ny folo izao.

¹⁷⁵ Mariho, miezaka ny hisakana anareo tsy hahita ny dikan'ny Teny an'izao andro izao, an'ny Hazavan'ny hariva izay voadika. Izany dia . . . Inona no dikan'izany? Izany dia hoe antomotra ilay fotoan'ny fifindrana, ho tonga ho an'ny Azy Andriamanitra, azo antoka tahaka an'izao tontolo izao. Hitanareo?

¹⁷⁶ Ankehitriny te-hametraka fanontaniana iray aminareo aho. Raha mbola, amin'ny roa ambin'ny folo izao ankehitriny, mahery dimy minitra; ary hanohy isika, rahariva. Hitanareo ve ilay andriamanitr'izao taona izao? [Hoy ny fiangonana hoe, “Amena.”—Mpand.] Mino an'izany ve ianareo? [“Amena.”] Hitanareo ve hoe ahoana ilay izy, fiangonana iray, ara-tsaina, siansa?

Izao tontolo rehetra izao dia mikambana amin'izany, hitanareo, ireo anaram-piangonana. Ary, raha hoy ianareo hoe, “Kristiana aho.” “Anaram-piangonana inona no ikambananao?” Eny, raha nikambana tamin'ny anaram-piangonana iray aho, dia tsy mino fa ho Kristiana iray aho. Ankehitriny, teny goavana iray izany, saingy marina izany.

Vao avy nolazaiko fa ny fahalalana sy ny siansa, sy ny Kristianisma, dia tsy manana fiombonana mihitsy. Ny anankiray avy amin'ny devoly, ary ny anankiray hafa dia avy amin'Andriamanitra. Ny zavatra rehetra izay mandà ny Tenin'Andriamanitra, dia alaviro izany. Hitanareo? Tsia, tompoko. Ny Baiboly dia miantso, amin'izao andro farany izao, an'ireo Kristiana mba hivoaka avy ao amin'io mpijanganjanga io, izany hoe ny hazon'ny tsara sy ny ratsy.

¹⁷⁷ Azo antoka, fa manana ny tsara izy. Misy olona iray afaka hiteny ve fa ratsy ny hopitaly? Tsia, tompoko. Ny tranomboky? Tsia, tompoko. Ny fianarana? Tsia, tompoko. Fa, jereo, omeny azy ireo izany fa tsy misy ny Teny. Jereo hoe mamitaka toy ny ahoana ilay izy? Manome azy ireo fiangonana iray handehanana, fanompoana iray ho tompoina, “andriamanitra iray mipetraka eo amin'ny seza fiandrianana.” Efa nilaza mialoha an'izany ny Baiboly.

¹⁷⁸ Ankehitriny ianareo dia mikambana amin'ny anankiray amin'ireo vatana ireo. Anankiroa amin'izy ireo ihany no misy eto an-tany ankehitriny, efa nisy foana, ary hisy mandra-pihavin'i Jesosy, ary ny anankiray amin'izy ireo dia ho rava. Ankehitriny ianareo dia mikambana amin'ny anankiray amin'ireo vatana. Ny anankiray amin'izy ireo, dia nikambananareo; ilay anankiray hafa, teraka tao Aminy ianareo. Hitanareo?

Ny anankiray amin'izy ireo, dia ampahany iray ianareo satria teraka tao Aminy. Tsy maintsy ampahan'Izany ianareo. Afaka mandà ve aho fa manana sandry iray? Mihoatra noho izany koa no tsy ahafahako mandà ny Tenin'Andriamanitra iray, raha ampahan'Andriamanitra aho. Ampahan'i William Branham aho; ao amin'ireo ampahany aho, ary ny ampahany rehetra dia ampahany iray amiko. Ary ny Tenin'Andriamanitra rehetra dia tsy maintsy antonona ny fanahiko, tsy maintsy antonona ny aiko, tsy maintsy antonona ny fomba fiainako, tsy maintsy antonona ny hevitra Izany. Raha mifanohitra amin'Izany ny hevitra, amin'izay fotoana izay dia tsy mitoetra ato amiko ny Fanahin'Andriamanitra. Marina izany. Tsy afaka mandà Teny anankiray amin'Izany.

¹⁷⁹ Mikambana amin'ny anankiray amin'ireo vatana ianareo. Tsy maintsy, tsy maintsy ho izany fotsiny. Na izany ny Vatan'Andriamanitra, izay amin'ny alàlan'ny Teny; na ny vatan'i Satana, amin'ny alàlan'ny fiangonana. Ary tsy maintsy mikambana amin'ny fiangonana iray izao tontolo rehetra izao; manompo andriamanitra iray izy. Ianareo dia tsy maintsy manompo na ilay andriamanitry ny fahalalana, miankina amin'izay renareo avy amin'ny fahalalana ianareo, ianareo dia miankina amin'*ity*, na *itsy*, na ny *hafa*; na ianareo miankina amin'ny Tenin'Andriamanitra, amin'ny alàlan'ny finoana, miandry Azy hanamarina an'Izany sy hanao an'Izany ho marina.

Ny tena Fiangonan'Andriamanitra dia
 miandry ny fihavian'ilay andro Arivo taona
 mahafaly,
 Rehefa ho avy ny Tompontsika finaritra ka
 haka Ny Ampakariny izay miandry;
 Oh, feno fahasambarana ny foko rehefa miasa
 mafy aho, miambina sy mivavaka,
 Satria hiverina eto an-tany indray ny
 Tompontsika.
 Oh, hiverina eto an-tany indray ny
 Tompontsika,
 Hofatorana mandritry ny arivo taona i
 Satana, tsy hanana mpaka fanahy isika
 amin'izay fotoana izay,
 Rehefa hiverina eto an-tany indray Jesosy.

¹⁸⁰ Oh, ry vahoakan'ity Etazonia ity, izay andehanan'ity
 Hafatra ity ankehitriny, mandosira mafy arak'izay
 vitanareo hiala amin'izao taonan'ny fahalalana, siantifika
 izay iainantsika izao. Mandosira mankany amin'ny
 Tenin'Andriamanitra!

Ianareo, izaho, tsy misy olona afaka—afaka, hahafantatra
 an'Izany. Tsy misy olona afaka manaporofy an'Izany.
 Andriamanitra no manao ny Fanaporofiny Manokana.
 Tsy misy olona manana zò handika an'Izany; izaho, tsy misy
 olon-kafa manana zò. Andriamanitra no manao ny Fandikany
 Manokana. Izy no nanao ny teny fikasana. Izy no nilaza fa Izy
 no hanao an'izao amin'ny andro farany.

Ary amin'ny andro farany dia hanajamba ny mason'ny
 olona ilay andriamanitr'izao taona ratsy izao, miaraka
 amin'ny fahalalany ara-tsaina, eo amin'ny hazo mifangaro
 iray an'ny tsara sy ny ratsy, mbola manome an'izany foana
 ho an'ny olona. Ary indro fa tonga izany, ilay zavatra izay
 miafara, ilay anaram-piangonana avy tany aoriana lavitra
 tany tao amin'ireo Taona Maizina, sy talohan'ireo Taona
 Maizina, ny rehetra dia miafara amin'ny olona ambony
 iray, Satana, izay nanao hoe, “Hanandratra ny tenako any
 ambonin'ireo zanak'Andriamanitra aho, ary hihaino ahy
 izy ireo.” “Ary mipetraka ho Andriamanitra izy ao amin'ny
 tempolin'Andriamanitra, ary ho lavo amin'izany ireo
 zanak'Andriamanitra.”

¹⁸¹ Nahoana, ilay zanak'Andriamanitra, dia hanao hoe, “Eny,
 ny vadiko, tsy izany izy; izy dia tsara iray...” Mandrosoa,
 manohiza fotsiny. Hitanareo?

Hoy ianareo hoe, “Eny, Izy no nilaza hoe
 ‘zanak'Andriamanitra.’” Eny, tompoko.

Ny lehilahy, na iza izy na iza, dia natao tamin'ny
 endrik'Andriamanitra, ho an'ny voninahitr'Andriamanitra.

Ary ny vehivavy iray dia vokatra iray ho an'ny lehilahy, tsy avy amin'Andriamanitra. Marina. "Rehefa hitan'ireo zanakalahin'Andriamanitra fa tsara tarehy ireo zanakavavin'ny olona, dia nalainy ireo vehivavy ireo."

"Ary tahaka ny tamin'ny andron'i Noa, dia ho toy izany koa amin'ny fihavian'ny Zanak'olona."

Ankehitriny jereo, raha tianareo ho fantatra hoe toerana inona no misy an'ilay fiangonana, dia diniho hoe toerana inona no misy ny vehivavy, hitanareo, satria izy no fiangonana. Diniho izay ataony, hitanareo, sy izao taona ratsy mpijangajanga izao.

¹⁸² Jereo, tsy nisy mihitsy tanàna ratsy indrindra, ratsy fanahy indrindra, ambany indrindra, mijangajanga teto amin'izao tontolo izao, mihoatra noho i Nazareta, nefa avy tao no nifidianan'Andriamanitra virijiny iray. "Mba mety misy zavatra tsara ve avy ao Nazareta?"

Ary avy ao amin'izao taona ratsy izao, izay nanajamban'ilay andriamanitr'izao taona ratsy izao ny mason'ny olona, miaraka amin'ireo dogmany sy anaram-piangonany; avy ao amin'io taona io mihitsy, no hifidianan'Andriamanitra vahoaka iray ho an'Ny Anarany.

Na dia tsy raharahiana sy amavoina aza eto, indray andro any dia ny Tompo no hampiditra

An'ireo Nofidiany ao amin'ny vavahady, ary izany no zava-drehetra misy vidiny.

Amin'izay fotoana izay isika dia hihira sy hiantsoantso, ary handihy amin'izany, Ilay Zanak'ondry no hanamaina ny ranomasontsika;

Hanana herinandrom-pihaonana mahafaly iray isika,

Ireo taona iray alina voalohany. (Marina izany.)

Vahoaka iray mahagaga ho an'Ny Anarany ary izy ireo dia antsoina hoe Ny Ampakariny. (Marina ve izany?)

Na dia tsy raharahiana sy amavoina aza, indray andro any dia ny Tompo no hampiditra

An'ireo nofidiana ao amin'ny vavahady, (ao amin'ny fifindrana) ary izany no zava-drehetra misy vidiny amiko.

¹⁸³ Lasa lehilahy antitra iray aho. Ary manomboka malazo ireo androko; sy manomboka pahina ny fahitako; ary manomboka mihamaty ireo lelafo kelin'ny fiainako. Tsy matahotra aizina aho. Fa te-hilaza an'izao aho, miaraka

amin'i Paoly hoe, "Mahafantatra Azy ao amin'ny herin'ny Fitsanganany aho." Tsy mampaninona na aiza no andoroan'izy ireo ahy, raha maty an-drano ao anatin'ny ranomasina aho, na may ao anatin'ny lafaoro iray, na lanin'ny liona, dia hiantso ny anarako Izy, ary hiteny aho. Amena!

Ndao isika hivavaka.

¹⁸⁴ Raha misy ato, na ao amin'ny fifandraisana amin'izao Hafatra izao manerana ny firenena, ao amin'ny fiangonana kelinareo sy vondronareo ary ireo efitranonareo, ary na aiza na aiza ipetrahanareo, raha misy anankiray, oh, mamelà ahy handresy lahatra anareo; mamelà ahy hiangavy anareo, amin'ny maha-mpitoritenin'ny Filazantsara iray; mamelà ahy hiangavy anareo, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy; andosiro ny fahatezeran'izao taona ratsy izao! Aza manompo an'ilay andriamanitr'izao taona ratsy izao.

Oh, fantatro fa hoy ianareo hoe, "Tsara ilay izy. Tsara izy ireo." Marina tokoa, hazo mifangaro iray. Tsy afaka mampifangaro ny fahalalana amin'ny Tenin'Andriamanitra ianareo.

Izany dia Teny izay tsy maintsy inoana amin'ny finoana, tsy fahalalana. Tsy azonareo Izy; ekenareo Izy. Milaza ianareo fa marina Izy, ary avy eo dia miaina Aminy ianareo. Izay ihany no Angatahany mba hataonareo.

Raha misy anankiray izay manatrika ato amin'ny vondrontsika, tsy afaka manao antso eny amin'ny alitara isika hampiakatra azy ireo eto, satria tsy misy efitra; na any ivelany amin'ny onjam-peo, ao amin'ny laharan'ny telefona, raha misy anankiray any izay tsy mahafantatra Azy. Aza . . .

¹⁸⁵ Oh, ry vehivavy, nandevilevy anareo aho izao maraina izao, tsy izaho, nanonona fotsiny ny Teny aho. Volo fohy, manao an'ireny akanjo ratsy kely ireny, mampitafy ny tenanareo ho tena toy ny mampiseho fitanjahana, tsy fantatrarao ve fa ilay fanahy izay . . . Mety ho madio ianareo, ranabavy, malala, raha ny amin'ny vatanareo, saingy ao amin'ny fanahinareo dia tsy hitanareo ve hoe inona no mihazona anareo?

Andriamanitra ve dia hanao ny Zanakavaviny ho toy ny mampiseho fitanjahana mba hamitaka ny Zanakalahiny manokana, mba hitsiriritra azy, ka hanao azy roa ireo hamaly noho ny fijangajangana? Hanao an'izany ve Izy, ranabavy? Apetraho amin'ny tenanareo izany fanontaniana izany. Tsia, tsy any amin'ny an'aliny mailly akory izany. Aza mametraka an'izany eo amin'Andriamanitra.

¹⁸⁶ Rahalahy, andriamanitra ve no nanome anareo ny fanahin'ity izao tontolo izao ity hany ka tsy afaka mahita ianareo fa ratsy izany? Nanajamba ny masonareo ve izy, teo amin'ireo etikan'ny fiangonana, ny anaram-piangonana, ny fanekem-pinoana, sy ny sisa, mba tsy ahafahanareo mahita

fa Andriamanitra dia manamarina Ny Teniny ary manao Azy ho toy izany? Ny asanareo ve, ny mpampiasanareo ve, ny vadinareo ve, ny zanakareo ve, ny fiangonanareo ve, na zavatra iray, no nampisaraka anareo tamin'ny Tenin'Andriamanitra, izay hany loharanon'ny Fiainana? Andosiro izany, ry rahalahiko! Tiako ianareo, amin'ny fitiavana masina. Tsy manaja rahalahy hafa ankoatra anareo aho, tsia mihitsy. Raha nanao aho, dia ho nampiseho fanajana olona. Tsy milaza an'ireo zavatra ireo mba hampahatezitra anareo aho. Mampiseho aho, milaza an'ireo zavatra ireo satria ao amin'ny Tenin'Andriamanitra izy ireo. Ary amin'ny maha-mpanompon'Andriamanitra, sy ny fitiavana an'Andriamanitra ao am-poko, dia miteny aminareo an'ireo zavatra ireo aho mba hahitanareo sy ahazoanareo. Mety ho tsy nahafantatra ianareo raha tsy niteny taminareo aho. Handositra an'izany ve ianareo androany?

Ankehitriny, miaraka amin'ireo manerana ny firenena na aiza na aiza, ndao isika hanondrika ny lohantsika.

¹⁸⁷ Andriamanitra malala, mipetraka eto anoloako ireo mosara. Marary ny olona; Mametraka ny tânako eo amin'izy ireo aho, mba Hanasitrananao azy ireo.

¹⁸⁸ Ary matoky aho, Tompo, rahariva, fa hisy fotoana iray lehibe, ka ho eto ny Herin'Andriamanitra, famantarana sy fahagagana lehibe. Raha nandre an'ireo vokatra avy tamin'ireo fivoriana farany sasany izahay, goavana be toy ny ahoana, nahita an'izany nitranga! Mivavaka aho, Andriamanitra malala, mba Hanomezanao anay anjara roa rahariva. Mivavaka an'izany amin'ny fo tsotra iray aho, Tompo, satria izany no fitiavako Anao sy Ny Teninao, ary ireto olona ireto. Ekeo izany, Andriamanitra malala.

¹⁸⁹ Ary raha manerana ny firenena, na ny eto ankehitriny aza, ka misy sasany izay marary sy ory, ary tsy maintsy ho lasa rahariva, tsy ho eto, na any amin'ireo fiangonana na toerana izay ihaonan'izy ireo; mivavaka aho mba Hanasitrananao azy ireo. Ankehitriny, Tompo, ho an'ny lehibe indrindra amin'ny fanasitranana rehetra! Raha manasitrana ny tenan'izy ireo ara-batana tamin'ny homamiadana Ianao, TB, aretin'avokavoka, zavatra iray, dia mbola harary indray izy ireo, tsy isalasalana, raha ho velona tena ela izy ireo, satria ny vatan'izy ireo dia mbola eo ambanin'ny ota foana, ilay ozona. Fa avelao izy ireo hahazo an'ilay-ilay tena fanasitranana avy amin'Andriamanitra, ilay fanasitranana ny fanahy, izay manao olom-baovao, miala avy amin'ny fahafatesana ho amin'ny Fiainana, ary avy eo dia miandry ny fanavotana ny vatana ato amin'ity tabernakla tranainy ity rehefa avy navotana ny fanahy. Ekeo izany, Tompo.

¹⁹⁰ Enga anie izy ireo handositra an'ireo anaram-piangonana sy fanekem-pinoana. Andriamanitra, tany ivelany tany tao

amin'ireo fanekem-pinoana sy anaram-piangonana dia efa nihaona tamin'ireo rahalahy sasany tena tsara indrindra aho. Ary, Andriamanitra, ahoana no ahafahako hilaza an'izany mba habitan'izy ireo, ka hamela azy ireo habita ny Teny? Manelingelina ahy izany. Saingy fantatro, indray, fa Ianao no nilaza hoe, "Tsy misy olona mahay manatona," tsy mampaninona na tsara toy ny ahoana, malemy fanahy toy ny ahoana, mora fanahy toy ny ahoana, "raha tsy Ny Raiko no niantso azy. Ary izay rehetra nomen'Ny Raiko Ahy, izy ireo no hanatona." Ary, Tompo, tsapako fa ny andraikitra tokana dia ny miteny ny Fahamarinana.

Ary araka ny nolazain'i Paoly hoe, "Tsy mitondra ny Tenin'Andriamanitra amin'ny fitaka," miaraka amin'ny dogma ara-anaram-piangonana mifangaro ao Aminy, tahaka ny hazon'ny fifangaroan'ny tsara sy ny fahalalana, ny tsara sy ny ratsy; fa miaraka amin'ny fo iray misokatra sy ny Fanahy Masina. Ekeo izany, Andriamanitra. Vonjeo ny tsirairay avy.

¹⁹¹ Ankehitriny miaraka amin'ny lohantsika miondrika sy ny masontsika mikimpy. Ary tsy amiko. . . Izaho tsy afaka hiteny an'ilay izy tahaka an'izao hoe, "Tsy manao fahasamihafana amiko izany na manao ianareo na tsia." Manao fahasamihafana amiko izany. Tiako ianareo. Ary manantena aho fa tsy hihevitra ianareo hoe satria aho voatery hiteny henjana. . . Araka ny nolazain'i Paoly hoe, "Tiako ny hanatrika anareo, ka hanova ny fihetsiko aho." Ilay izy dia tsy hoe satria tsy tia azy ireo izy; tiany izy ireo. Tsy. . . Tahaka ny nananaran'i Jesosy azy ireo sy ho faty ho azy ireo avy eo. Hitanareo, "Ray, mamela azy ireo; tsy fantany akory aza izay ataony." Ny mieritreritra, olombelona iray izay te-hahitsy, sy miezaka ny hahitsy, nefa mahita an'ilay devoly. . . Izay ilay anankiray izay toheriko, izay nanajamba ny mason'ireo olona ireo.

¹⁹² Ity firenena ity dia tsy maintsy hodoran'ny voninahitr'Andriamanitra, mahita an'izay niseho tao aminy amin'izao andro farany izao, ity farany ity. Nahoana ireo fifohazana no tsy nahakasika an'ireo firenena fahiny? Ity no Morontsiraka Andrefana eto, ny farany andrefana indrindra izay azonareo aleha. Ankehitriny efa nikotroka tao ambanin'ny tany ny sakan'ny fahotana, ary eo am-pilentehana izy; ireo toerana, sy Los Angeles ary Hollywood, dia milentika inches maro be isan'ora, tsy misy fomba hampijanonana an'izany. Hia, eto isika. Amin'ny fotoana rehetra mihitsy no handrenesantsika an'ireo fiantsoana. Raha fantatrareo fa. . .

Ankehitriny, aoka tsy hisy olona hijery. Fa raha fantatrareo, avy ao amin'ny fonareo. . . Manontany anareo aho. Tsy afaka mahafantatra ny fonareo aho, raha tsy Andriamanitra no manambara an'izany. Fa avy ao amin'ny fonareo, raha afaka mahita ianareo fa ianareo dia tsy eo amin'izay tokony hisy anareo miaraka amin'Andriamanitra sy Ny Teniny, amin'ny

finoana, dia hanangana ny tãnanareo Aminy fotsiny ve ianareo, hilaza Aminy hoe, “Tompo, hanampy ahy anie Ianao.” O Andriamanitra! Ato amin’ity fiangonana ity, hipoka, hipoka manerana ny rindrina, ato anatin’ny sy ivelany, tãnana an-jatony ara-bakiteny, angamba tãnana roanjato no mitsangana. Misaotra anareo noho ny fahitsim-ponareo.

¹⁹³ Jesosy malala, aza avela ho very ny anankiray amin’izy ireo. Amin’ny maha-Mpanomponao, izay mitsangana eo anelanelan’ny velona sy ny maty, manondro amin’izy ireo, miaraka amin’ny rantsan-tãnana iray, ny Tenin’Andriamanitra. Tsy afaka mamonjy azy ireo aho, Tompo, nefa te-ho vonjena izy ireo. Ary, Ray, araka ny nolazaiko imbetsaka, fa ny masoandro dia mimosaka amin’ny maraina; ary arakaraky ny hiakarany mitety ny tany, dia nirahin’Andriamanitra izy mba hanamasaka an’ily voa, mba hanao sakafo ara-boajanahary ho an’ny fiainana ara-boajanahary. Fa, O Andriamanitra, Ianao no nanao hoe, “Ho an’ireo izay matahotra Ny Anarany no hiposahan’ny Masoandron’ny fahamarinana miaraka amin’ny fanasitranana eo amin’ny Elany.” Aoka ilay Masoandron’ny fahamarinana, ny Tenin’Andriamanitra, hiposaka ao am-pon’ny olona, ary ireo taratry ny fanasitranana an’ny finoana ao amin’ity Teny ity no hanasitranana ireo rehetra tsy mpankatò ny Teny, ka hitondra azy ireo ao amin’ily fahafenoan’ireo zanakalahy sy zanakavavin’Andriamanitra.

Anao izy ireo, Tompo. Amin’ny Anaran’i Jesosy Kristy, ny eto sy ny ao amin’ny onjam-peo, dia manolotra an’ireo izay nanangana ny tãnany Taminao aho ho an’ny famonjena ny fanahin’izy ireo. Amena.

Eo no hahitan’ny fanahiko ampakarina (Aiza?)

Eo amin’ity alitara ity.)

Fitsaharana any ankoatra . . . (amin’ny finoana no ijereko any amin’ily handehanako)

Akaikin’ny hazo fijaliana, (eo no mihantona ny Teny) . . . ny hazo fijaliana,

No voninahitro mandrakariva;

Mandra-pahitan’ny fanahiko ampakarina

Fitsaharana any ankoatran’ily renirano.

Jesosy, tehirizo aho . . . (Izany hoe, voahombo niaraka Taminy, tsy mila na inona na inona avy amin’izao tontolo izao. “Tehirizo ho voahombo aho.”)

Misy loharano sarobidy iray,

Maimaim-poana ho an’ny rehetra izany, onim-panasitranana iray,

Mikoriana avy eo amin’ny loharanon’i Kalvary.

Eo amin'ny hazo fijaliana, eo amin'ny hazo
fijaliana,
No voninahitro (ndao isika hanangana ny
tànantsika) mandrakariva;
Mandra-pahitan'ny fanahiko ampakarina
Fitsaharana any ankoatran'ilay renirano.

¹⁹⁴ [Miresaka amin'ireo mpitendry zava-maneno Rahalahy Branham ankehitriny—Mpand.] “Reko ny Mpamonjiko miantso.”

Atsory ary hazòny ny tònàn'ny olona iray, ka manaova hoe,
“Andriamanitra hitahy anao, ry Kristiana.”

[Miresaka amin'ireo mpitendry zava-maneno indray Rahalahy Branham—Mpand.] “Reko ny Mpamonjiko miantso.”

Tsapanareo ve Ny Fanatrehany? [Hoy ny fiangonana hoe,
“Amena.”—Mpand.]

Ny any ivelany ao amin'ireo onjan'ny telefona, ianareo rehetra raiso ny tònàn'ny hafa any, ka manaova hoe,
“Andriamanitra hitahy anao, ry Kristiana.”

¹⁹⁵ Fantatrareo, misy dobon-drano ato aoriana ato. Eo am-pandraisana vahoaka iray izay mitondra Ny Anarany Izy. Raha tsy natao batisa tamin'ny Anaran'i Jesosy Kristy ianareo ho famelana ny otanareo, dia misy dobo iray ao, misy akanjo ao, misy olona efa mitsangana ao. Tonga soa ianareo, raha manaiky marina tokoa an'i Jesosy ho Mpamonjinareo ka mino fa izany no Fahamarinana.

¹⁹⁶ Tsarovy, tsy nisy mihitsy olona iray ao amin'ny Baiboly, na fotoana iray talohan'ny fandrafetan'ny fiangonana Katolika, mba natao batisa tamin'ny fomba hafa afa-tsy tamin'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Tsy misy toerana hita ao amin'ny Soratra, na ny tantara, ka mba nisy olona natao batisa, tao amin'ny Fiangonan'Andriamanitra velona, tamin'ny anaran'ireo titra an'ny “Ray, Zanaka, Fanahy Masina.” Dogma Katolika izany, fa tsy fampianaran'ny Baiboly.

¹⁹⁷ Tamin'ny fanadihadian'ny pretra iray, no nanontaniako azy an'izany. Hoy izy hoe, “Izany no fahamarinana. Fa izahay no fiangonana; afaka manova an'izay tianay hovaina izahay. Ao amin'ny fiangonana ny haja. Andriamanitra dia ao amin'ny Fiangonany.”

¹⁹⁸ Hoy aho hoe, “Ao amin'Ny Teniny Andriamanitra. Ary raha ny fiangonana no...” Hoy aho hoe, “Andriamanitra dia ny Teny. Ary raha mifanohitra amin'ny Teny ny fiangonana, amin'izay fotoana izay dia tsy mino ny fiangonana aho.”

Aoka ataoko ho lainga ny tenin'olona rehetra, na pretra izy, papa, na mety ho inona izy, ary ny Tenin'Andriamanitra ho marina.

Ary i Paoly no nitaona ny olona rehetra, tsy mampaninona na toy ny ahoana no nanaovana batisa azy, raha tsy natao batisa tamin'ny Anaran'i Jesosy Kristy izy, mba ho tonga ka hatao batisa indray.

¹⁹⁹ Ary taorian'ny efa nandraisan'ny sasany ny Fanahy Masina, dia hoy i Petera hoe, “Afaka mandrara ny rano ve isika, nahita fa efa nandray ny Fanahy Masina izy ireo,” Asa 10:49, “nahita fa efa nandray ny Fanahy Masina izy ireo tahaka antsika tamin'ny...” Ary nandidy azy ireo izy hoe, “Alohan'ny handaozanareo ny toerana, na dia efa nandray ny Fanahy Masina aza ianareo, avia ary aoka hatao batisa amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy.”

Fa, Petera no nomena ny fanalahidin'ny Fanjakana, manao hoe, “Na inona na inona fehezinao eto an-tany, dia Hofeheziko izany any An-danitra.” Ary inona no ataon'ny fanalahidy iray? Manokatra zavatra iray izany, ny zava-miafina.

²⁰⁰ Ary rehefa hoy Jesosy hoe, “Mandehana, manaova batisa azy ireo amin'ny Anaran'ny Ray, Zanaka, Fanahy Masina,” dia nametraka an'izany teo mba hanajamba an'ilay tsy mpino.

Diniho! Naninona no tsy notanterahan'i Petera izany, ara-bakiteny? Tokony ho nanao izy.

Raha ny olona iray no natao batisa tamin'ireo titra, “Ray, Zanaka, Fanahy Masina,” dia tsy natao batisa mihitsy izy; tsy manana Anarana izy. Tsy anarana ny *Ray*, tsy anarana ny *Zanaka*, ary tsy anarana ny *Fanahy Masina*. Ny Fanahy Masina dia izay maha-izy Azy; tahaka ny hoe, izaho dia olombelona iray. Izy dia ny Fanahy Masina.

Ray dia titra; izaho dia ray iray. *Zanaka* dia titra; izaho dia zanaka iray. *Olombelona* dia titra; izany no maha-izy ahy. Fa ny anarako dia William Branham.

Ary ny Anaran'ny Ray, Zanaka, Fanahy Masina dia ny Anaran'i “Jesosy Kristy.” Hoy Jesosy hoe, “Tonga tamin'ny Anaran'Ny Raiko Aho.” Inona ilay Anaran'ny Ray? Ny zanaka rehetra dia tonga amin'ny anaran'ny rainy. Ary ny Anaran'ny Ray dia Jesosy Kristy. Hitanareo? Hitanareo ve izay tiako ho lazaina?

²⁰¹ Raha niteny taminareo aho mba handeha ka haka zavatra eo amin'ny latabatra fivarotana eto, amin'ny anaran'ny ben'ny tanàna. Firy no mahafantatra hoe iza no ben'ny tanàna? Ny sakaizako tsara, Rich Vissing. Eny, tsy handeha any ianareo ka hanao hoe “amin'ny anaran'ny ben'ny tanàna.” Hoy ianareo hoe, “Amin'ny anaran'i Richard Vissing.” Ianareo vahoakan'i Jeffersonville eto dia mahafantatra hoe iza izy.

Ary izany no antony Nilazany hoe, “Ray, Zanaka, ary Fanahy Masina.” Ao Aminy no itoeran'ny Maha-Andriamanitra,

ilay fahafenoan'ny Maha-Andriamanitra ara-batana. Hoy Izy hoe, “Manaova batisa azy ireo amin'ny Anaran'ny Ray, Zanaka, Fanahy Masina.”

²⁰² Nitsangana teo i Petera niaraka tamin'ny fanambarana fa eo amin'izany no Anorenany ny Fiangonana, ny amin'ny hoe Iza Izy, hoy izy hoe, “Mibebaha, ny tsirairay avy aminareo, ary aoka hatao batisa amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy.” Ary tsy... Nihodina tany An-danitra sy teto an-tany ireo fanalahidy. “Tsy misy Anarana eto ambanin'ny Lanitra nomena eo anivon'ny olona izay tsy maintsy hahavonjy anareo.”

²⁰³ Nahoana ianareo no manao batisa amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy? Ho an'ny famelana ny fahotana. “Na iza na iza avelanareo fahotana, dia avela izany amin'izy ireo.” Hitanareo?

Fa raha tsy mihevitra ianareo hoe mendrika izy ary azo hatao batisa, dia aza manao an'izany. Satria, rehefa manao an'izany ianareo, dia izay no izy, hitanareo. Azonareo ve izay tiako ho lazaina?

Reko ny Mpam-...(ny Teny) miantso,
(miantso hidina ao am-pasana ao)

Reko... (“Tsy ho faty miaraka Amiko ve ianao, mba hahafahanao hitsangana miaraka Amiko?”)...-jiko miantso,

Reko ny Mpamonjiko miantso, (inona no ho lazain'izao tontolo izao?)

“Ento ny hazo fijalianao, ka manaraha, manaraha...”

Ankehitriny, raha mbola tsy natao ianareo:

Izay Izy (Izy no Teny) itarihany ahy... (io ny dobo)

Izay Itarihany ahy dia hanaraka aho,

Izay Itarihany ahy dia hanaraka aho,

Handeha hiaraka Aminy aho, hiaraka Aminy hatramin'ny farany.

Ndao isika hanondrika ny lohantsika.

²⁰⁴ Andriamanitra malala, vonona ny dobo. Ankehitriny dia mitenena amin'ireo fo, Tompo. Enga anie izy ireo handre an'i Kristy, ilay Teny, miantso azy ireo, ka handeha hiaraka Aminy hatramin'ny farany.

“Handeha hiaraka Aminy aho hitety ny saha. Handeha hiaraka Aminy aho ho ao amin'ny dobo. Handray Ny Anarany aho. Te-ho isan'ilay vahoaka izay Antsoiny ho an'Ny Anarany aho. Hino Ny Teniny aho. Hanaraka aho. Tsy hisakaiza amin'izao tontolo izao intsony aho. Ho Ampakarina marina iray aho, voafofo. Tsy hamela tendron-tsoratra anankiray avy amin'Ny Teniny aho. Ny fitakiana rehetra, izaho dia ho tena Ampakarina iray, marina. Ny zavatra rehetra Takiany mba hataoko, dia hataoko izany.

“Raha tian’ilay Vadiko izay ho avy aho hamela ny voloko haniry, hataoko izany. Raha Tiany hanala an’ity lokon-tarehy rehetra ity aho, hataoko izany. Raha Tiany . . . Miteny amiko Izy fa fanahy ratsy iray izany, ilay anankiray izay hisakaizako, miaraka amin’ireo akanjo toa mampitanjaka; dia hataoko izany, ho esoriko izy ireny. Tsy ahoako izay lazain’ny olon-kafa, ho esoriko izy ireny.

“Raha Tiany hivoaka avy ao amin’io andiany izay iarahako io aho, an’ireo tsy mpino, dia hataoko izany; na izany aza no anaovako ny mofoko, na inona izany na inona. Izy no nampanantena fa tsy handao ahy mihitsy Izy na hahafoy ahy. Izaho dia—izaho dia hanao an’izany. Handeha hiaraka Aminy hatramin’ny farany aho. Raha Tiany hatao batisa amin’Ny Anarany aho, dia hataoko izany.”

Tompo, Ianao no nampanantena an’izany eto amin’Ny Teninao eto, fa izany no Tianao. Enga anie ny olona rehetra hahita an’izany, Tompo, ary amin’ny fahamoram-panahy, amin’ny fanetre-tena hiondrika amin’Izany. Amin’ny Anaran’i Jesosy no ivavahako. Amena.

²⁰⁵ Mikambana amin’Andriamanitra ianareo. Enga anie Andriamanitra handray an’ireo teny kely tapatapaka ka hanao azy ireo ho tena misy aminareo, izany no fivavahako tsotra.

Ho vonona ny dobo. Ny olona rehetra izay te-ho avy, izy ireo dia . . . Hilaza an’izany ilay mpitoriteny rehefa avy eo. Ny olona rehetra izay nibebaka ka te-hatao batisa, mampiasa ny Anaran’i Jesosy Kristy, dia mandrosoa avy hatrany fotsiny ianareo. Vonona ny zavatra rehetra. “Ny zava-drehetra dia vonona.” Ny zavatra rehetra izay azonay hanampiana anareo mba hiaina ho an’Andriamanitra, dia eto izahay hanao an’izany. Andriamanitra hitahy anareo.

²⁰⁶ Ankehitriny ndao isika hitsangana. Ankehitriny ilay hira kelintsika, *Tiako Izy*. “Tiako Izy satria nitia ahy mialoha Izy.” Ndao isika hihira an’izany, ny olona rehetra ankehitriny.

Tiako Izy, . . .

Ndao isika hanangana ny tânantsika raha mihira an’izany.

. . . tiako Izy

Satria nitia ahy mialoha Izy

Ka nividy ny famonjeko


Teo amin’ny hazon’i Kalvary.

Miaraka amin’ny lohantsika sy ny fontsika miondrika ankehitriny, ndao isika hisamonomonona an’izany ho Azy. [Manomboka misamonomonona ny *Tiako Izy* Rahalahy Branham—Mpand.]

Tiako Izy.

[Manohy misamonomonona ny *Tiako Izy* Rahalahy Branham—Mpand.]

O Andriamanitra, Rainay, mamindrà fo aminay olona mahantra, Tompo. Atanjaho izahay ho an'ny asa izay mipetraka eo alohanay. Ampio aho, O Andriamanitra, ampio aho! Tsapako fa misy zavatra izay mipetraka mihitsy eto, Ray. Ampio aho, O Andriamanitra, mba hahafantatra ny Fahamarinana. Tahio ireto olona ireto, Andriamanitra malala. Tariho izy ireo, mivavaka aho, amin'ny Anaran'i Jesosy.

²⁰⁷ Ankehitriny raha mbola manondrika ny lohantsika isika, dia hangataka ny pasitera eto aho, Rahalahy Neville, ny rahalahintsika sarobidy, hiakatra eto ankehitriny ary hilaza an'izay holazainy, mikasika an'izay...mikasika ny batisa. Mety efa voalazako izany. Heveriko fa misokatra ny dobo, raha izany. 

NY ANDRIAMANITR'IZAO TAONA RATSY IZAO MAG65-0801M
(The God Of This Evil Age)

Ity Hafatr'i Rahalahy William Marrion Branham ity, izay notoriana tamin'ny Teny Anglisy ny Alahady maraina, 1 Aogositra, 1965, tao amin'ny Branham Tabernacle ao Jeffersonville, Indiana, U.S.A., dia nalaina avy tamin'ny horonam-peo ary natonta manontolo amin'ny Teny Anglisy. Ity fandikana amin'ny Teny Malagasy ity dia natonta sy nozarain'ny Voice Of God Recordings.

MALAGASY

©2015 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

VOICE OF GOD RECORDINGS
P.O. Box 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.
www.branham.org

Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:

VOICE OF GOD RECORDINGS
P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.
www.branham.org